



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitilavana - Tanindrazana - Fandrosoana

MINISTRE DE L'INTERIEUR ET DE LA DECENTRALISATION

LALANA MOMBA NY FITSINJARAM-PAHEFANA



ONCD
Office National de Concertation sur la Décentralisation



*Au service
des peuples
et des nations*



TENIN'NY MINISITRA

Ny famoahana hanan-kery ireo lalàna telo vaovao momba ny fitsinjaram-pahefana dia manamafy tsy ampihambahambana ny fahavononan'ny fitondrana Malagasy izay tarihin'Andriamatoa hajaina, Filohan'ny Repoblika, Hery RAJAONARIMAMPIANINA, hanatanteraka ny fitsinjaram-pahefana tena izy eto Madagasikara. Ireo lalàna samihafa ireo izay nolaniana teo anivon'ny Antenimieram-pirenena ary navoakan'ny Filohan'ny Repoblika hanankery dia ireto avy :

- Ny lalàna fehizoro laharana 2014 – 018 tamin'ny 12 septambra 2014 mifehy ny tandrifim- pahefana, ny fombafomba fandaminana sy ny fomba fiasan'ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram- pahefana, ary koa ny fitantanana ny raharahany manokana,

- Ny lalàna laharana faha 2014 – 020 tamin'ny 27 septambra 2014 mikasika ny loharanom- bolan'ireo vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana, ny fombafomba fanaovana ny fifidianana, ary koa ny fandaminana sy ny fomba fiasa ary ny anjara andraikitrin'ny ratsa-mangaika ao aminy, ary

- Ny lalàna laharana faha 2014 – 021 tamin'ny 12 septambra 2014 mikasika ny fisoloan-tenam-panjakana.

Amin'ny alàlan'ny fiaraha-miasan'ny Ofisim-pirenena ifampidihina ho an'ny Fitsinjaram-pahefana (ONCD) sy ny Fandaharan'asan'ny firenena mikambana momban'ny fampandrosoana (PNUD), ny Ministera dia manolotra eo am-pelantanana'ireo tompon'andraikitrin'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana sy ny Sampandraharaham-panjakana ifontony ary ireo fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakana ity boky amin'ny teny malagasy sy amin'ny teny frantsay ity.

Ny fisian'ny fitaovana toy intony dia inoana marina fa hanatsara ny fomba fiasa sy ny fandraisana fanampahan-kevitra eo anivon'ireo mpisehatra rehetra.

Eo andanin'izay, ny Governemanta amin'ny alalan'ny Ministeran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram- pahefana, dia handray an-tànana ny fanamparihana ireo lalàna voalaza ireo eny anivon'ny lafin- tany manerana ny nosy mba ahafahan'ireo antokon'olona samihafa ahalala sy hiaina io politikam- panjakana vaovao momba ny fampandrosoana ifontony io.

Eto am-pamaranana dia tiako ny maneho etoana ny fisaorana feno ho an'ireo izay nandray anjara tamin'ny fanatontosana ity boky izay miedrika fitaom-piasana ity.

Le Ministre de l'Intérieur et de la Décentralisation



MAHAFAHY Solonandrasana Olivier



SASIN-TENY

Niatrika krizy ara-piarahamonina sy ara-politika lehibe nandritry ny dimy taona i Madagasikara. Nisy akony goavana teo amin'ny lafiny ara-toekarena sy ny sôsialim-bahoaka amin'ny ankapobeny izany. Nananosarotra ny ady tamin'ny fahantrana ny tsy fahatomombanan'ny rafi-panjakana, vao maika aza niha-lalim-paka ny fahasahiranana'ireo sokajy tena marefo. Nanomboka ny taona 2014, taorian'ny nametrahana ireo andrim-panjakana voafidim-bahoaka anefa dia tsapa ny firosoan'ny firenena amin'ny fametrahana rafitra marim-pototra sy ny fanarenana ny lafiny ara-toekarena mba hanorenana fampandrosoana miken-dry ny tombotsoan'ny rehetra. Mba hiatrehana ny fanamby

momba ny ady amin'ny fahantrana dia nanambara ny Filohan'ny Repoblika malagasy nandritry ny fametrahana azy tamin'ny fomba ofisialy fa anisan'ny laharam-pahamehana ho an'ny fanjakana tantanany ny famolavolana fandaharanasa momba ny fitsinjaram-pahefana tena izy, izay mamaly ny hetahetan'ny mponina. Fanomezan-toky izay namafisy nandritry ny Atrikasa Nasionaly mikasika ny Fitsinjaram-pahefana natao ny 21 jolay 2014. Izany vina izany dia mifandraika tanteraka amin'ny famakafakana hita ao anatin'ny antotan-kevitra mitondra ny lohateny hoe «Peace and Conflict Impact Assessment» nivoaka tamin'ny taona 2010, izay manamafy ny maha zava-dehibe ny fitsinjaram-pahefana tena izy mba hiadiana amin'ireo fototrolana mahatonga ny fiverimbere-nan'ny krizy eto Madagasikara.

Ny fandanianana ireto lalàna telo vaovao voarakitra ao anatin'ity tahirin-kevitra ity dia dingana lehibe amin'ny fametrahana ny fitsinjaram-pahefana eto Madagasikara ary maneho ny finjavana ara-politikan'ny fitondrana hiroso amin'izany lalana izany. Ny fahombiazan'ny dingana ho amin'ny Fitsinjaram-pahefana toy izao anefa dia miankina tanteraka amin'ny fandraisan'anjaran'ireo mpisehatra sy tomponandraikitra isan'ambaratongany ary ny fahatsapan'ny rehetra ho tompony, indrindra ny olom-pirenena tsirairay izay fototra iorenan'izany fitsinjaram-pahefana izany.

Hatramin'ny taona 90, ny Fandaharanasan'ny Firenena Mikambana ho an'ny Fampandrosoana (PNUD) dia anisan'ireo mpanohana mavitrika ny ezaka fametrahana ny fitsinjaram-pahefana teto Madagasikara, na tamin'ny famolavolana paikady na tamin'ny lafiny fampitaovana ho fanamafisana ny fahaizamanaon'ireo vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana. Ny fanohanana ny fanaparahana ireto lalàna telo vaovao ireto sy ny fanatanterahana ireo atrikasa isam-paritra mifandraika amin'izany dia endrika iray itarafana ny fanavaozan'ny PNUD ny fiombonany antoka amin'ny fametrahana ny fitsinjaram-pahefana eto amin'ny nosy. Fiombonan'antoka izay hohamafisina amin'ny alalan'ny fifanaraham-piarahamiasa amin'ny Ministeran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana ao anatin'ny fanatanterahana ny Fandaharanasan'i PNUD ho an'ny taona 2015-2019.

Iriako fa ity antotan-kevitra ity dia hanatsara ny fahalalan'ireo mpisehatra sy tomponandraikitra isan'ambaratongany, na eo amin'ny sehatra nasionaly na hatrany ifotony, ary hanamafy ny fandraisan'anjaran'izy ireo amin'ny fampiharana ireo lalàna ireo mba hametrahana ny fototry ny fampandrosoana mirindra sy maharitra, mikendry ny tombotsoan'ny rehetra ary manome hasina ny zon'olombelona.

Fatma SAMOURA

Représentante résidente

Programme des Nations Unies pour le Développement

Solon-tenan'i PNUD monina eto Madagasikara

LALANA FEHIZORO LAHARANA FAHA 2014-018 TAMIN'NY 12 SEPTAMBRA 2014

**mifehy ny tandrifim-pahefana, ny fombafomba
fandaminana sy ny fomba fiasan'ny
vondrombahoakam-paritra itsinjaram-
pahefana, ary koa ny fitantanana ny
raharahany manokana.**

Gazetim-panjakan'ny Repoblikan'i Madagasikara laharana faha 03578
Laharana manokana tamin'ny 03 Oktobra 2014



FIZAHAN-TAKELAKA

TOKO VOALOHANY : FEPETRA ANKAPOBENY	7
TOKO FAHAROA : NY AMIN'IREO FITSIPIKA MIFEHY NY FANANGANANA SY FAMARITANA NY VONDROMBAHOAKAM-PARITRA ITSINJARAM-PAHEFANA	8
TOKO FAHATELO : NY AMIN'NY FAHEFANA SY NY TANDRIFIM-PAHEFAN'IREO VONDROMBAHOAKAM-PARITRA ITSINJARAM-PAHEFANA.....	10
SOKAJY VOALOHANY ANKAPOBEN-JAVATRA.....	10
SOKAJY FAHAROA : NY AMIN'NY FITSIPIKA FITSINJARANA NY TANDRIFIM- PAHEFAN'IREO VONDROMBAHOAKAM-PARITRA ITSINJARAM-PAHEFANA.....	10
SOKAJY FAHATELO : NY AMIN'NY TANDRIFIM-PAHEFAN'NY KAOMININA	13
SOKAJY FAHEFATRA : NY AMIN'NY TANDRIFIM-PAHEFAN'NY FARITRA.....	14
SOKAJY 5 : NY AMIN'NY TANDRIFIM-PAHEFAN'NY FARITANY	15
TOKO FAHEFATRA : NY AMIN'NY FOMBAFOMBA FANDAMINANA NY VONDROMBAHOAKAM-PARITRA ITSINJARAM-PAHEFANA.....	17
TOKO FAHADIMY : NY AMIN'IREO FOMBAFOMBA FAMPANDEHANAN-DRAHARAHA ENY AMIN'NY VONDROMBAHOAKAM-PARITRA ITSINJARAM-PAHEFANA	18
TOKO FAHAENINA : FEPETRA FARANY	20

FILAZANA NY ANTONANTONY

Ny Lalampandroanana tamin'ny 11 desambra 2010 eo amin'ny andininy faha 88 teboka efatra dia mametraka fa ny fitsipika mifehy ny tandrifim-pahefana, ny fombafomba fandaminana sy fiasan'ireo vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ary fitantanana ny raharahany manokana dia feran'ny lalana fehizoro.

Ity lalana fehizoro ity, izay maneho ny fampiarana izany fepetra izany, no anombohana an'ireo dingana fandrafetana ny didy aman-dalana momba ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ao anatin'ny Repoblika faha efatra. Izy no mamaritra ny sehatra fototry ny soridalan'ny politikan'ny Fitsinjaram-pahefana eto Madagasikara ho fampiharana ny Fitsinjaram-pahefana tena izy sy ny fampandrosoana ifotony.

Amin'izany, ity lalana fehizoro ity no mamaritra ny sehatra fitantanana ny raharaha ifoton'ireo Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana, indrindra ny fitsipika mifehy ireo fahefana sy tandrifim-pahefana, ny fombafomba fandaminana sy fiasan'ireo Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ary ny fepetra fanohanana mba iantohana ny fitoviana eo amin'izy ireo.

Ny tombony amin'ity lalana fehizoro ity dia :

- ▮ ny fanamafisana ireo efa nananana momba ny zotra ny fitsinjaram-pahefana natao teto Madagasikara;

- ▮ fanasongadinana ny fananganana ny asam-panjakana eny anivon'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ary koa ny ivontoerana fanofanana voatokana ho an'izany ;

- ▮ Fametrahana ny lasitra araky ny lalàna ny fiaraha-miombon'antoka eo amin'ny sehatra miankina sy tsy miankina ary koa ny fiaraha-miasa eo amin'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana na amin'ny samy eto antoerana na amin'ny any ivelany.

Ity lalàna fehizoro ity, misy andininy efatra amby dimampolo, dia mitsinjara ho toko enina izay manazava ny momba ireto:

- ▮ ny fepetra ankapobeny;

- ▮ ny amin'ireo fitsipika mifehy ny fananganana sy famaritana ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ;

- ▮ ny amin'ny fahefana sy ny tandrifim-pahefan'ireo vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ;

- ▮ ny amin'ny fombafomba fandaminana ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ;

- ▮ ny amin'ireo fombafomba fampandehanan-draharaha eny amin'ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ;

- ▮ fepetra farany.

LALANA FEHIZORO laharana faha 2014-018

mifehy ny tandrifim-pahefana, ny fombafomba fandaminana sy ny fomba fiasan'ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana, ary nyfitantanana ny raharahany manokana.

12 septambra 2014

Ny antenimieram-pirenena no nandany tamin'ny fivoriana nataony tamin'ny 14 aogositra 2014,

NY FILOHAN'NY REPOBLIKA,

Araka ny Lalam-panorenana ;

Araka ny fanapahana laharana faha 23 - HCC/D3 tamin'ny 10 septambra 2014 noraisin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana,

NO MAMOAKA HAMPANAN-KERY NY LALANA FEHIZORO IZAY TOY IZAO NY ANDININDININY :

TOKO VOALOHANY : FEPETRA ANKAPOBENY

Andininy volohany - Ity lalana fehizoro ity no mametra ny fitsipika mifehy ny tandrifim-pahefana, ny fombafomba fandaminana sy ny fomba fiasan'ny Vondrombahoakam-paritra Itsinjaram-pahefana, ary lasitry ny fitantanana ny raharahany manokana.

And.2 - Araka izay volaza ao amin'ny andininy faha143 ao amin'ny Lalampnanorenana, ny Vondrombahoakam-paritra Itsinjaram-pahefana eto amin'ny Repoblikan'i Madagasikara dia ny Kaominina, ny Faritra ary ny Faritany.

Ny fananganana, ny isa, ny famaritana, ny fiantsoana ary ny renivohitrana ireo vondrombahoakam- paritra itsinjaram-pahefana dia faritan'ny lalàna.

And.3 - Ny politikan'ny fitsinjaram-pahefana dia fandaharan'asa notapahina sy narindra ho an'ny fampandrosoana iaraha-manao, mifandanja sy milamina eto amin'ny tanin'ny Repoblika.

Ny tanjon'ny fitsinjaram-pahefana dia ny hiantoka ny fampiroboroboana ny fampandrosoana ny lafitany amin'ny alalan'ny fikarohana fomba fampandraisana anjara sy ny fanetsiketsehana ny mponina faran'izay tratra eo amin'ny ambaratonga rehetra.

And.4 - Ny fitsinjaram-pahefana dia miseho amin'ny alalan'ny famindrana amin'ireo Vondrombahoakam-paritra Itsinjaram-pahefana ny tandrifim-pahefana azy ireo manokana ary miavaka amin'ny an'ny Fanjakana.

Ny Vondrombahoakam-paritra Itsinjaram-pahefana dia manana fahefana

hamoaka didy amam- pitsipika ka ny fanapahan-kevitra raisin'izy ireo amin'izany dia iharan'ny fanaraha-maso ny fanarahan-dalàna atao aorian'ny namoahana azy.

And.5 - Ao anatin'ny fanatanterahana ny fitsinjaram-pahefana, ny Fanjakana dia manaiky fa hametraka, ao anatin'ny fe-potoana izay faritan'ny lalana, ny fanovan-drafitra na eo amin'ny fandaminana ny lafitany na eo amin'ny rafitra eo anivon'ny foibe sy hampiroborobo ny politika fanajariana ny tany ho fanovàna endrika ny tanin'ny Repoblika, arakaraky ny fitakiana arak'asa sy araky ny fizahan-tany ahitam-pahombiazana sy ny fitakiana amin'ny fampandrosoana mitohy, iaraha-manao, mifandanja ary mirindra.

Noho izany, hisy fomba fanaovana teti-pivoarana ifanarahana hiantoka ny fampidirana manontolo, ny fampirindrana ary ny fifamenoan'ireo fandaharan'asan'ny fampiasam-bolam-panjakana miaraka amin'ny ambaratongana tsirairay eo amin'ny Vondrombahoakam-paritra Itsinjaram-pahefana sy eo amin'ny samy vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana samihafa.

Amin'izany, ny Vondrombahoakam-paritra Itsinjaram-pahefana tsirairay dia tsy maintsy manana fandaharan'asa ho an'ny taona maro momba ny fampiasam-bolam-panjakana tapahin'ny Filan-kevitry izy ireo tsirairay avy, ary azo havaozina isan-taona mandritra ny fotoam-pivoriana voalohany.

And.6 - Ny fitsinjaram-pahefana dia ampiarahina amin'ny fanapariahana ny sampandraharahan- panjakana mba ho fanamafisana ny fahaizamiasan'ireo Vondrombahoakam-paritra Itsinjaram- pahefana. Amin'izany, ny rafitra fitsinjaram-pahefana iray dia tsy maintsy mifanandrify amin'ny rafitra fanapariaham-pahefana iray.

Ny fandaminana ny lafitanim-panjakana sy ny fitsinjarana andraikitra eo amin'ireo Fitondran-draharahan- panjakana foibe sy ny sampandraharaha anapariaham-pahefana dia hifandamina araka ireo fotokevitra feran'izao lalàna fehizoro izao.

And.7 - Araka ny fepetra voalazan'ny andininy faha 145 ao amin'ny Lalampantenana, dia fehezin'ny lalàna ny fisolontanenana-panjakana eny anivon'ny Vondrombahoakam-paritra Itsinjaram-pahefana. Io lalàna io no mametra indrindra indrindra ny karazan'ireo fanapahan-kevitra iharan'ny fanaraha-maso ny fanarahan- dalàna ary koa ny fombafomba fanatanterahana izany fanaraha-maso izany.

TOKO FAHAROA : NY AMIN'IREO FITSIPIKA MIFEHY NY FANANGANANA SY FAMARITANA NY VONDROMBAHOAKAM-PARITRA ITSINJARAM-PAHEFANA

And.8 - Araka ny fepetra voalazan'ny andininy faha-143 andalana faharoa amin'ny Lalampantenana, ny fananganana sy ny famaritana ny

Vondrombahoakam-paritra Itsinjaram-pahefana dia tsy maintsy mamaly ireo masontsivana fitoviana ara-jeografika, ara-toekarena, ara-piaraha-monina ary ara-kolontsaina.

And.9 - Ny fampiharana ireo masontsivana momba ny fananganana sy ny famaritana tondroin'ny andininy fahavalo etsy ambony dia tsy maintsy mifantoka indrindra amin'ny :

1- firaisan-kina ara-piaraha-monin'ny Vondrombahoakam-paritra Itsinjaram-pahefana tsirairay manana fototra ara-jeografika izay mitarika ny fiheverana ho zava-dehibe ireo anton-javatra ara-piaraha-monina sy ara-kolontsaina ;

2- ny zava-misy ara-bohon-tany ka ny velaran-tany sy ny endrika ara-jeografikan'ny Vondrombahoakam-paritra Itsinjaram-pahefana tsirairay dia tsy maintsy raisina ho zava- dehibe miaraka amin'ny fahafahana mifandray ary koa ny fivangongoana sy ny fivezivezen'ny mponina. Ireo fiheverana ireo dia tsy maintsy ahafahana mametraka fampandrosoana marina eo anivon'ny lafitany ary miantoka fandrakofana ara-pitantanan-draharaham- panjakana mahomby manerana ny tanim-pirenena ;

3- ny fironana ara-piaraha-monina sy ara-toekarena ary ny otrikaren'ny Vondrombahoakam-paritra Itsinjaram-pahefana tsirairay avy mba ahafahana mitrandraka misimisy kokoa ireo zavatra mampiavaka ny eo an-toerana, mba hampiroboroboroana ny fiaraha-miasa eo amin'ireo samy vondrombahoakam-paritra amin'ny alalan'ny fandrindrana ireo asa ara-piaraha-monina sy ara-toekarena eo an-toerana, ary mba iantohana ny fahavelomana ara-bolan'ireo Vondrombahoakam-paritra Itsinjaram-pahefana.

And.10 - Ny Faritany dia mamondrona Faritra roa na maromaro.

Ny Faritra dia mamondrona Kaominina maromaro.

Ny Kaominina dia mamondrona Fokontany maromaro, ka ny fandaminana, ny fomba fiasa ary ny anjara andraikitra dia faritana amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika.

And.11 – Ny lalàna no mametra ny fitsipika mikasika ny sata manokan'ny Renivohitry ny Repoblika sy ireo vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana sasantsasany izay mitaky fepetra manokana noho ny endriny ara-jeografika, ny fivelaran'ny tanàna, ny fitomboan'ny mponina miavaka ary ny firaisan-kina voajanahary eo amin'ny toerana.

TOKO FAHATELO : NY AMIN'NY FAHEFANA SY NY TANDRIFIM-PAHEFAN'IREO VONDROMBAHOAKAM-PARITRA ITSINJARAM-PAHEFANA

SOKAJY VOALOHANY ANKAPOBEN-JAVATRA

And.12 - Ity toko ity no mifehy ny fahefana sy ny tandrifim-pahefana omena ireo Vondrombahoakam-paritra Itsinjaram-pahefana.

And.13 - Ny Vondrombahoakam-paritra Itsinjaram-pahefana dia sombiny amin'ny tanim-pirenena, ka ny fitambaran'ny mponina ao aminy no mitantana ny raharaha izay nomen'ny Lalàmpanorenana sy ny lalàna azy ireo,mba ho fampiroboroboana ny fampandrosoana ara-toekarena, ara-piaraha- monina,ara-kolon-tsaina, ara-tsiantifika sy ara-teknolojia.

And.14 - Araka ny voalazan'ny andininy faha-141 ao amin'ny Lalàmpanorenana, ny Vondrombahoakam-paritra Itsinjaram-pahefana no miantoka,miaraka amin'ny fanohanan'ny Fanjakana indrindra filaminambahoaka ny fiarovana ny olom-pirenena, ny fitantanandraharam- panjakana, ny fanajariana ny tany, ny fampandrosoana ara-toekarena, ny fikajiana ny tontolo iainana ary ny fantsarana ny seha-piainana.

And.15 - Ny fampiharana ny tandrifim-pahefana sy ny andraikitr'ireo Vondrombahoakam-paritra Itsinjaram-pahefana dia atao amin'ny alalan'ny fampandraisana anjara ny rehetra ary ao anatin'ny mangarahara tanteraka.

Amin'izany, ny Vondrombahoakam-paritra Itsinjaram-pahefana dia tsy maintsy mametraka rafitra fikaonan-doha.

Ny fombafomba fampiharana ity andininy ity dia faritana amin'ny alalan'ny didy amam-pitsika.

SOKAJY FAHAROA : NY AMIN'NY FITSIPIKA FITSINJARANA NY TANDRIFIM-PAHEFAN'IREO VONDROMBAHOAKAM-PARITRA ITSINJARAM-PAHEFANA

And.16 - Ny fitsinjarana ny tandrifim-pahefana eo amin'ny Fanjakana sy ireo Vondrombahoakam- paritra Itsinjaram-pahefana dia tsy maintsy mifantoka amin'ny tombontsoam-pirenena sy ny tombontsoa eny ifotony.

Amin'izany, ny famindrana marina ny tandrifim-pahefana dia atao arakara ny fironan-dehibe takian'ny ambaratongan'ny Vondrombahoakam-paritra Itsinjaram-pahefana tsirairay.

Ny lalàna no mametra ny fombafomba fampiharana ity andininy ity.

And. 17 - Na amin'inona na amin'inona, ny fitsinjarana ny tandrifim-pahefana dia tsy tokony hanohintohina ny fahambonian'ny Fanjakana amin'ireo

asa mahafanjakana ny Fanjakana, indrindra ny fanontana sy famoahana vola, ny fiarovam-pirenena, ny fifandraisana ara-diplomatika, ny fitantanana ireo harena « stratejika », izay feran'ny lalàna ny famaritana izany, ny Fitsarana sy ny fitandroana ny fandriam-pahalemana ary ny filaminam-bahoaka.

Ny Fanjakana no mametraka ireo fepetra ilaina sy mety amin'ny fanatontosana ny fampandrosoana mitohy sy iaraha-manao amin'ny firenena. Anjarany ny mamolavola sy mampiroborobo ny politikan'ny fanajariana ny tany ao anatin'ny sehatry ny fametrahana sy ny fanatanterahana ny fitsinjaram-pahefana tena izy. Ho fanatrarana izany, ny Fanjakana no miantoka ny fanatanterahana ny paikadim-pirenena ho fampandrosoana ny eny ifotony.

Amin'izany, ny Fanjakana irery ihany no manana ny fahefana hamoaka didy amam-pitsipika amin'ny ankapobeny. Mametra amin'ny alalan'ny lalàna sy fitsipika ireo fepetra fampiharana ny tandrifim-pahefan'ny Vondrombahoakam-paritra Itsinjaram-pahefana izy.

And.18 - Ny Vondrombahoakam-paritra Itsinjaram-pahefana dia mizaka tena ao anatin'ny sehatry ny tandrifim-pahefana nomena azy araka ny Lalàmpanorenana sy ny lalàna.

And.19 - Ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana dia mizaka tena raha mitaha amin'ny hafa, ary tsy misy ny fifamatorana na fifandraisana an-tanatohatra eo amin'izy ireo.

Na izany aza anefa, ny fifandraisana ara-pifanarahana dia azo tanterahina eo amin'ireo Vondrombahoakam-paritra Itsinjaram-pahefana samihafa mitovy ambaratonga na tsia.

And.20 – Na dia eo aza ny fifanekena iraisam-pirenena nataon'i Madagasikara ary ao anatin'ny fetran'ny tandrifim-pahefana noferan'ny lalàna sy fitsipika manan-kery, ny Vondrombahoakam-paritra Itsinjaram-pahefana sy/na ny fivondronan'izy ireo dia afaka manao fifanarahana amin'ireo vondrombahoakam-paritra Itsinjaram-pahefana any ivelany sy/na ny fivondronan'izy ireo mba hanatanterahana fiaraha-miasa

Ny fombafomba fampiharana ity andininy ity dia ferana amin'ny alalan'ny didy amam-pitsika.

And.21 - Ny fiarahamiombon'antokin'ireo Vondrombahoakam-paritra Itsinjaram-pahefana amin'ny sehatra tsy miankina dia tsy maintsy anaovana fifanarahana nankatoavin'ny fanapahana avy amin'ny Filan-kevitra ny vondrombahoaka voakasika. Ny loharanombola sy ny fandanianana avy amin'ny fiarahamiombon'antoka dia tsy maintsy soratana ao amin'ny tetibolan'ny Vondrombahoakam-paritra Itsinjaram-pahefana voakasika.

Ny fombafomba fampiharana ity andininy ity dia ferana amin'ny alalan'ny didy amam-pitsika.

And.22 - Ny famindrana ny tandrifim-pahefana rehetra eo amin'ny Fanjakana sy ireo Vondrombahoakam-paritra Itsinjaram-pahefana dia tsy maintsy atao mahasahana ny fitambaran'ireo andraikitra mikasika ny tandrifim-pahefana nomena ary atao ho an'ny sokajin'ny Vondrombahoakam-paritra

Itsinjaram-pahefana iray izay ho tompon'andraikitra feno amin'izany.

Amin'izany, ny famindrana tsirairay dia atao ho an'ny ambaratonga-na Vondrombahoakam-paritra Itsinjaram-pahefana afaka hisahana kokoa ny tandrifim-pahefana voakasika raha miohatra amin'ny filan'ny mponina.

Ny famindrana dia atao miandalana arakaraky ny fahafaha-manaon'ireo Vondrombahoakam-paritra Itsinjaram-pahefana.

And.23 - Ny fandaniana mikasika ny fisahanana ny tandrifim-pahefana nafindra dia anaovana fanombanana mialoha eo ambany fanaraha-mason'ny vaomiera atsangana araka ity lalàna fehizoro ity ka ahitana ny solontenan'ireo Minisitera sy ireo manam-pahefana ao amin'ny Vondrom-bahoakam-paritra Itsinjaram-pahefana.

And.24 - Ny vaomiera voalaza ao amin'ny andininy faha-23 etsy ambony dia ahitana :

- ▮ ny solontenan'ny Minisitera misahana ny Ati-tany sy ny Fitsinjaram-pahefana, Filoha ;
- ▮ ny solon-tenan'ny Minisitera misahana ny fitatanam-bola sy ny tetibola, Mpikambana ;
- ▮ ny solon-tenan'ny Minisitera misahana ny Asam-panjakana, Mpikambana ;
- ▮ ny solon-tenan'ny Antenimieran-doholona, Mpikambana ;
- ▮ ny solon-tenan'ny Antenimieram-pirenena, Mpikambana ;
- ▮ ny solon-tenan'ny Fisafoan-draharaham-panjakana ankapobeny, Mpikambana ;
- ▮ ny solon-tenan'ny/ireo Minisitera isan-tsehatra voakasiky ny tandrifim-pahefana nafindra ;
- ▮ Mpikambana;
- ▮ ny solon-tenan'ny manam-pahefana ao amin'ny Vondrombahoakam-paritra Itsinjaram-pahefana, Mpikambana ;
- ▮ Ny fombafomba fampiharana ity andininy ity dia faritana amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika.

And. 25 - Ny famindrana ny tandrifim-pahefana dia tsy maintsy ampiarahina amin'ny famindran'ny Fanjakana ho an'ireo Vondrombahoakam-paritra Itsinjaram-pahefana, ny fitaovana sy loharanom- bola ilaina amin'ny fisahanana ara-dalana ireo tandrifim-pahefana ireo araka ny fepetra voalazan'ny lalàna.

Ny Fanjakana dia tsy maintsy miroso amin'izany famindrana izany. Ao anatin'ny fe-potoana izay ho faritan'ny lalàna.

SOKAJY FAHATELO : NY AMIN'NY TANDRIFIM-PAHEFAN'NY KAOMININA

And.26 - Araka ny fepetra voalazan'ny andininy faha-149 amin'ny Lalàmpanorenana, ny Kaominina dia manohana ny fampandrosoana ara-toekarena, ara-piaraha-monina, ara- kolontsaina sy ara-tontolo iainana ao amin'ny fari-piadiany.

Ny tandrifim-pahefan'ny Kaominina dia mifantoka indrindra amin'ny foto-kevitra momba ny fanakaikazana, ny fitsinjarana, ny fironana, ny fampiroboroboana ary ny fiarovana ny tombotsoan'ny mponina.

And.27 - Ny sehatry ny tandrifim-pahefan'ny Kaominina dia miompana indrindra amin'ny :

1. famantarana ireo otrikarena sy ny filàna ara-toekarena, ara-piaraha-monina, ara- kolontsaina sy ara-tontolo iainana ary ny fanatanterahana ireo raharaha mifandraika amin'izany ;

2. fanantontosana ireo asa hafa rehetra miankina amin'ny tandrifim-pahefany araka ny rijan-tenin-dalàna amam-pitsipika manokana.

And.28 - Ankoatr'ireo fepetra voalazan'ny andininy etsy aloha, ny Kaominina no misahana indrindra :

Eo amin'ny lafiny fitantanan-draharaham-panjakana :

1- ireo asa fototra mikasika ny fitantanan-draharaham-panjakana sy fitatanam-bola ;

2- ny fitantanana ny fananan'izy ireo manokana ;

3- ireo asa rehetra mifandraika amin'ny fiankohonana, fiantsoana ho miamamila, fanisana ny mponina ;

4- ny fanatanterahana ny fiaraha-miasa eo amin'ny samy Kaominina sy itsijaram-pahefana ary ny fampiroboroboana ny fiaraha-miombon'antoka ;

5- fanantontosana ireo asa aman-draharaha hafa rehetra miankina amin'ny tandrifim-pahefany araka ny rijan-tenin-dalàna amam-pitsipika manokana.

Eo amin'ny lafiny toekarena, ny fametrahana ny drafitra momba ny fampandrosoana any amin'ny Kaominina sy fanatanterahana ireo raharaha mifandraika amin'ny :

1- fanatontosana sy ny fitantanana ireo foto-drafitr'asa sy fampitaovana momba ny fivarotana toy ny toerana malalaka falehan'ny be sy ny maro sy tsenam-bahoaka, ny tsenan'omby sy ny toeram-piantsonan'ny fiarakodia, ary ireo fampitaovana rehetra mampidi-bola toy ny toerana famonoam-biby sy ny sehatra maintso ;

2- fitantanana ny lalana, ny lalan-kely mampifandray, ny tetezana sy ny baka ho an'ny tombotsoan'ny Kaominina ;

3- ny fizahan-tany eny ifotony ;

Eo amin'ny lafiny fiaraha-monina sy kolontsaina :

1- amin'ny fametrahana ny drafitra fampandrosoana ny Kaominina sy ny fanatanterahana ireo raharaha mifandraika amin'ny :

- ▮ fitantanana ny fanaovan-dàlana, ny rano sy ny fanadiovana ny tanàna, ny fitandremam-pahasalamana, ny fitantanana ny fako avy any antokantrano ;

- ▮ fanatanterahana,amin'ny tandrify azy, ireo asa sy fepetra sahaza mikasika ny ady amin'ny loza voajanahary ;

- ▮ ny famaritana sy ny fanatontosana ireo fandaharan'asa momba ny trano fonenana ;

- ▮ sy ireo fampitaovana ho an'ny daholobe an-tanàn-dehibe sy ambanivohitra ;

- ▮ fitantanana ny fanomezana trano fonenana ;

- ▮ ny fandriampahalemana ifotony sy ny fiarovana ny mponina ;

- ▮ ny fanantotosana ireo asa sosialy indrindra ny amin'ny fanomezana tombony ireo olona manana fahasembanana, ny zokiolona sy ny olona sahirana ara-pivelomana ;

- ▮ ny fitantanana ireo foto-drafitr'asa sy fampitaovana fototra ho an'ny daholobe ara-tsosialy, ara-panabeazana, ara-kolontsaina, sy ara-panatanjahan-tena ary ara-pahasalamana : akanin-jaza, sekoly fanabeazana fototra, sekoly ambaratonga faharoa ary tobim-pahasalamana fototra :

2- amin'ny fanantotosana sy ny fitantanana ny vala sy sehatra fialam-boly sahaza ny Kaominina ;

3- ary ny fampiroboroboana ireo kolontsaina mampiavaka.

Eo amin'ny lafiny tontolo iainana, ny fametrahana ny drafitra fampandrosoana ny Kaominina sy ny fanatanterahana ireo raharaha mifandraika amin'ny :

1- fandraisana anjara fikajiana, fanomezan-danja syfitantanana ny tontolo iainana sy ny loharanon-karen-voajanahary;

2- fisorohana sy ny ady amin'ny doro tanety sy ny fandripahana ny ala.

SOKAJY FAHEFATRA : NY AMIN'NY TANDRIFIM-PAHEFAN'NY FARITRA

And.29 - Araka ny voalazan'ny andininy faha-153 ao amin'ny Lalàmpanorenana, ny Faritra dia misahana ny momba ny toekarena sy ny sosialy.

Miara miasa amin'ny antokon-draharaham-panjakana sy tsy miankina amin'ny Fanjakana, ny Faritra no mitarika, manetsiketsika, mandrindra ary

mandamina ny fampandrosoana ara-toekarena sy ny ara- tsosialy manerana ny fari-piadiadiany ary miantoka ny fanaovana ny drafitra, ny fanajariana ny tany sy ny fanatanterahana ireo asa rehetra momba ny fampandrosoana.

And.30 - Ny sehatry ny tandrifim-pahefan'ny Faritra dia mahakasika :

Eo amin'ny lafiny fitantanana-draharaham-panjakana :

1- ireo asa fototra mikasika ny fitantanana-draharaham-panjakana sy fitatanambola ;

2- ny fitantanana ny fananany manokana ;

3- ny fanatanterahana ny fiaraha-miasa eo amin'ny samy Faritra sy itsinjaram-pahefana ary ny fampiroboroboana ny fiarahamiombon'antoka ;

4- ireo lahasa hafa rehetra miankina amin'ny tandrifim-pahefany araka ny rijan-tenin-dalàna sy didy amam-pitsipika manokana.

Eo amin'ny lafiny fampandrosoana ara-toekarena sy ara-tsosialy :

1- famantarana ny tondro laharam-pahamehana ho an'ny Faritra ;

2- famolavolana sy fanatanterahana ny fandaharan'asa lasitra sy ny drafitra fampandrosoana ny Faritra ;

3- fandaharana sy ny famaritana ireo asa fampandrosoana mahakasika ny Faritra indrindra ny lafiny fanajariana ny rano sy fambolena, ny jono, ny fampiroboroboana ny indostria, ny asa tanana sy ny varotra, ny fampiroboroboana ny sehatry ny sampan-draharaha, fambolena sy ny fiompiana ;

4- fandrafetana sy fanatanterahana ny drafy-paritra momba ny fanajariana ny tany ;

5- fampiroboroboana ny trano fonenana ;

6- ny fitantanana ireo fampitaovana ho an'ny daholobe mahakasika ny Faritra indrindra ny lisea, ny hopitaly, ny lalana mahakasika ny tombotsoan'ny Faritra ;

7- fanatanterahana, amin'ny tandrify azy, ireo asa sy fepetra saha mikasika ny ady amin'ny loza voajanahary sy ny filaminam-bahoaka ;

8- amin'ny fanantotosana sy ny fitantanana ny vala sy sehatra fialam-boly saha ny Faritra.

SOKAJY 5 : NY AMIN'NY TANDRIFIM-PAHEFAN'NY FARITANY

And.31 - Araka ny fepetra voalazan'ny andininy faha-157 ao amin'ny Lalàmpanorenana, ny Faritany nomanatanterakany politikan'ny fampandrosoana mahakasika ny tombotsoan'ny Faritany nofaritana sy notinapaka teo amin'ny

Filan-kevi-paritany. Izy no miantoka ny fandridrana sy ny fandaminana ireo asa fampandrosoana ho an'ny tombotsoam-paritany ary mitsinjo ny fampandrosoana tsy mitanila sy mirindra ho an'ny Vondrombahoakam-paritra Itsinjaram-pahefana ao anatin'ny Faritany.

Amin'ny alalan'ny fiaraha-miasa amin'ny vondron-draharaha miankina sy tsy miankina amin'ny Fanjakana, mitarika, manetsiketsika, mandrindra sy mandamina ny fampandrosoana ara-toekarena sy ara-tsosialy manerana ny Faritany ary miantoka amin'izany, ny fananana teti-pivoarana, ny fanajariana ny tany sy ny fanatanterahana ireo asa rehetra momba ny fampandrosoana izy.

And.32 - Ny Faritany dia misahana indrindra indrindra :

Eo amin'ny lafiny fitantanana-draharaham-panjakana :

- 1- ireo asa fototra mikasika ny fitantanana-draharaham-panjakana sy fitatanam-bola ;
- 2- ny fitantanana ny fananan'izy ireo manokana ;
- 3- ny fanatanterahana ny fiaraha-miasa eo amin'ny samy Faritany sy itsinjaram-pahefana ary ny fampiroboroboana ny fiarahamibon'antoka ;
- 4- ny fanantontosana ireo asa hafa rehetra tafiditra anatin'ny tandrifim-pahefany.

Eo amin'ny lafiny fampandrosoana ara-toekarena sy ara-tsosialy :

- 1- ny famaritana sy ny fanatanterahana ny politika momba ny fampandrosoana ho tombotsoan'ny faritany ;
- 2- ny fanatanterahana, amin'ny tandrify azy, ireo asa sy fepetra sahaza mikasika ny loza sy atambo voajanahary ary ny filaminam-bahoaka ;
- 3- fampifandraisana sy ny fanaovana fandaharan'asa amin'ireo asa momba ny fampandrosoana manerana ny Faritany ;
- 4- ny fandrafetana sy fanatanterahana, amin'ny tandrify azy, ny drafitra momba ny fanajariana ny tany ;
- 5- ny fitantanana ireo fampitaovana ho an'ny daholobe natao ho an'ny Faritany, indrindra ny Oniversite miankina amin'ny fanjakana, hôpitaly, oniversitera, ny arabe ho an'ny tombotsoan'ny Faritany.

And. 33 – Ireo rijan-tenin-dalàna amam-pitsipika no hametra ireo fepetra momba ny fanatanterahana ny tandrifim-pahefana araka ny voalazan'ity tokoa ity.

TOKO FAHEFATRA : NY AMIN'NY FOMBAFOMBA FANDAMINANA NY VONDROMBAHOAKAM-PARITRA ITSINJARAM-PAHEFANA

And. 34 - Ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana dia mizaka ny zo maha izy azy ary manana ny fizakan-tena ara-pitantanana sy ara-bola. Izy dia rafi-pitantanana miavaka amin'ny fitantanana-draharahan'ny Fanjakana izay mitantana ny raharahany amin'ny alalan'ny rantsana manokana.

And. 35 - Ny ratsa-mangaikan'ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram pahefana dia :

- ▮ ny fivoriam-be mpanapaka antsoina hoe «Filan-kevitra» ;
- ▮ ny rantsana mpanatanteraka.

And. 36 -Ny Filan-kevitra sy ny rantsana mpanatanteraka dia rantsana samy hafa ary samy manatanteraka ny asa momba ny fanapahana sy ny asa fanatanterahana ao amin'ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana.

And. 37 - Eo anivon'ny Kaominina, ny asa momba ny fanapahana dia iandraiketan'ny Filan-kevitra monisipaly na kaominaly, araka ny maha Kaominina ambonivohitra na Kaominina ambanivohitra azy. Ny asa fanatanterahana dia tarihin'ny Ben'ny tanàna.

Araka ny fepetra voalazan'ny andininy faha-152 andalana farany amin'ny Lalàmpanorenana, ny solontenan'ny Fokontany dia mandray anjara amin'ny famolavolana ny fandaharan'asa momba ny fapandrosoana ny Kaominina misy azy ireo.

And. 38 - Eo anivon'ny Faritra, ny asa momba ny fanapahana dia iandraiketan'ny Filan-kevi-paritra. Ny asa fanatanterahana dia tarihin'ny Lehiben'ny Faritra.

Ny Solombavambahoaka sy ny Loholona voafidy na voatendry avy amin'ireo fari-piadidian'ny Faritra dia mpikambana avy hatrany ao amin'ny Filan-kevi-paritra, ary manan-jo hanapa-kevitra.

Ny Loholona voafidy dia mipetraka eo amin'ny Filankevi-paritra araka ny safidiny ao anatin'ny Faritany izay nahavoafidy azy, mandritra ny fotoam-piasany.

Ny loholona voatendry dia mpivory ao amin'ny Filan-kevi-paritra araka ny safidiany mandritra ny fotoam-piasany.

Ny Ben'ny Tanana sy ny Filohan'ny Filan-kevity ny Kaominina any amin'ny renivohitr'ireo Distrika mandrafitra ny Faritra dia mandray anjara amin'ny fivoriana ara-potoanan'ny Filan-kevi-paritra indrindra amin'ny famolavolana ny fandaharan'asa momba ny fapandrosoana ny Faritra, fa tsy manapa-kevitra.

And. 39 - Eo anivon'ny Faritany, ny asa fanapahana dia iandraiketan'ny Filan-kevi-paritany. Ny asa fanatanterahana dia tarihin'ny Lehiben'ny Faritany.

Ny Solombavambahoaka sy ny Loholona voafidy na voatendry avy amin'ireo fari-piadidian'ny Faritany dia mpikambana avy hatrany ao amin'ny

Filan-kevi-paritany, ary manan-jo hanapa-kevitra.

Ny Lehiben'ny Faritra, ny Filohan'ny Filan-kevi-paritra sy ny Ben'ny tanàna amin'ireo Kaominina amin'ny renivohi-paritra mandrafitra ny Faritany dia mandray anjara amin'ny fivoriana ara- potoanan'ny Filan-kevi-paritany indrindra amin'ny famolavolana ny fandaharan'asa fampandrosoana ny Faritany, fa tsy manapa-kevitra.

And. 40 - Ho fampiharana ny andininy faha 151, 156, 160 ao amin'ny Lalàmpanorenana, ny firafitra, ny fandaminana, ny anjara andraikitra sy ny fomba fiasan'ny rafitra mpanatanteraka sy mpanapakevitra eo anivon'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ary koa ny fomba sy ny fepetra hifidianana ireo mpikambana ao aminy dia ferana amin'ny alalan'ny lalàna.

And. 41 - Ny rafi-pandaminana lasitra azo ampiarina isaky ny sokajy sy isaky ny ambaratongan'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana dia faritana amin'ny alalan'ny lalàna.

And. 42 - Didim-panjakana no mametra ny karazana sy ny taha farany ambony indrindra amin'ireo tombotsoa sy tambin-karama omena ireo tompon'andraikitra ny mpanatanteraka sy ireo mpikambana ao amin'ny Filan-kevitra ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana.

And. 43 - Ho fampiharana ny andininy faha 95 ao amin'ny Lalàmpanorenana, ny lalàna no mamaritra ny fotokevitra ankapobeny mikasika ny satan'ny mpiasam-panjakana raikitra eny amin'ny faritra sy mametraka ny fiantohana ara-tsata natokana ho azy ireo.

Ny Fanjakana dia tsy maintsy mametraka foibem-panofanana manokana ho azy ireo.

Didim-panjakana no hamerana ireo fomba manokana ho an'ny firaisan-draharahan'ireo mpiasam-panjakana any amin'ny faritra.

TOKO FAHADIMY : NY AMIN'IREO FOMBAFOMBA FAMPANDEHANAN-DRAHARAHY ENY AMIN'NY VONDROMBAHOAKAM-PARITRA ITSINJARAM-PAHEFANA

And.44 - Ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana dia malalaka amin'ny fitantanana ny raharaha tafiditra ao amin'ny tandrifim-pahefany amin'ny alalan'ny fanapahana raisin'ny Filan-kevitra voafidy.

And.45 - Ny famindrana ny tandrifim-pahefana dia mitarika ny fanomezana mba ho tombotsoan'ireo Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ny hoenti-manana ara-pitaovana, ara-bola sy mpiasa ilaina amin'ny fampiasana izany.

Ireo sampandraharaha na ny ampahany amin'ny sampandraharahan-panjakana izay misahana tandrifim-pahefana manokana voafaritra mazava sy miankina amin'ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana hatramin'izao dia afindra any avy hatrany.

And.46 - Ny famindrana ny tandrifim-pahefana dia mitarika avy hatrany fanomezana maimaim-poana ho tombotsoan'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana notolorana izany tandrifim- pahefana izany, fanana-manarakafanana-mifaka ilaina amin'ny fisahanana izany. Ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana amin'izany dia misolo ny Fanjakana amin'ny zo sy ny andraikiny.

And.47 - Ny Fanjakana dia tsy maintsy mampiditra ao anatin'ny tahirin-kevitra ny politika isan tsehatra, ireo karazana tetik'asa sy asa azo tanterahina isaky ny ambaratongan'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana natolony hodinihana na nisy na tsy nisy ny fanampiany.

Raha toa ka tsy notakiana ny fanampian'ny Fanjakana, dia tsy maintsy ankatoavina ny fenitra ara-tekina na ara-pitondram-panjakana isan-tsehatra nofaritana teo amin'ny sehatra firenena.

Raha toa ka nangatahiny fanampian'ny Fanjakana, ireo Minisitara voakasika no hisahana ny fanatanterahana ny fepetra voarakitra ao anatin'ny tahirin-kevitra politika isan-tsehatra voalazan'ny andalana voalohany amin'ity andininy ity, indrindra ny eo amin'ny sehatry ny fampianarana, ny fahasalamana, ny fambolena sy ny fampandrosoana ny eny ambanivohitra, ny fizahan-tany, ny tanora sy ny fanatanjahan-tena, ny fanajariana ny tany sy ny asa vaventy, ny toe-arena sy ny drafitra.

And. 48 – Raha vantany vao mivoaka ity lalana fehizoro ity, ny famindrana dia irosoana avy hatrany ary tohizana miandalana arakaraka ny fahafahamanaan'ireo vondrombahoakam-paritra itsinjaram- pahefana.

And.49 - Ny fandaminana ny lafin-tanim-panjakana sy ny fitsinjarana andraikitra eo amin'ny Fanjakana aty ifotony sy sampan-draharaham-panjakana anaparaham-pahefana dia alamina araka ny foto-kevitra feran'ity toko ity.

And.50 - Ny fitantanana ny lafin-tanim-panjakana dia alamina, ao anatin'ny fanajana ny foto-kevitra momba ny fitantanana malalaka ireo vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana, ahafahana manatanteraka ny fanajariana ny tany araka ny voafaritana ao amin'ny andininy faha 5 etsy ambony, iantohana ny demokrasia sy ny fitondrana ifotony ary anosehana ny fampandrosoana miainga avy any ifotony sy ny fanavaozana ny sampandraharaham-panjakana.

And.51 - Ny hany andraikitra ankinina amin'ny Fitondraharaha aty ifotony dia ireo mahakasika ny firenena na koa ny fanatanterahana azy dia tsy azo anomezam-pahefana ny ambaratongam- pahefana eny anivon'ny lafin-tany.

Ny andraikitra sasany ary indrindra ireo mifehy ny fifandraisan'ny Fanjakana sy ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana, dia omena ny sampandraharaham-panjakana ny fanatanterahana azy.

Amin'izany, ny Fanjakana dia tsy maintsy manitatra ny andraikitr'ireo solon-tenany eny anivon'ny lafin-tany na eo amin'ny lafiny fampiharana ireo fitsipika ankapobeny nofaritany, na eo amin'ny fanaovana fifanekena ilaina amin'ny fandrindrana ireo asan'ny fahefam-panjakana miaraka amin'ireo vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana.

And.52 - Ny Lalana no mametra ireo fombafomba fanatanterahana ny fanapariaham pahefana, ny fombafomba fanomezana andraikitra ataon'ny Fitondran-draharaha aty ifotony ho an'ireo sampan- draharaham-panjakana anapariaham-pahefana ary koa ny foto-kevitra fandaminana ireo sampan-draharaha anapariaham-pahefana ireo.

Didim-panjakana raisina eo amin'ny Filan-kevitra ny Minisitra no hamaritana indrindra ny isa sy ny famaritana ireo fari-piadidiam-pitantanan-draharaha.

TOKO FAHAENINA : FEPETRA FARANY

And.53 - Foanana ary dia foana ireo fepetra rehetra teo aloha mifanohitra amin'ity lalana ity, indrindra ny lalàna nasiam-panovana laharana faha 93-005 tamin'ny 26 janoary 1994 anaovana ny sori- dalàna ankapobeny momba ny politikan'ny fitsinjaram-pahefana.

And.54 - Ity lalana fehizoro ity dia havoaka ao amin'ny gazetim-panjakanan'ny Repoblika.

Hotanterahina izany fa Lalana fehizoro ho an'ny Fanjakana.

12 septambra 2014

LALANA LAHARANA FAHA 2014-020 TAMIN'NY 27 SEPTAMBRA 2014

**mikasika ny loharanom-bolan'ireo
Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-
pahefana, ny fombafomba fanaovana ny
fifidianana, ary koa ny fandaminana sy ny
fomba fiasa ary ny anjara
andraikitry ny rantsa-mangaika ao aminy.**

Gazetim-panjakan'ny Repoblikan'i Madagasikara laharana faha 03578
Laharana manokana tamin'ny 03 Oktobra 2014



FIZAHAN-TAKELAKA

LOHATENY VOALOHANY : NY FAMARITANA SY NY ANARANA ENTINY MBAMIN'NY RENIVOHITR'IREO VONDROM-BAHOAKAM-PARITRA ITSINJARAM-PAHEFANA	27
LOHATENY II : NY ANJARA RAHARAHAHAN'NY VONDROMBAHOAKAM-PARITRA ITSINJARAM-PAHEFANA	29
ZANA-DOHATENY I : NY ANJARA RAHARAHA SY NY SORA-DRAHARAHAHAN'NY RAFITRA MPANAPAN-KEVITRA	29
TOKO VOALOHANY : NY ANJARA RAHARAHAHAN'NY RAFITRA MPANAPAN-KEVITRA 28	
TOKO II : IREO SORA-DRAHARAHAHAN'IREO RAFITRA MPANAPAKEVITRA	30
ZANA-DOHATENY II : IREO ANJARA RAHARAHAHAN'NY RAFITRA MPANATANTERAKA	32
TOKO VOALOHANY : IREO ANJARA RAHARAHA IRAISANA	32
TOKO II : NY ANJARA ANDRAIKITRA MANOKANA	35
<i>Sokajy Voalohany : NY AMIN'NY BEN'NY TANANA</i>	35
<i>Sokajy 3 : Ny amin'ny Lehiben'ny Faritany</i>	40
TOKO III : NY AMIN'NY SORA-DRAHARAHA ATAON'NY LEHIBEN'NY MPANATANTERAKA	41
TOKO VOALOHANY : NY AMIN'NY FILANKEVITRA	42
<i>Sokajy voalohany : Ny amin'ny fandaminana sy ny fomba fiasa</i>	42
<i>Sokajy faha-2 : Ny fepetra mihatra amin'ny Filankevitra sy ny mpikambana ao aminy</i>	46
<i>Sokajy 3 : Ny amin'ny vaomiera</i>	47
<i>Sokajy faha-4 : Ny amin'ny fahabangan-toerana</i>	48
TOKO II : NY AMIN'NY RANTSANA MPANATANTERAKA	49
<i>Sokajy voalohany : Ny amin'ny fandaminana sy ny fomba fiasa</i>	49
<i>Sokajy faha-2 : Ny amin'ny fahabangan-toerana</i>	51
LOHATENY IV : NY AMIN'NY ANDRAIKITRA SIVILIN'NY VONDROMBAHOAKAM- PARITRA ITSINJARAM-PAHEFANA	53
LOHATENY V : NY AMIN'NY TETIBOLA SY NY LOHARANOM-BOLAN'NY VONDROMBAHOAKAM-PARITRA ITSINJARAM-PAHEFANA	54
TOKO VOALOHANY : NY AMIN'NY TETIBOLA	54
<i>Sokajy voalohany : Fepetra ankapobeny</i>	54
<i>Sokajy 2 : Ny amin'ny fanomanana sy fandanianana ny tetibola</i>	55
<i>Sokajy faha-3 : Ny amin'ny fanatanterahana ny tetibola</i>	58
<i>Sokajy 4 : Ny amin'ny fanaraha-maso</i>	61
TOKO II : NY AMIN'NY LOHARANOM-BOLAN'NY VONDROMBAHOAKAM-PARITRA ITSINJARAM-PAHEFANA	62
<i>Sokajy voalohany : Fepetra ankapobe</i>	62
<i>Sokajy 2 : Ny amin'ny loharanom-bola avy amin'ny hetra</i>	63
<i>Zana-tsokajy voalohany : Fepetra ankapobeny</i>	63

Zana-tsokajy 2 : Ny amin'ny hetra.....	65
Paragrafy voalohany : Ny amin'ny hetra momba ny fahazoan-dalana.....	65
Zana-paragrafy voalohany : Ny amin'ny hetra momba ny fahazoan-dalana hivarotra zava-pisotro mahamamo sy misy alikaola.....	65
Zana-paragrafy 2 : Ny amin'ny fahazoan-dalana hanao varo-mandeha mikasika ny zava-pisotro mahamamo sy misy alikaola.....	65
Zana-paragrafy 3 : Ny amin'ny fipetrahana tsy maharitra, araka ny tonontaona sy noho ny antony manokana.....	65
Zana-paragrafy 4 : Ny amin'ny asa aman-draharaha tsy maharitra, araka ny tonontaona sy noho ny antony manokana.....	66
Zana-paragrafy 5 : Ny amin'ny toeram-pilanonana amin'ny alina.....	66
Zana-paragrafy 6 : Ny amin'ny fikarakarana tombola sy loteria.....	66
Zana-paragrafy 7 : Ny amin'ny fitrandrahana « billards » sy ny mitovitovy aminy, ny fitaovana fandefasana horonan-tsary ary ny “baby-foot”.....	67
Paragrafy 2 : Ny amin'ny hetra tambatra.....	67
Paragrafy 3 : Ny amin'ny hetra tsinjaraina eo amin'ny Fanjakana sy ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana.....	67
Zana-paragrafy voalohany : Ny amin'ny vola fandoa mikasika ny akoranafo.....	67
Zana-paragrafy 2 : Ny amin'ny sara amin'ny fitantanana ny harena an-kibon'ny tany.....	68
Zana-paragrafy 3 : Ny amin'ny vola fandoa amin'ny harena an-kibon'ny tany sy ny tamberim-bidy.....	68
Paragrafy 4 Haba halaina amin'ny fiarovana ny olona.....	68
Paragrafy 5 : Habam-ponenana ho an'ny fampandrosoana.....	68
Paragrafy 6 : Haba momba ny fivahinianana.....	69
Paragrafy 7 : Haba alaina amin'ny rano mineraly.....	69
Paragrafy 8 : Haba alaina amin'ny dokam-barotra.....	70
Zana-paragrafy voalohany : Dokam-barotra amin'ny alalan'ny peta-drindrina, takelaka asiana dokam-barotra, soratra sy marika misy hazavana na amin'ny tohana mandehadeha.....	70
Zana-paragrafy 2 : Dokam-barotra amin'ny haino aman-jery.....	70
Paragrafy 9 : Haba amin'ny rano sy/na herinaratra.....	70
Paragrafy 10 : Haba alaina amin'ny fety sy lanonana ary ny fihetsihetsehana samihafa.....	71
Paragrafy 11 : Haba momba ny fanangàna tsangam-by goavana, baka mpandray na mpandefa onjam-peo sy onjan-tsary, mpanelanelana fitaovam-pifandraisana na taho.....	71
Paragrafy 12 : Haba mikasika ny lalao amin'ny haino aman-jery.....	71
Paragrafy 13 : Haba mikasika ny fanomezana sy ny fanamarinana ny karapanondron'ny vahiny.....	72
Sokajy 3 : Ny amin'ny loharanom-bola tsy avy amin'ny hetra.....	72
Zana-tsokajy voalohany : Fepetra ankapobe.....	72
Zana-tsokajy 2 : Haba amin'ny lanonana nentim-paharazana nahazoan-dalana.....	73
Zana-tsokajy faha-3 : Haba alaina amin'ny famonoam-biby.....	73
Zana-tsokajy faha-4 : Haba mikasika ny fitsirihana sy fanaovana fitomboka ny hena.....	74
Zana-tsokajy 5 : Ny amin'ny sara mikasika ny fivevizezen'ny biby toy ny	

<i>omby sy kisoa</i>	75
<i>Zana-tsokajy 6 : Ny amin'ny tamberim-bidy mikasika ny fakana ranon-tany, fasika ary vato</i>	76
<i>Zana-tsokajy 7 : Ny amin'ireo tamberimbidy sy vola alaina amin'ny vokatry ny fambolena, ny ala, ny jono, ary ny fiompiana.</i>	76
<i>Zana-tsokajy 8 : Ny amin'ny tamberim-bidy mikasika ny famoriana sy ny fanodinana ny fako avy any an-tokantrano ary ny fanariana rano maloto.....</i>	77
<i>Sokajy 4 : Fepetra samihafa</i>	77

LOHATENY VI : NY AMIN'NY FIFIDIANANA ISAM-PARITRA.....78

TOKO VOALOHANY : FEPETRA ANKAPOBE 78

Sokajy voalohany : Ny amin'ny lisi-pifidianana 78

Sokajy 2 : Ny amin'ny fanaikana ny mpifidy handatsa-bato 78

Sokajy 3 : Ny amin'ny fepetra fahafahana hofidiana na tsia 79

*Sokajy 4 : Ny amin'ny tsy fahazoana mampirafy asa sy ny amin'ny fionganana*80

Paragrafy voalohany : Ny amin'ny tsy fahazoana mampirafy asa..... 80

Paragrafy 2 : Ny amin'ny fanonganana 81

Sokajy 5 : Ny amin'ny filatsahan-kofidina..... 82

Paragrafy voalohany : Ny amin'ny fanolorana ny filatsahan-kofidina 82

Paragrafy 2 : Ny amin'ny lisitry ny mpilatsa-kofidina 82

Paragrafy 3 :Ny amin'ny fanambarana sy ny antotan-taratasy momba ny filatsahan-kofidina..... 83

Paragrafy 4 : Ny amin'ny fandraketana an-tsoratra ny filatsahan-kofidina..... 85

Sokajy 6 : Ny amin'ny taratasin-datsabato tokana sy ny birao fandatsaham-bato..... 88

Paragrafy voalohany : Ny amin'ny taratasin-datsabato tokana..... 88

Paragrafy 2 : Ny amin'ny birao fandatsaham-bato..... 88

Sokajy 7 : Ny amin'ny raharaham-pifidianana..... 88

Paragrafy voalohany : Ny amin'ny fampielezan-kevitra 88

Paragrafy 2 : Ny amin'ny fanisam-bato 89

Paragrafy 3 : Ny amin'ny fikirakirana ny vokatry sy ny famoahana ny voka-pifidianana vonjimaika..... 91

Paragrafy 4 : Ny amin'ny fanambarana ny vokatry raikitra 93

Sokajy 8 : Ny amin'ny fifanolanana mikasika ny fifidianana..... 93

Paragrafy voalohany : Ny amin'ny fahefana mikasika ny fifanolanana 93

Paragrafy 2 : Ny amin'ny paikady arahina 94

TOKO II : FEPETRA MANOKANA 94

Sokajy voalohany : Ny amin'ny fifidianana any amin'ny kaominina..... 94

Paragrafy voalohany : Ny amin'ny fomba fifidianana 94

Paragrafy 2 : Ny amin'ny firafitry ny Filan-kevitra monisipaly na kaominaly 95

Paragrafy 3 : Ny amin'ny fepetra manokana ahafahana hofidina 95

Paragrafy 4 : Ny amin'ny fepetra fandraisana anjara amin'ny fifidianana..... 95

Sokajy 2 : Ny amin'ny fifidianana any amin'ny Faritra 96

Paragrafy voalohany : Fomba fifidianana 96

Paragrafy 2 : Ny amin'ny lisi-pifidianana	96
Paragrafy 3 : Ny amin'ny firafitry ny Filankevi-paritra	96
Paragrafy 4 : Ny amin'ireo fepetra manokana ahafahana hofidina.....	97
Paragrafy 5 : Ny amin'ny fepetra ahazoana mandray anjara amin'ny fifidianana.....	97
<i>Sokajy 3 : Ny amin'ny fifidianana eny anivon'ny Faritany</i>	<i>97</i>
Paragrafy voalohany : Fomba fifidianana	97
Paragrafy 2 : Ny amin'ny lisi-pifidianana	98
Paragrafy 3 : Ny amin'ny firafitry ny Filankevi-paritany	98
Paragrafy 4 : Ny amin'ireo fepetra manokana ahafahana hofidina.....	98
Paragrafy 5 : Ny amin'ny fepetra ahazoana mandray anjara amin'ny fifidianana.....	98
TOKO III : FEPETRA SAMIHAFANA.....	99
 LOHATENY VII : FEPETRA SAMIHAFANA SY FARANY	 99

FILAZANA NY ANTONANTONY

Mifanarakaraka amin'ny nandaniana ny lalàna fehizoro mifehy ny tandrifim-pahefana, ny fombafomba fandaminana sy fiasan'ireo vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana, ary ny fitantanana ny raharahany manokana, izay mamaritra ny fotokevi-dehibe amin'ny fitsinjaram-pahefana, heverina fa tena ilaina ny manazava misimisany kokoa ny fepetra sasantsasany voarakitra ao.

Ity lalàna ity no mamaritra ny fitsipika mikasika ny fandaminana, ny fomba fiasa, ny anjara andraikitr'ireo vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana, izay mifototra amin'ny fahalalahana ara-pitantanana.

Ny Lalàmpanorenana dia mametraka ambaratonga telo eo amin'ny vondrombahoakamparitra itsinjaram-pahefana.

Amin'izany, misy fitsinjarana vaovao tsy maintsy apetraka mba hampirindra ny anjara andraikitr'ireo rafitry ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana.

Ny fitsinjaram-pahefana tena izy izay mikendry ny fampandraisan'andraikitra ny vahoaka amin'ny fitantanana ireo raharaha ifotony, ity lalàna ity dia mampiditra ny tamberin'andraikitra amin'ny fomba fitantanana ny vondrombahoaka.

Arak'izany, ny andininy faha-3 amin'ny Lalàmpanorenana dia mametraka fa « ny Repoblikan'i Madagasikara dia Fanjakana mifototra ka amin'ny rafitry ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ahitana ny Kaominina, ny Faritra sy ny Faritany », ary ny Fokonolona, araka ny fepetra voalazan'ny andininy faha-152 amin'ny Lalàmpanorenana « ny Fokonolona, nalamina ho Fokontany, no fototry ny fampandrosoana sy ny firaisan-kina ara-piarahamonina sy arakolontsaina ary ara-tontolo iainana ».

Ny tomponandraikitra eny anivon'ny Fokontany dia mandray anjara amin'ny fandrafetana ny fandaharan'asan'ny Kaominina misy azy ireo.

Ny Fokontany, amin'ny maha fari-piadidiam-panjakana manakaiky vahoaka azy, no andry lehibe ho an'ny Fitsinjaram-pahefana sy ny Fanapariaham-pitondrana.

Ankoatra izany, ity lalàna ity dia manamafy ireo loharanom-bolan'ny vondrombahoakamparitra itsinjaram-pahefana isan'ambaratonga efa misy, ary mametraka karazana loharanom-bola vaovao arakaraka ny tandrifim-pahefana natolotra azy ireo, mba iantohana ny fizakan-tenany arabola.

Farany, ny fampiroboroboana ny demokrasia eny ifotony dia singa manan-danja eo amin'ny Fitsinjaram-pahefana tena izy.

Ity lalàna ity dia mampiditra ny fitsipika mikasika ny fifidianana isam-paritra, ka ny fotokevi-dehibe dia mifototra amin'ny fikarakarana fifidianana azo itokisana sy eken'ny rehetra, mangarahara, ary manaja ny fenitra demokratika.

Izao lalàna izao misy andininy miisa fito amby roapolo sy telojato, ary mizara ho lohateny fito izao :

- ┌ Lohateny voalohany : Ny amin'ny famaritana, ny fiantsoana ary ny renivohitry ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana;
- ┌ Lohateny II : Ny amin'ny anjara andraikitr'ny rafitra eny anivon'ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana;
- ┌ Lohateny III : Ny amin'ny fandaminana sy ny fomba fiasan'ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana;
- ┌ Lohateny IV : Ny amin'ny maha tompon'andraikitra ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ;
- ┌ Lohateny V : Ny amin'ny tetibola sy ny loharanom-bolan'ireo vondrombahoakamparitra itsinjaram-pahefana ;
- ┌ Lohateny VI : ny amin'ny fifidianana isam-paritra;
- ┌ Lohateny VII :Fepetra samihafa sy farany.

LALANA LAHARANA FAHA 2014-020

Mikasika ny loharanom-bolan'ireo vondrombahoakam-paritra itsinjaram- pahefana, ny fombafomba fifidianana, ny fandaminana sy ny fomba fiasa ary ny andraikitry ny rafitr'izy ireo.

27 septambra 2014

Ny Antemierampirenena no nandany tao amin'ny fivoriana natao ny 20 Aogositra 2014

NY FILOHAN'NY REPOBLIKA,

Araka ny Lalàmpanorenana ;

Araka ny lalàna fehizoro laharana faha 2014-018 ny 12 septambra 2014 mikasika ny tandrifim- pahefana sy momba ny fandaminana sy fomba fiasa ny vondrom-paritra anapariam-pahefana ary ny fitantanana ny raharaha token-tranony ;

Araka ny lalàna fehizoro laharana faha 2004-007 ny 26 jolay 2004 momba ny fitantanam- bolam-panjakana ;

Araka ny lalàna fehizoro laharana faha 2012-005 ny 22 febroary 2012 anaovana ny fehezan-dalàna momba ny fifidianana ;

Araka ny fanapahana laharana faha 26 - HCC/D3 tamin'ny 10 septambra 2014 noraisin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana,

Araka ny fanapahana laharana faha 27 - HCC/D3 tamin'ny 24 septambra 2014 noraisin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana,

DIA MAMOAKA HAMPANAN-KERY NY LALANA IZAY TOY IZAO NY ANDININY :

Andininy voalohany – Ity lalàna ity no mametra ireo fitsipika mikasika:

▢ ny fomba fiasa, ny fandaminana sy ny anjara raharahan'ireo vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana;

▢ ny loharanom-bolan'ny raharahan'ireo vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana; sy ny fifidianana isam-paritra.

LOHATENY VOALOHANY : NY FAMARITANA SY NY ANARANA ENTINY MBAMIN'NY RENIVOHITR'IREO VONDROM-BAHOAKAM-PARITRA ITSINJARAM-PAHEFANA

And.2 – Araka ny voalazan'ny andininy faha-143 ny Lalàmpanorenana, ireo vondrombahoakam- paritra itsinjaram-pahefana dia ny Kaominina, faritra ary ny Faritany.

And.3 – Ho hita ao amin'ny tabilao atovana ity lalàna ity ny isa, ny fetran-tany, ny anarana entiny sy ny renivohitry ny faritany tsirairay avy, ny faritra tsirairay avy ary ny kaominina tsirairay avy.

And.4 – Ny Faritany dia mamondrona Faritra roa na maromaro. Ny Faritra dia mamondrona kaominina maromaro.

And.5 – Ny Kaominina dia azo sokajiana ho Kaominina ambonivohitra na ambanivohitra araka ny habetsaky ny mponina ao aminy.

And.6 – Ireo Tanàn-dehibe manana endri-tanàna mitambatambatra toy ny tanàn-dehibe sy manana eo am-pelatanany loharanom-bola ilaina amin'ny fampifandanjana ny tetibola izay ampy hiantoka ireo loloha sy andraikitra ara-bola takian'ny fiaiampianan'ny olon-tsotra ho an'izany kaominina izany no azo atao Kaominina ambonivohitra.

And.7 – Ny Kaominina ambonivohitra dia tsy maintsy manana mponina miisa roa alina (20.000) farafahakeliny.

And.8 – Ny fanasokajiana ny Kaominina ho Kaominina ambonivohitra na Kaominina ambanivohitra dia faritan'ny didim-panjakana raisina eo am-pivorian'ny Minisitra araka ny ny tolo-kevitra arosan'ny Minisitra miandraikitra ny Atitany sy fitsinjaram-pahefana, ka tsy maintsy hajaina amin'izany ny fepetra vaolazan'ny andininy faha-5, sy faha-6 ary faha-7 voalaza etsy ambony.

Ny fanovana ny fanasokajiana dia atao araka ny fepetra mitovy amin'ny fanolorana azy ihany rehefa avy nanontaniana ny heviny ny filankevitra monisipaly na kaominaly sy ny filankevi-paritra voakasik'izany.

Na dia eo aza ny fepetra vaolazan'ny andininy faha-5 sy manaraka, ireo kaominina ambonivohitra efa misy dia mitazona ny sata maha kaominina ambonivohitra azy.

And.9 – Ny Renivohitry ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana tsirairay dia eo amin'ny tanàn-dehibe izay mahafeno ireo asa fanohanana sy/na tendro fandroritana ny fampandrosoana ara- toe-karena.

And.10 – Ireo fanovana ny fetran-tanin'ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana, na amin'ny fanalana sombim-paritra avy amin'ny vondrom-bahoaka iray mba hitambatra amin'ny iray hafa, na fanatambarana vondrom-bahoaka roa na maroamaro ho iray, dia tapahina amin'ny alàlan'ny lalàna.

Torak'izany koa ny momba ny fanovana sy ny fanendrena ny renivohitry ny vondrombahoakam- paritra itsinjaram-pahefana.

And.11 – Raha toa ka misy fanovana ireo fetran-tany, na famoronana vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana iray, dia hisy vaomiera manokana atsangana mba hiroso amin'ny fitsinjarana ny fananany.

Ireo fombafomba fampiharana ity andininy ity dia hofaritan'ny didy amam-pitsipika.

And.12 – Ny fanoherana mikasika ny famaritana ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana dia entina eo anoloan'ny fitsarana mahefa misahana

ny ady amin'ny fanjakana .

LOHATENY II : NY ANJARA RAHARAHAN'NY VONDROMBAHOAKAM-PARITRA ITSINJARAM-PAHEFANA

And.13 – Ho fampiarana ireo fepetra voalazan'ny andininy faha-151, faha-156 ary faha-160 ao amin'ny lalàmpanorenana, ity lohateny ity no mametra ny anjara raharahan'ny vondrombahoakam- paritra itsinjaram-pahefana.

ZANA-DOHATENY I : NY ANJARA RAHARAHY SY NY SORA-DRAHARAHAN'NY RAFITRA MPANAPAN-KEVITRA

TOKO VOALOHANY : NY ANJARA RAHARAHAN'NY RAFITRA MPANAPAN-KEVITRA

And.14 – Eo amin'ny ambaratonga tsirairay amin'ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram- pahefana, dia ny Filankevitra no mandamina amin'ny fanapahan-kevitra ataony ireo raharaha nankinin'ny lalàna mba hiantsohohany araka ny tandrifim-pahefany, ary izany dia araka ny fenitra momba ny fitantanan-draharaha malaka voalaza ao amin'ny andininy faha-144 ao amin'ny Lalàmpanorenana.

And.15 – Ny filankevitra no mandray fanapahana indrindra amin'ireto sehatra manaraka ireto :

1. Manapa-kevitra mikasika ny teti-bola sy ny kaontim-pitantana izay arosen'ny tompon'andraikitra voalohan'ny Birao mpanantanteraka isan-taona izy ;

2. Ny fananganana sampan-draharaha sy antokondraharaha ary tranon'asa ifotony ; ireo rindradamina fakan-tahaka mety hampiharina isaky ny karazana sy ambaratonga ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana dia atovana ity lalàna ity ;

3. Ny fividianana, famindrana amin'ny olon-kafa, sy fametrahana ho antoka ny fananan'ny vondrom-bahoaka, fanorenana na fanafoanana ny zo ananana amin'ny tany aman-trano, ny fiantohana ireo fanana manaraka sy fanana-mifaka isam-paritany, isam-paritra sy eo an- toerana,ny fepetra mikasika ny fampanofana tany na trano mihofa ,ary koa ny fizarana ireo fananan'ny vondrom-bahoaka izay iarahany manana amin'olon-kafa ka tsy azo saratsarahana ;

4. Ireo fisamboram-bola ;

5. Tetik'asa fanorenana na fameranam-panorenana ary koa fanamboarana goavana sy fandravana ireo fanana miraikitra amin'ny tany Vondrombahoakam-paritra itsinjaram- pahefana;

6. Ny fanokafana sy fanovàna ireo lâlana sy arabe miankina amin'ny andraikiiny raha ny didy aman-dalàna manan-kery no jerena, ary koa ny drafitra mikasika ny sorita atao fetran- dâlana;

7. Ny fanenkena handray fanomezana sy lova-tolotra;

8. Ny famonoana ny fanoratana tany atao antoka ho an'ny tombotsoan'ny vondrom-bahoaka sy ny fialana amin'ireo fombafomba amin' ny antoka ;

9. Ny fanenkena hiombona antoka ;

10. Ny famaritana, raha misy, ireo fombafomba amin'ny fandraisan'ny anjaran'ny vondrom- bahoaka misy azy amin'ny lahasa iaraha-manao amin'ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana hafa ;

11. Ny fahafoizana na fanofana sampan-draharaham-panjakana natsangan'ilay vondrom- bahoaka ihany ;

12. Ny fandaminana ny fandraisan'anjaran'ny vondrom-bahoaka misy azy amin'ny fiarovana sy amin'ny fandriampahaleman'ny tany ;

13. Ny fanampahana mikasika ny fampidirana fitoriana eny amin'ny fitsaranana na ny fanohanana izany amin'ny anaran'ny vondrom-bahoaka misy azy ;

14. Ireo « dinan'asa » ;

15. Ny famerana ny tahan'ny tamberim-bidy sy haba manokana isakarazany;

16. Ny fidirana amin'ny fikambanana na fiombonana iraisan'ny vondrom-bahoaka eto an-toerana ary koa ny fiara-miasa amin'ny vondrom-bahoaka avy ny ivelany.

Akoatra izany, ny filankevitra dia manapaka ihany koa ny amin'ireo anton-draharaha izay avelan'ny didy aman-dalàna ho andraikiiny ny fandinihana azy.

Ireo didy aman-tsipika dia afaka mamaritra, raha ilaina, ireo fomba fampiharana ity andininy ity.

And.16 – Manome ny heviny mandrakariva ny Filankevitra isaky izay mitaky izany aminy didy aman- dalàna na noho ny fiangavian'ny vondrom-bahoaka hafa na noho ny fangatahan'ny solontenam- panjakana mahefa.

Ankoatra ireo fanapahana sy ireo heviny Filankevitra voalaza etsy ambony, ny Filankevitra dia afaka maneho ny hetahetany mahakasika ireo anton-javatra rehetra tsy tafiditra ao anatin'ny tandrifim-pahefany voatondron' ireo didy aman-dalàna.

TOKO II : IREO SORA-DRAHARAHAN'IREO RAFITRA MPANAPAKEVITRA

And.17 – Araka izay voasotr'ireo andininy faha-87 ka hatramin'ny andininy faha-89 etsy ambony no anaovana ny fanapahana raisin'ny Filankevitra. Na izany aza anefa, dia tsy azo atao mifanohitra amin'ireo fepetra voalazan'ny

Lalàmpanorenana sy ny lalàna ary ny didy amam-pitsipika izy ireo.

Soratana ao amin'ny rejistra izay voaisa ravina sy vitan'ny solontenam-panjakana mahefa sonia rango-pohy ireo fanapahana arakaraka ny fotoana nanaovana azy ireny. Ireo mambra rehetra tonga na voasolo tena nanatrika ny fivoriana no manao sonia, miaraka amin'ny filazana, raha miseho izany, ny antonantony tsy nahafahany izy ireo namonjy fivoriana.

Ny fanapahana tsirairay avy dia alefan'ny lehiben'ny mpanatanteraka any amin'ny solontenam-panjakana mahefa mba hanaovana ny fanaraha-maso ny fanajana ny lalàna ao anatin'ny telopolo andro aorian'ny nandraisana azy raha ela indrindra. Soratana eo amin'ny fanapahana ny tsiahy nandefasana azy.

And.18 – Ny dinan'asa dia volavolaina sy laniana araka ny fomba fanao amin'ny fanapahana.

Ny dinan'asa dia tanterahin'ny mponina rehetra ao amin' ilay Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ampiharana azy.

And.19 – Tsy maintsy alefa any amin'ny solontenam-panjakana ny kopian'ny fanapahan-kevitra voasonian'ny Filohan'ny filankevitra sy ny mpampankateny mba hanaovana ny fanaraha-maso ny fanajana ny lalàna. Misy tapakila omena amin'izany.

Ireo fomba fampiharana ny fanaovana ny fanaraha-maso ny fanajana ny lalàna dia hofaritana amin'ny alalan'ny didy aman-tsipika.

And.20 – Tsy maintsy atao ampy ho fantatry ny besinimaro ny fanapahan-kevitra amin'ny alalan'ny peta-dririna eo amin'ny toerana fametrahana afisim-panjakana ao amin'ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana na amin'ny alalan'ny fomba hafa mahazatra azy.

And.21 – Ny fanapahana ataon'ny Filankevitra mbamin'ireo «dinan'asa» tondroin'ny andininy faha- 18 etsy ambony dia ampiharina tsy misy fepetra raha vantany vao vita ny famohana azy ho fanta- bahoaka na ny fampahafantarana azy amin'ireo olona voakasika, nefa na izany aza dia tsy tohinina ireo fepetra voalazan'ny andininy faha-18.

And.22 – Tsy afaka mandray anjara amin'ny fanapahan-kevitra, ireo Filankevitra voakasika amin'ny raharaha, na amin'ny anarany manokana, na amin'ny maha solon-tenan'ny voakasika azy.

And.23 – Eo anivon'ny kaominina, ny Filohan'ny Filankevitra irery na miaraka amin'ireo tompo'andraikitra na ireo Fokontany dia manao ny raharahan'ny mpampihavana sy/na mpanelanelana amin'ireo olana misy eo amin'ny olona iray na vondron'olona izay mety ho voavaha amin'ireo fomba ireo amin'ny maha Raiamandreny azy ankoatr'ireo toe-draharaha voalazan'ny lalàna voatokana ny amin'izany.

And.24 – Eo anivon'ny Faritany sy ny Faritra, ny Filohan'ny Filankevitra irery na mitarika delegasiona na raha ilaina dia, miaraka amin'ny solontenam-panjakana mahefa, dia manao ny raharahan'ny mpampihavana sy/na mpanelanelana amin'ireo olana izay misy amin'ireo samy kaominina eo amin'ny

faritra na ny faritany misy azy sy mety ho voavaha amin'ireo fomba ireo.

ZANA-DOHATENY II : IREO ANJARA RAHARAHAN'NY RAFITRA MPANATANTERAKA

TOKO VOALOHANY : IREO ANJARA RAHARAHARA IRAISANA

And.25 – Ny Lehiben'ny mpanatanteraka no mamaritra ny laharam-pahamehana atolotra ny Filohan'ny Filankevitra mba ho raiketina ao amin'ny fandaharam-potoanan'ny Filankevira, izay feran'ny filohan' ny Filankevitra.

And.26 – Izy no manomana sy manolotra ny teti-bolan'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram- pahefana, miaraka amin'ny fanohanana'ny mambra sasany ao amin'ny rafitra mpanatanteraka sy ny fiarahamiasan'ireo sampan-draharaham-panjakana anapariaham-pitondrana voakasik'izany.

Izy no miantoka ny fifandraisana maharitra eo amin'ny Filankevitra sy ny solotenam-pajakana mahefa.

And.27 – Ny Lehiben'ny mpanatanteraka no miantoka ny fanatanterahana ny fanapahana ataon'ny filankevitry ny vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana.

Ny Lehiben'ny mpanatanteraka no manana fahefana handray fitsipika. Amin'izany , izy dia afaka :

1. mibaiko amin'ny alalan'ny didim-pitondrana ireo fepetra ifotony izay nomen'ny didy aman- dalàna eo amin'ny fahamalinany sy fahafeny ;

2. mampahafantatra indray ireo didy aman-dalàna sy mampatsiaro ny mponina amin'ny fomba rehetra ireo adidiny amin'ny maha olom-pirenena azy, ireo zony sy ireo andraikitra. Afaka miantso fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakana hanao fanabeazana ny maha olom- pirenena ny mponina.

And.28– Ny Lehiben'ny mpanatanteraka no misolo tena ny vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram- pahefana ao amin'ny sora-draharaha tsotra sy ara-panjakana araka ireo fepetra voalazan'ny didy aman-dalàna manan-kery.

Amin'izany, Izy no misolo tena ny vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana eo anivon'ny fitsarana sy manao ireo sora-draharaha enti-mitahiry ny fahatapan'ny fe-potoana na faheverezan-jo.

And.29 – Eo ambany fanaraha-maso ny Filankevitra, ny Lehiben'ny mpanatanteraka dia miandraikitra, amin'ny ankapobeny sy araka ny endrika voalazan'ny didy aman-dalàna, ny fanatanterahana ireo fanapahana nataon'ny Filankevitra fa indrindra ny :

1. mba hitandro sady hitantana ny fananana sy ny zo momba ny tombam-pananan'ny vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana;

2. mba hanao andrimaso ny antokon-draharaha isaky ny faritany, isaky ny faritra sy eny ifotony ary ny fanaovana ny kontin'ny Vondrom-bahoaka;

3. mba handray ireo fepetra ilaina mikasika ny lalana sy ny fifamoivoizana samy hafa ao amin'ny Vondrombahoaka ;

4. mba hitantana ny asa izay efa noraisin'ny Vondrom-bahoaka an-tanana, sy raha misy, mba hanao ny fandraiketana ny tsenan'asa sady hanara –maso ny fanantontosana an-tsakany sy an-davany ireo asa ireo ;

5. mba hanao sora-draharaha momba ny fivarotana, fanankalozana, fizarana, fankatoavana ara-dalàna ireo tolo-panana sy lova fividianana, fifanaraham-barotra mbamin'ny tolo-bidy sy fivarotana tany raha toa ka ireo sora-draharaha ireo ka efa nahazo alalana mifanaraka amin'izao lalàna izao.

And.30– Ankoatra izany, ny Lehiben'ny mpanantateraka dia afaka, amin'ny alalan'ny fanomezan- dalana nataon'ny Filan-kevitra, miandraikitra manontolo na amin'ny ampahany ,sady mandritra ny fe-potoana iasany, ny :

1. mba hirosoana, araka ny fepetra voalazan'ny rijan-teny manankery, amin'ny fetra notondroin'ny Filankevitra, amin'ny fanatontosana ny findramambola izay natao ho an'ny famatsiana ny fampiasam-bola voalazan'ny teti-bola sy manao ny sora-draharaha ilaina vokatr'izany;

2. mba handray ny fanampahan-kevitra rehetra mikasika ny fanomanana, fanolorana, ny fanatanterahana sy ny fametrahana ny fitsipika ,mifehy ny tsenan' ny asa vaventy, ny kojakoja sy ny tolo-draharaha ao anatin'ny fanajana ny fitsipika manan-kery, sy arakaraka ny vidin'izy ireo ary raha toa ka efa voalaza anaty teti-bola ny soram-bola ;

3. mba hanao fifanarahana amin'ny trano fiantohana ;

4. mba hanaiky ny fandraisana ny tolom-panana sy ny lova izay tsy arahina fepetra na andraikitra ;

5. mba handray ny fanapahan-kevitra rehetra mikasika ny fividianana,ny fanorenana, ny fivarotana fanana-mifaka ka ny tombam-bidy dia tsy mihoatra ny vidiny izay ho feran'ny Filankevitra ;

6. mba hametra ny karama sy mba hikarakara ny sarany sy ny vola aloa amin'ny fakana mpisolovava, na ny Notera ,na ny vadin-tany ary ireo manamahay ;

7. mba hanao ireo sora-draharaha fifampivarotana, fifankalozana, fizarana, fividianana ary ny tsena sy ny fampanofana.

And.31 – Ny fanapahana izay noraisin'ny Lehiben'ny mpanatanteraka araka ny voalazan'ny andininy teo aloha dia manaraka ny fitsipika ampiarina amin'ny fanapahana raisin'ny filankevitra mikasika amin'ny antony mitovy amin'izany ihany koa.

And.32 – Ny Lehiben'ny mpanatanteraka dia tsy maintsy manao sonia ireo fanapahan-kevitra rehetra noraisiny ho fampiharana ny fanomezam-pahefana nataon'ny Filankevitra ho azy.

Ny Lehiben'ny mpanatanteraka dia tsy maintsy manao tatitra momba izany fanapahan-kevitra noraisina izany mandritra ny fivorian'ny Filankevitra.

Ny Filankevitra dia afaka mandrakariva mampitsahatra ny fanomezam-pahefana.

And.33 – Ny Lehiben’ny mpanatanteraka no mpanalalana voalohany ny fandanim-bolan’ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana izay afaka mamindra fahefana. Izy no mandidy ny fanatanterahana ny famoriambola isam-paritany, isam-paritra ary eny ifotony, afatsy ireo izay voalazan’ny fepetra manokan’ny fehezan-dalàna ankapobe momba ny hetra mikasika ny famorian-ketran’ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana izany.

Izy no manomboka, mamarana sy manome baiko amin’ireo fandaniana voasoratra ao amin’ny Vondrombahoaka.

And.34 – Izy no lehiben’ny sampandraharahara izay noforonina sy vatsian’ny Vondrombahoakam- paritra itsinjaram-pahefana ara-bola. Mbola izy ihany koa no lehiben’ny sampandraharaha izay napetraky ny Fanjakana eo ambany fiadiadiany. Amin’izany, izy dia miroso amin’ny fandraisana mpiasa izay ilaina amin’ny fampandehanana ny sampan-draharaha sady manendry amin’ny asa rehetra, araka ny rafi-pandaminan’ny asa maharitra izay efa neken’ny Filankevitra ary ny isan’ny mpiasa horaisina voalaza ao amin’ny tetibola.

Izy no mitantana ireo mpiasa ary manara-maso ny fampiharana ny didy aman-dalàna mikasika ny asa ary indrindra ny fahatapahan’ny fifandraisana amin’ny asa.

And.35 – Ny lehiben’ny mpanatanteraka dia afaka mangataka tohana sy fanampiana, raha misy liana izany, amin’ireo sampan-draharaham-panjakana anampariaham-piondrana ho fanomanana sy hanatanterahana ny fapahana noraisin’ny Filankevitra. Amin’izany, izy dia miresaka mivantana amin’ny solontenam-panjakana mahefa.

And.36 – Ny Lehiben’ny mpanatanteraka no mitantana ny faritry ny tanin’ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana, izy no mampihatra ny fepetra fandaminana sy fiarovana mifandraika amin’io fitantanana io, indrindra indrindra mikasika ny fifamoivoizana eo amin’io faritry ny taniny io.

And.37 – Amin’ny fampiharana ny fitsipika fototra momba ny tamberin’andraikitra sy fangaraharana eo amin’ny fitanana ireo raharaha eny ifotony, ankoatra ny fampandraisana anjara amin’ny rafitra ikahonandoha izay voalaza ny andininy faha-15 ao amin’ny lalàna fehizoro mifehy ny tandrifim-pahefana, ny fombafomba fandaminana sy ny fomba fiasan’ny vondrombahoakam- paritra itsinjaram-pahefana, ary ny fitantanana ny raharahany manokana, ny Lehiben’ny mpanatanterak’ ireo Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana dia manao tatitra ireo raharahany amin’ny vahoaka eo an-toerana amin’ny alalan’ny gazety, kabary na amin’ny fomba hafa mahomby.

Ankoatra izany, izy dia manampy amin’ny fanentanana ireo vahoaka amin’ny fanabeazana ny maha olom-pirenena sy fampandraisana anjara ny vahoaka amin’ny fampandrosoana.

TOKO II : NY ANJARA ANDRAIKITRA MANOKANA

Sokajy Voalohany : NY AMIN'NY BEN'NY TANANA

And.38 – Ankoatra ireo raharaha iandraiketan' ny Lehiben'ny mpanatanteraka ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana izay voafaritry ny toko eo aloha, ny Ben'ny tanàna dia manao ireo raharaha voalaza amin'ity sokajy ity.

And.39 – Ny Ben'ny tanàna sy ireo lefiny no mpiandraikitra ny sora-piankohonana.

Azon'ny Ben'ny tanàna atao ny mamindra fahefana amin'ny mpiasa iray na maromaro ao amin'ny kaominina, izay feno iraika amby roapolo taona ahay raha kely indrindra, momba ny asa maha- piandraikitra ny sora-piankohonana azy, mba handray an-tsoratra ao amin'ny rejisitry ny sora- piankohonana, ireo fanambarana fahaterahana, fahafatesana, zaza tsy azo, fanjanahana, fananganana sy fanariana, fandraiketana amim-boky sy fanaovana filazana an-tsisiny amin'ireo sora- panjakana na didim-pitsarana, ary koa mba hanao ny fandrafetana ireo sora-draharaha rehetra mifandraika amin'ireo fanambarana lazaina etsy ambony.

Eo ambany fanarahamaso sy andraikitra ny Ben'ny tanàna no isahanana io fanomezam-pahefana io.

Ny didim-pitondrana anaovana ny famindram-pahefana dia sady ampitaina mankany amin'ny solotenam-panjakana no mankany amin'ny Tonia mpampanao ao amin'ny fitsarana ambaratonga voalohany mahefa misy ilay kaominina voakasik'izany.

Ireo mpiasan'ny kaominina amindram-pahefana mba handray ireo fanambarana , handrafitra an-tsoratra, hanoratra amin'ny boky sy hanao filazana an-tsisiny amin'ireo sora-piankohonana voalazan'ity andininy ity, dia manome ara-dalàna ho an'izay olona mila izany, ireo kopia sy vontoatin'ny sora-piankohonana ary fanamarinam-piankohonana rehetra na inona na inona karazany, ka eo ambany fanarahamaso sy andraikitra ny Ben'ny tanàna izany.

And.40 – Ny ben'ny tanàna , na raha tsy eo izy, dia ny solotenam-panjakana no tsy maintsy mikarakara haingana izay ahatomombana tsara an-tsakany sy an-davany ny fanofohana na fandevenana ny olona maty ka tsy anavahana na inona na inona izany.

And.41- Ny Ben'ny tanàna na ny lefitra dia tsy maintsy manao ny fanamarinana eo anatrehan'ny lalàna izay sonia rehetra ataon'ny olona fantany tsara eo anatrehany, na miaraka amin'ny vavolombelona fantatr'ilay olona, na koa araka ny fangatahana ataon'ilay tompon-tsonia, dia fanamarinana izay sonia rehetra mitovy amin'ny sonia lasitra apetrak'ilay olona voakasik'izany ao amin'ny rejisitra manokana hita ao amin'ny Lapan'ny tanàna.

Ny fanaovana lavo-tondro dia tsy azo anaovana fanamarinana eo anatrehan'ny lalàna. Na izany aza anefa, dia azon'ny Ben'ny tanàna na ny lefitra atao ny manamarina fa teo anatrehany tokoa no nanaovana izany.

Ny Sonia vita sora-tànana omen'ireo mpitsara monisipaly eo ampanatontosana ny asa ara-pitondrana ataony dia manan-kery amin'ny toe-javatra sy fotoana rehetra ka tsy ilaina fanamarinana eo anatrehan'ny lalàna raha tahiny izy ireny miaraka amin'ny fitomboky ny Lapan'ny tanàna misy kasem-panjakana.

And.42 – Manana fahefana ny Ben'ny tanàna mba :

1. hamoaka, amin'ny alalàn'ny didim-pitondrana, ireo fepetra ampiharina eo an-toerana mikasika ireo anton-javatra ankinin'ny lalàna aminy ny fanaovana andri-maso azy sady ananany fahefana rahateo;

2. hamoaka indray ho fanta-bahoaka ireo didy aman-dalàna momba ny fitandroam-pilaminana ary mampahatsiahy ny tsy maintsy hanajana azy ireny amin'ny mponina.

And.43 – Anjaran'ny Ben'ny tanàna no mitandro ny filaminana mikasika ireo lalàna ao anatin'ny vohitra, kanefa izany dia momba ny fifamoivoizana amin'ireny lalàna voalaza ireny fotsiny ihany.

Azony atao, ka misy fandoavan-tsarany voafetra araka ny tondrom-bidy efa voalamina tsara araka ny fanapahana noraisin'ny Filankevitra, ny manome fahazoan-dalana hijanona na hametraka vonjimaika eny amin'ny lalam-bahoaka, renirano, seranana sy fiantsonana amoron'ny ony sy eny amin'ireo toerana hafa falehan'ny besinimaro kanefa izany dia miankina amin'ny fahatsapana fa azo omena izany fanomezan-dàlana izany raha toa ka tsy manelingelina ny lalam-bahoaka ny fivezivezena an-dranomasina sy amin'ny ony, ary ny fifamoivoizana sy fahalalahan'ny varotra.

Ny alalana amin'ny fanoritana fetran-dalana ataon'ny olona tsirairay, ny fahazoan-dàlana hanorina, hizarazara tany sy handrava, ny fanomezan-dàlana hafa momba ny fikarakarana ny lalana, dia omen'ny Ben'ny tanàna rehefa nanome ny heviny ireo sampan-draharahara teknika mahefa amin'izany.

Ny fanomezan-dàlana tsy raikitra na azo esorina tsotra izao eo amin'ireo lalam-bahoaka, izay apetraka ho anjara raharahan'ny Ben'ny tanàna, ka ny zava-kendrena amin'izany dia mikasika indrindra indrindra ny fametrahana ao ambanin'ny tany amin'ny lalam-bahoaka ireo fantsona atohana andalovan'ny rano, entona, herin'aratra, na tefefaonina sy itarihana azy ireny dia azon'ny solontenam-panjakana omena araka ny didy navoakan'ny fitsarana mahefa, raha sendra ka mandà tsy hanome izany ny Ben'ny tanàna kanefa tsy voapororo tsinona izany fandavany izany fa ho tombontsoan'ny besinimaro.

And.44 – Amin'ny fisahanana ireo fahefana momba ny fitandroam-pilaminana izay omena ho andraikiny, ny Ben'ny tanàna raha misy ilàna izany, dia mangataka amin'ny Solontenam-panjakana mahefa ny fanampian'ny mpitandro ny filaminana.

And. 45 – Ireo fahefana eo am-pelatanan'ny Ben'ny tanàna dia tsy misakana

velively ny fahefan'ny solon-tenam-panjakana mahefa mba handraisany, ho an'ny kaominina maromaro, sy amin'ireo toe- javatra rehetra izay tsy tonga lafatra loatra ny fanatanterahan'ireo tompon'andraikitra monisipaly izany, izay fepetra rehetra mikasika ny fitandroam-pahasalamana, ny tokin'aina sy ny fandriampahalemam-bahoaka.

Raha tandindonin-doza ny filaminana ao anatin'ny kaominina roa na maromaro miray sisin-tany, dia afaka misolo ny toeran'ny Ben'ny tanàna voakasika ny solontenam-panjakana mba hisahana, amin'ny alalan'ny didim-pitondrana omban'ny antonantony, ireo fahefana momba ny fitandroam-pilaminana voatondron'ity sokajy ity.

And.46 – Ny Ben'ny tanàna dia afaka mandray finivavany handinika, hanolo-kevitra na hampankato, hanelany sy hampanao fampiharana ireo « dinan'asa » ao anatin'ny fanajana ny lalàna sy fitsipika manan-kery ary ireo fomba hita fa fanao ka tsy nisy fanoherana avy amin'ny kaominina misy azy.

Rehefa avy nakana ny hevitra ny Filankevitra, izy dia afaka mampanao ny vahoaka ireo asa ho an'ny tombontsoa iraisana ho fanatanterahana ny drafitr'asa fampandrosona ifotony.

And.47 – Ny Ben'ny tanàna, ao anatin'ny faritra ny kaominina misy azy, no mitarika ireo fety aman-danonana ofisialy.

And.48 – Ny Ben'ny tanàna dia afaka mamindra ampahany amin'ny raharahany amin'ireo lefiny.

Izy dia afaka ihany koa manome fahefana hanao sonia amin'ireo taranja izay tafiditra ao anatin'ireo raharahany.

Ny fanomezan-dàlana hanao sonia na ny famindrana fahefana, dia tsy maintsy atao amin'ny alalan'ny didim-pitondrana izay mamaritra ny antony, ny faharetany sy olona nomem-pahefana.

And.49 – Amin'ireo fety ofisialy, ny Ben'ny tanàna sy ireo lefitriny dia mitondra, atao fehikibo, ny Samboady manana ireo lokom-pirenena, fotsy, mena sy maintso, misy voan'oika miloko volamena ny veri-drambo ny an'ny Ben'ny tanàna sy voan'oika miloko volafotsy ny veri-drambo ny an'ireo lefitry ny Ben'ny tanàna.

Ireo samboady ireo dia vidina amin'ny tetibola ny kaominina.

And.50 – Ny fitondram-pilaminana ao amin'ny kaominina ambonivohitra na ambanivohitra dia eo ambany fahefan'ny Ben'ny tanàna.

Amin'izany, izy dia mikendry ny hisian'ny filaminana tsara rindra, ny tokin'aina sy fandriampahalemana ary fahasalamam-bahoaka.

Ho hita amin'izany indrindra indrindra :

1. Izy rehetra mahakasika ny fisorohana ny loza tsy hihatra sy ny fahatsaran'ny fandalovana amin'ireo arabe, fiantsonana, kianja ary lalana falehan'ny besinimaro, ka tafiditra ao anatin'izany ny fanadiovana azy ireny, ny fanazavana amin'ny alalan'ny jiro, ny fanesorana izay rehetra manakantsakana,

ny fandrodanana ireo trano manambana ho rava na ny fanamboarana izany, ny fandrarana mba tsy hametraka zavatra eny am-baravarana-kely na faritra sasany hafa amin'ny trano izay mety hitera-doza ny fidabohany etsy ambany, na ny fandrarana tsy hanipitsipy zavatra izay mety hitera-pahavoazana ho an'ireo mpandalo na hiteraka fofon-dratsy manimba ;

2. ny fikarakarana ny fampitsaharana izay mety hanohintohina ny fandriampahalemam- bahoaka, toy ny ady saritaka sy fifamaliana miaraka amin'ny savorovoro eny an-dalana, ny fisamonomononana ranitina ao amin'ny toerana vory vahoaka, ny fitangorongoronana arahin- tabataba, ny horakoraka sy fivorivorianana amin'ny andro alina ka manakorontana ny fialan-tsasatry ny tany ama-monina, ary izay rehetra fihetsika mety hanelingelina ny fandriampahalemam-bahoaka ;

3. Ny fitandroana hisian'ny filaminana tsara amin'ireo toerana izay ahitana olona marobe tafavory, toy ny tsenabe na foara, tsena, koranam-pifaliana sy lanonam-bahoaka, fety fampisehoana, kilalao, trano fialana hetaheta ary ireo toerana hafa falehan'ny besinimaro ;

4. ny fomba fitanterana olona maty, ny fandevenana sy famadihan-drazana, ny fitandroana ny filaminana sy fahamendrehan'ireo vondrom-pasana ; ka tsy azo ekena mihitsy ny fanaovana fanindrahindrana manokana na fanaovana anjorom-bala manokana noho ny finoana na noho ny fivavahana narahin'ilay maty, na noho ny toe-javatra niseho manodidina ny fahafatesany ;

5. ny fanaovana fisafoana mba hisy tsy tapaka ireo zavatra hamidy amin'ny alalan'ny fandanjana na fandrefesana na famàrana ary ny fitandroam-pahasalamana mikasika an'ireo zava-pihinana atolotra hamidy ;

6. Ny fikatsahana izay hisorohana dieny mialoha, amin'ny alalan'ny fitandremana sahaza, sy fitadiavana izay fomba ampitsaharana amin'ny alalan'ny fitsinjarana ny famonjena, mikasika ireo loza sy atambo tahaka ny hain-trano, tondra-drano, fahavakisan'ny fefiloha, fihotsahan'ny tany na vato, ary izay rehetra loza voajanahary, areti-mandringana sy areti-mifindra amin'ny olona, areti-mandringana ny biby ; fanaovana haingana dia haingana izay fepetra rehetra fisorohana ny loza, fanampiana sy famonjena ary, raha misy, dia ny fanairana ny Fanjakana mba hirotsaka an-tsehatra ;

7. Ny fikarakarana ny fandraisana vonjimaika ireo fepetra ilaina mikasika ireo olona mpirenireny sy ireo olona adala izay mety hanimba ny saimbahoaka, ny tokin'aina ho an'ny olona na fitandroam-pananana ;

8. Ny fikatsahana fepetra mahomby na fitondram-panafana amin'ireo toe-javatra mampalahelo mety hitranga noho ny firenirenin'ireo biby mampi-doza na masiaka.

And.51 – Ankoatra ny anjara andraikitra ny Lehiben'ny mpanatanteraka eo amin'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana araka ny voalaza ao amin'ny toko voalohany etsy ambony, ny Lehiben'ny Faritra no misahana ireo anjara andraikitra voalaza amin'ity sokajy ity.

And.52 – Ny Lehiben'ny Faritra dia miandraikitra ihany koa :

1. ny fanomanana sy fanatanterahana miaraka amin'ny fanampian'ireo sampan- draharaham-panjakana anapariaham-pitondrana voakasika, ireo asa fampandrosona novolavolain'ny Faritra ;

2. ny fiantohana ny fanatanterahana ny drafi-paritra momba ny fanajariana ny tany ;

3. Ny fiantohana ny fampandrosoana mirindra sy ara-drariny ireo Vondrombahoakam- paritra itsinjaram-pahefana ao anatin'ny fari-piadidiany, indrindra ny fanaovana laharam-pahamehana ny tombontsoa iraisan'ny Kaominina.

And.53 – Isaky ny fivoriana ara-potoana, ny Lehiben'ny Faritra dia tsy maintsy manao tatitra mahakasika ireo fanapahan-kevitra noraisiny avy amin'ny fanomezan-dàlana nomen'ny Filankevi- paritra. Azon'ny Filankevi-paritra atao ny mampiato mandrakariva ny fanomezan-dàlana nataony.

Ny fanapahan-kevitra noraisina ho fampiharana izany dia tsy maintsy soniavin'ny Lehiben'ny Faritra izy tenany.

And.54 – Akan-kevitra ny Lehiben'ny Faritra mikasika ireo tetikasa na fandaharan'asam-pirenena momba ny fampandrosoana izay mahakasika ny Faritra misy azy. Miandraikitra ny fanamorana ny fanatanterahana izany izy.

And.55 – Ny Lehiben'ny Faritra dia mampahafantra ny Lehiben'ny Faritany eo amin'ny fari- piadidiany ny fanatanterahana ny asa rehetra voalaza ao amin'ny drafitra fampandrosoany.

Izy no miantoka ny fampifandraisana ny drafim-paritra sy ny drafi-paritany momba ny fanajariana ny tany.

Ny Lehiben'ny Faritra dia afaka mangataka fanampiana sy fanohanana avy amin'ny Faritany amin'ny fantanterahana ireo tetikasa fampandrosoana ny Faritra.

And.56 – Ny Lehiben'ny Faritra no mitarika sy manentana ny rafitra maharitra enti-manao fanadihadiana ara-toe-karena sy fanaovana teti-pivoarana ho an'ny Faritra. Amin'izany, azony atao ny mifandray amin'ny manam-pahefana eo anivon'ny firenena sy ny avy any ivelany.

And.57 – Ny Lehiben'ny Faritra dia afaka omen'ny Filankevitry ny Kaominina ao aminy fahazoan- dàlana hifampiraharaha, amin'ny anaran'izy ireo sy ho azy ireo, amin'ireo fikambanana sy manam- pahefana eto an-toerana na ny any ivelany ao anatin'ny fanajana ny Lalàmpanorenana sy ireo didy aman-dalàna manan-kery.

Na izany aza, amin'ny fotoana ifamatorana amin'ny fifanarahana, ireo Ben'ny tanànan'ny Kaominina voakasika dia miara-manao sonia ny fifanarahana amin'ny Lehiben'ny Faritra.

And.58 – Miainga avy amin'ny drafi-paritra momba ny fanajariana ny tany, ny Lehiben'ny Faritra dia manomana sy manolotra ny drafi-paritra na tetik'asam-paritra momba ny fampandrosoana izay hampidirina ao anaty fandaharan'asa fampiasam-bolan'ny Fanjakana.

And.59 – Ny Lehiben'ny Faritra no mandamina sy mandrindra ny fampandrosoana ny Kaominina ao amin'ny fari-piadidiany.

Izy dia manampy amin'ny famolavolana ireo fitaovana fandrafetana tetipivoarana momba ny fanajariana ny tany sy ny drafitra fampandrosoana eny anivon'ny Kaominina ary koa amin'ny fanatanterahana ireo tetikasa voarakitra anatin'izany drafitra izany.

And.60 – Azon'ny Lehiben'ny Faritra atao ny mamindra ampahany amin'ny anjara andraikiny amin'ireo lefiny.

Azony atao ihany koa ny manome fahefana hanao sonia amin'ny lafinjavatra tafiditra ao anatin'ny anjara andraikiny.

Ny fanomezan-dàlana hanao sonia na ny fanomezam-pahefana dia tsy maintsy atao amin'ny alalan'ny didim-pitondrana izay milaza mazava ny antony, ny faharetany ary ny olona nomem- pahefana.

Sokajy 3 : Ny amin'ny Lehiben'ny Faritany

And.61 – Ankoatra ny anjara andraikity ny Lehiben'ny mpanatanteraka eo amin'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana araka ny voalaza ao amin'ny toko voalohany etsy ambony, ny Lehiben'ny Faritany no misahana ireo anjara andraikitra voalaza amin'ity sokajy ity.

And.62 – Ny Lehiben'ny Faritany no miantoka ny fanatanterahana ny drafitra momba ny fanajariana ny tany eo anivon'ny Faritany.

Izy no miantoka ny fampandrosoana mirindra sy ara-drariny ireo Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ao anatin'ny fari-piadidiany, indrindra ny fanaovana laharam-pahamehana ny tombontsoa iraisan'ny Faritra.

And.63 – Amin'ny maha mpanalalana voalohany ny tetibolan'ny Faritany azy, ny Lehiben'ny Faritany dia :

1. tokony mahafantatra ny fizotra ankapoben'ny fampidiran-ketra sy ny fiantraikan'ny fampiasam-bolam-panjakana eo amin'ny fiainana ara-toekarena sy ara-tsosialy ao anatin'ny fari-piadidiany. Manome ny heviny sy toromarika izy amin'izany ary manampy tosika amin'ny fanatrarana ireo tanjona na ireo fetr'andro napetraka ;

2. manomana sy mamolavola ny tetibolan'ny Faritany.

And.64 – Eo amin'ny lafiny ny fiarovana ny olona, ny Lehiben'ny Faritany no mandamina sy mandrindra ireo asa hotontosaina raha toa ka misy loza amin'atambo miseho toy ny rivo-doza, safondrano, fahavakisan'ny fefiloha, fihotsahan'ny tany, haintany, haintrano, doro tanety, valanaretina mahazo ny biby, na ireo anton-javatra manohitohina ny fandriam-pahaleman'ny mponina toy ny halatra tsotra sy halatra zary heloka bevava, ny halatr'omby sy ny herisetra, ny asan-jiolahy na fampihorohoroana amin'ny endriny rehetra.

And.65 – Ny Lehiben'ny Faritany no mandrindra ireo asa hotontosaina

raha toa ka misy fahasaratana eo amin'ny famatsiana ireo entam-barotra sy vokatra ara-tsakafo tena ilaina.

And.66 – Amin'ny ankapobeny, ny Lehiben'ny Faritany dia tsy maintsy ampahafantarina mivantana ireo fandaharan'asa fametrahana fampitaovana sy fanajariana mahakasika ny Faritany.

Izy no manangona sy manadihady ny filàn'ny vahoaka ary manolotra ny fepetra mifandraika amin'izany arakaraka ny zava-misy.

And.67 – Azon'ny Lehiben'ny Faritany atao ny mamindra ampahany amin'ny anjara andraikiny amin'ireo lefiny.

Azony atao ihany koa ny manome fahefana hanao sonia amin'ny lafin-javatra tafiditra ao anatin'ny anjara andraikiny.

Ny fanomezan-dàlana hanao sonia na ny fanomezam-pahefana dia tsy maintsy atao amin'ny alalan'ny didim-pitondrana izay milaza mazava ny antony, ny faharetany ary ny olona nomem- pahefana.

TOKO III : NY AMIN'NY SORA-DRAHARAHATAON'NY LEHIBEN'NY MPANATANTERAKA

And.68 – Ny Lehiben'ny mpanatanteraka dia mandray didim-pitondrana ho fanatanterahana ireo fanapahana noraisin'ny Filankevitra ary mandrindra ireo fepetra raisina isaky ny Faritany, isaky ny Faritra na eny ifotony momba ireo zavatra nankinin'ny lalàna ho eo ambany fitandremanany sy ho eo ambany fahefany.

Mandray ireo fepetra rehetra mahakasika ny anjara andraikitra tafiditra ao anatin'ny tandrifim- pahefany izy amin'ny alalan'ny fanapahana.

And.69 – Ny sora-draharaha iharan'ny fanaraha-maso ny fanarahan-dalàna dia alefan'ny Lehiben'ny mpanatanteraka avy hatrany any amin'ny Solontenam-panjakana mahefa farafahatarany telopolo andro aorian'ny nanaovana sonia azy.

Ny Lehiben'ny mpanatanteraka dia mitana rejisitra natokana ho an'ireo sora-draharaha alefa hanaovana fanaraha-maso ny fanarahan-dalàna. Io rejisitra dia tsy maintsy voaisa ravina sy vita rango-pohin'ny Solontenam-panjakana mahefa.

Ny tsy fanatanterahana miverimberina ny fandefasana sora-draharaha any amin'ny Solontenam- panjakana dia raisina ho toy ny fahadisoana goavana araka izay voalaza ao amin'ny andininy faha 258 an'ity lalana ity.

And.70 – Ny sora-draharaha raisin'ny Lehiben'ny mpanatanteraka dia tsy mihatra amin'ny olon-kafa raha tsy aorian'ny fampahafantarana azy ny be sy ny maro, amin'ny alalan'ny famoahana azy eny an-toerana sy ny peta-drindrana, isaky ny misy fepetra ankapobeny, ary amin'ny alalan'ny fampilazana isambatan'olona ireo voakasik'izany, ho an'ny trangan-javatra hafa.

Ny Lehiben'ny mpanatanteraka eo amin'ny Vondrombahoaka voakasika no manamarina eo ambany fiadidiany ny maha-azo tanterahana ireo sora-draharaha nataony.

Soratana ao anaty registra arakaraka ny filaharan'ny vanim-potoana nanaovana azy ireo sora- draharaha.

And.71 – Ity lohateny ity no mifehy ny fandaminana sy fomba fiasan'ireo rafitra eny anivon'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana.

And.72 – Ireto avy ireo rafitra misy eny anivon'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana :

1. Ny rafitra mpanapa-kevitra antsoina hoe Filankevitra :

- ▢ Filankevitra monisipaly ho an'ireo Kaominina ambonivohitra ;
- ▢ Filankevitra kaominaly ho an'ireo Kaominina ambanivohitra ;
- ▢ Filankevi-paritra ho an'ireo Faritra ;
- ▢ Filankevi-paritany ho an'ireo Faritany ;

2. Ny rafitra mpanatanteraka :

- ▢ Ben'ny Tanàna ho an'ny kaominina ambonivohitra sy ambanivohitra ;
- ▢ Lehiben' ny Faritra ho an'ny Faritra ;
- ▢ Lehiben' ny Faritany ho an'ny Faritany ;

TOKO VOALOHANY : NY AMIN'NY FILANKEVITRA

Sokajy voalohany : Ny amin'ny fandaminana sy ny fomba fiasa

And.73 – Ny foiben-toeran'ny Filankevitra, araka ny zava-misy, dia ao amin'ny Lapan'ny Faritany, Lapan'ny Faritra, Lapan'ny tanàna, eo amin'ny renivohitry ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram- pahefana.

And.74 – Mivory ara-potoana indroa isan-taona ny Filankevitra ka ny voalohany dia atao ao anatin'ny telo volana voalohany ary ny fivoriana faharoa kosa dia ao anatin'ny enim-bolana faharoa.

Tsy mahazo mihoatra ny folo andro ny faharetan'ny fotoam-pivoriana tsirairay. Na izany aza, ny fivoriana ho fandanianana ny teti-bola fototra dia azo itarina hatramin'ny dimy ambin'ny folo andro.

And.75 – Ny fivoriana ho fandanianana ny tetibolan'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana dia toy izao:

- ▢ ao anatin'ny tapa-bolana faharoa amin'ny volana Aogositra, ho an'ny Kaominina ;
- ▢ ao anatin'ny tapa-bolana faharoa amin'ny volana septambra,

ho an'ny Faritra ;

└─ ao anatin'ny tapa-bolana voalohany ny volana oktobra, ho an'ny Faritany.

And.76 – Amin'ny fotoana fanavaozana ankapobe ny mpikambana amin'ny Filankevitra, dia atao avy hatrany ny fivoriana voalohany amin'ny alalan'ny fiantsoana ataon'ny Solontenam-panjakana mahefa isaky ny ambaratonga-na Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana.

Io fotom-pivoriana voalohany io dia atao ao anatin'ny herinandro manaraka ny fanambarana amin'ny fomba ofisialy ny voka-pifidianana raikitra, izay nahalany ny mpikambana ao amin'ny Filankevitra.

And.77 – Amin'ny fisokafan'io fivoriana voalohany io dia ny mpanolotsaina zokiolona indrindra no mitarika ny Filankevitra mandram-pandrain'ireo mpikambana ao amin'ny Biraon'ny Filankevitra ny asany, ary ny mpikambana zandriny indrindra no misahana ny asan'ny mpitantsoratra.

Mandritra io fotoam-pivoriana voalohany io, ny Filankevitra dia mifidy eo anivony ihany ho an'ny fotoam-piasany, ny Filohan'ny Filankevitra sy ny filoha lefitra iray ary mpampakateny roa amin'ny alalan'ny latsa-bato amin'ny anaran'olon-tokana atao indroa mihodina ary atao fifidianana misaraka, ka izy ireo no mandrafitra ny biraon'ny Filankevitra,

Voafidy amin'ny fihodinana voalohany ny kandida nahazo vato mihoatra ny antsasa-manila. Raha tsy tanteraka izany dia miroso amin'ny fihodinana faharoa izay andraisan'ireo kandida roa nitarika tamin'ny fihodinana voalohany anjara. Voafidy amin'ny fihodinana faharoa ny kandida nahazo vato be indrindra.

Raha mitovy ny vato azo dia izay kandida be taona no voafidy Filohan'ny Filankevitra.

And.78 – Azon'ny Filankevitra atao ny mandinika ny raharaha rehetra tafiditra ao anatin'ny anjara andraikiny mandritra ny fivoriana ara-potoana.

Ny filohan'ny Filankevitra eo amin'ny Vondrombahoaka no mamaritra ny laha-dinika amin'ireo fivoriana ireo. Na izany aza dia omena laharam-pahamehana ny Lehiben'ny mpanatanteraka hanolotra lahadinika.

And.79 – Ny Filoha lefitra no misolo toerana ny Filoha amin'ny asany raha misy tsy fahatongavana na tsy fahafahany.

And.80 – Ny fotoam-pivoriana voalohany ataon'ny Filan-kevitra dia atokana indrindra ankatoavana ny vokatry ny asa natao nandritry ny taona lasa sy anaovana tomban'ezaka ny fanantaterahana fandaharan'asa. Amin'io fivoriana io no anaovan'ny Lehiben'ny mpanatanteraka tatitra manokana amin'ny Filankevitra mikasika ny toe-java-misy iainan'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram- pahefana, ny asa sy famatsiam-bolan'ireo sampan-draharaha samihafa ao aminy sy ireo antokon- draharaha miankina aminy. Io tatitra io dia milaza mazava ihany koa ny fipetraky ny fanatanterahana ireo fanapahana noraisin'ny Filankevitra sy ny toetry ny fitantanam-bolan'ny vondrombahoaka.

And.81 – Mandritra ny fivoriana ara-potoana faharoa no andihina ny

andanihana ny tetibola fototra ho an'ny taona manaraka.

And.82 – Eo am-piandohan'ny fotoam-pivoriana tsirairay, dia azon'ny Filankevitra atao ny maka mpiasan'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana hanampy ireo mpampakateny ary hiandraikitra ny fitanana an-tsoratra. Manatrika ny fivoriana izy ireo saingy tsy mandray anjara amin'ny fanapahan-kevitra. Izy ireo no miandraikitra ny fitanana an-tsoratra ny fivoriana izay tokony ahitana ny vaninandro nanaovana ny fivoriana, ny vaninandro nanaikàna ny Filankevitra hivory, ny anaran'ireo mpanolontsaina tonga nivory, ny anaran'ireo mpanolontsaina tsy tonga manatrika ny fivoriana, ny anaran'ireo mpanolontsaina nahatonga fialan-tsiny na tsia sy nanome fahefana hisolo tena azy. Ny fitanana an-tsoratra dia tsy maintsy milaza an-tsipiriany ireo adi-hevitra, zava-tsy nampoizina ary hevitra izay nitranga mandritra ny fivoriana.

Ny fitanana an-tsoratra momba ny fivoriana dia tsy maintsy ahitana ny rijan-teny manontolo mikasika ny fanapahana, ny hetahetam-paniriana na ny fakan-kevitra nankatoavin'ny Filankevitra. Ireo fitanana an-tsoratra momba ny fivoriana ny Filankevitra dia tehirizina, ka alahatra araka ny vanim- potoana nanaovana azy, ao anatin'ny registra voaisa ravina sy vita rangopohin'ny Solontenam- panjakana mahefa ary avoaka ho fantatry besinimaro amin'ny alalan'ny peta-drindrina eo amin'ny toerana natokana ho an'izany.

Ny olom-pirenena rehetra dia afaka maka dika mitovy amin'ny fitanana an-tsoratra ka iantohany ny sarany.

And.83 – Afaka mivory tsy ara-potona ny Filankevitra rehefa mitaky izany ny toe-drarahan'ny vondrombahoaka. Na dia izany aza, voafetra indray mandeha isam-bolana ihany ny fivoriana tsy ara- potoana ary tsy mihoatra ny telo andro ny faharetany.

Amin'izany, ny Filohan'ny Filankevitra dia tsy maintsy manaika ny mpikambana mba hivory rehefa misy fangatahana ho an'izany, araka ny lahadinika voafaritra tsara, ataon'ny :

- ▢ Lehiben'ny mpanatanteraka ;
- ▢ antsasa manilan'ny mpikambana ao amin'ny Filankevitra ;
- ▢ Solontenam-panjakana mahefa.

Na manao ahoana na manao ahoana, dia tsy azo atao mihoatra ny telo andro ny faharetan'ny fivoriana tsy ara-potoana.

Art. 84 – Ny Solontenam-panjakana dia afaka, raha misy ilàna izany, na araka ny fangatahany mba ho henoin'ny Filankevitra.

Mandray anjara amin'ny adi-hevitry ny Filankevitra izy ary raiketina ao amin'ny fitanana an-tsoratra ny fivoriana ny fanehoan-keviny. Na izany aza, mivoaka ny efitrano fivoriana izy amin'ny fotoana andraisana fanapahan-kevitra.

And.85 – Ny Filohan'ny Filan-kevitra no manao sonia ny fanaikàna fivoriana. Raketina ao anaty registra momba ny fanapahana izany ary atao peta-drindrina na avoaka ho fantatry besinimaro.

Alafa an-tsoratra any an-trano fonenana nosafidian'ireo mpanolontsaina folo andro farafahakeliny mialohan'ny fivoriana ny fiantsoana, ka hita ao amin'izany ny lahadinika miaraka amin'ny famintinana mahakasika ireo raharaha handraisana fanapahan-kevitra.

Mikasika ny fivoriana tsy ara-potoana, dia azon'ny Filohan'ny Filankevitra atao ny manafohy io fepotoana io araka ny tolo-kevitra ny Solontenam-panjakana nefa tsy tokony ho latsaky ny iray andro feno mialoha ny fivoriana.

Tsy mikasika afa-tsy ireo raharaha voasoratra ao anaty lahadinika ny adi-hevitra ataon'ny Filankevitra mandritra ny fivoriana tsy ara-potoana.

And.86 – Tsy azo tanterahina ny fivorian'ny Filankevitra raha tsy ny antsasa-manilan'ireo mpikambana no tonga manatrika.

Raha tsy tratra io fetr'isa io, taorinan'ny fiantsoana voalohany natao aradalàna, dia afaka mandray fanapahana ny Filankevitra aorian'ny fiantsoana faharoa, izay farafaratsiny mielanelana telo andro amin'ilay fiantsoana voalohany, na firy na firy isan'ny mpikambana tonga manatrika na soloin-tena araka ireo fepetra voalazan'ny andininy faha-89 etsy ambany.

Afaka mandray anjara amin'ny adi-hevitra ataon'ny Filankevitra ny Lehiben'ny mpanatanteraka, fa tsy mandray anjara amin'ny fanapahan-kevitra. Misintaka izy amin'ny fotoanan'ny fanapahan-kevitra. Raketina ao anatin'ny fitanana an-tsoratra ireo fanehoan-keviny nandritra ny fivoriana.

And.87 – Ny maro an'isa amin'ny mpikambana tonga mivory na voasolotena no mandany ny fanapahan-kevitra.

Raha tahiny ka mitovy ny isam-bato, afa-tsy amin'ny latsabato miafina, dia ny hevitra ironan'ny Filoha no mahazo tombon-dahany.

Ny mpitazona bokim-bola voalohany eo amin'ny Vondrombahoaka dia manatrika, ho fakan-kevitra, ny fivorian'ny Filankevitra mikasika ny tetibola, ny kaontim-pitantanana ary ny laha-dinika hafa rehetra ilàna ny fahatongavany.

And.88 – Ny zon'ny mpikambana ao amin'ny Filankevitra handatsambato dia natao ho an'ny isam-batan'olona.

Na izany aza, dia azo atao ny mamindra ny zo handatsam-bato amin'ny mpikambana hafa iray nomena fahefana amin'izany.

Ny mpikambana amin'ny Filankevitra tsy afa-manatrika ny fivoriana dia afaka manome fahefana ny mpikambana hafa nofinidiny, amin'ny alalan'ny fanomezam-pahefana an-tsoratra, mba handatsa-bato amin'ny anarany.

Tsy mahazo mandray afa-tsy fanomezam-pahefana tokana ihany ny mpikambana iray ao amin'ny Filankevitra.

And.89 – Amin'ny ankapobeny dia amin'ny alalan'ny tsanga-tànana ampahibemaso no hanatanterahana ny fifidianana eo anivon'ny Filankevitra.

Raketina ao amin'ny fitanana an-tsoratra momba ny fivoriana ny isan'ny mpandatsa-bato miaraka amin'ny vokatry ny fifidianana natao.

Miroso amin'ny latsabato miafina ny Filankevitra isak'izay mitaky izany

ny ampahefatra ny mpikambana tonga mivory, na rehefa hanao fanendrena na fisoloan-tena.

Amin'io tarehin-javatra farany io, raha tsy nisy na dia kandida iray aza nahazo ny antsasa-manilan'ny vato rehefa natao ny fihodinana indroa miantona tamin'ny latsabato miafina, dia miroso amin'ny fihodinana fahatelo ka izay mahazo vato be indrindra no lany. Raha mitovy ny isam-bato azo, dia ny kandida be taona no lany.

And.90 – Ny Filohan'ny Filankevitra, na raha tsy afaka izy, dia ny Filoha Lefitra, no mitarika ny fivoriana.

Mandany ny fitsipika anatin'ny Filankevitra amin'ny alalan'ny fanapahana ao anatin'ny telo andro aorian'ny nandraisany ny asany.

Ny fitsipika anatin'ny Filankevitra no mamaritra indrindra indrindra ireo fombafomba fampiharana ny fanontaniana am-bava sy fanontaniana an-tsoratra ary ny fangataham-panazavana atao amin'ny rafitra mpanatanteraka.

And.91 – Azon'ny daholobe atrehina ny fivorian'ny Filankevitra.

Na izany aza, azon'ny Filankevitra atao ny mandray fanapahan-kevitra tsy azon'ny besinimaro atrehina araka ny tolo-kevitra ny Filohan'ny Filankevitra, na noho ny fangatahan'ny Lehiben'ny mpanatanteraka, na ny ampahefatra ny mpikambana tonga manatrika farafahakeliny.

And.92 – Ny Filoha no miantoka ny filaminana amin'ny fivoriana ataon'ny Filankevitra.

Azon'ny Filohan'ny Filankevitra atao ny mangataka ny mpitandro ny filaminana izay mitoetra ao anatin'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana, raha toa ka ilaina izany.

And.93 – Tsy maintsy atao peta-drindrana ao anatin'ny havalooana ao amin'ny biraon'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ny fanapahana noraisin'ny Filankevitra, raha tsy izany tsy azo ampiharina amin'ny hafa, ary tafiditra anatin'izany ny antontan-taratasy mikasika ny tetibola.

Sokajy faha-2 : Ny fepetra mihatra amin'ny Filankevitra sy ny mpikambana ao aminy

Art.94 – Aorian' ny Filohan'ny Filankevitra, ny filoha lefitra sy ny mpampakatany, ireo mpikambana hafa ao amin'ny Filankevitra dia mandray ny laharany araka ny sokajin-taonany.

Ny dika mitovy amin'ny laharan'ny fiamboniana dia apetraka eo amin'ny biraon'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana voakasika, sy ny biraon'ny Solontenam-panjakana mahefa ka azon'ny mpikambana tsirairay fantarina.

Art.95 – Ny mpikambana rehetra ao amin'ny Filankevitra izay tsy manoina

ny antso tamin'ny fanaikàna hivory in-telo misesy, kanefa tsy misy antony marim-pototra na ara-dalàna hitan'ny Filankevitra, dia esorina tsy ho mpikambana ao amin'ny Filankevitra ho an'ny fotoam-piasany sisa tavela, rehefa avy nasaina nitondra fanazavana.

Ireo tsy fahatongavana mivory dia amarinina amin'ny alalàn'ny filazana ao anatin'ny registra voatokana handraisana ireo fitanana an-tsoratra ny Filankevitra.

Ny Filohan'ny Filankevitra no mampafantatra izany amin'ny Lehiben'ny mpanatanteraka, ary ity farany no mandefa ny tatitra any amin'ny Solontenam-panjakana mahefa, ka izy indray no mampakatra ny raharaha eny amin'ny fitsarana mahefa miandraikitra ny ady amin'ny Fanjakana.

And.96 – Alefa an-tsoratra any amin'ny Filoha ny fametraham-pialàna ataon'ny mpikambana ao amin'ny Filankevitra. Raha vantany vao maharary fametraham-pialàna ny Filohan'ny Filankevitra dia mampafantatra izany ny Lehiben'ny mpanatanteraka ary ity farany no mitondra ny raharaha eo anatrehan'ny Solontenam-panjakana mahefa.

Raikitra tanteraka ary tsy sintonina intsony ny fametraham-pialàna raha vantany vao voarain'ny Filohan'ny Filankevitra.

And.97 - Mandritra ny fotoam-pivoriana amin'ny Filankevitra, ireo mpampiasa any amin'ny sehatra tsy miankina dia tsy maintsy mamela malalaka ny mpiasa ao amin'ny mpikambana amin'ny Filankevitra mba handray anjara amin'ny fivoriana amin'ny Filankevitra, rehefa avy naneho ny taratasy fiantsoana amin'ny fomba ofisialy.

Mihatra amin'ny mpiasam-panjakana koa ireo fepetra voalaza ireo.

And.98 – Tsy mihatra amin'ny mpikambana avy hatrany ao amin'ny Filankevitra ireo fepetra voalazan'ny andininy faha-95 sy andininy faha-96 etsy ambony.

And.99 – Tsy azo atao mihoatra ny isan'ny mpikambana voafidy ny isan'ny mpikambana avy hatrany ao amin'ny Filankevitra eny amin'ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana isan'ambaratongany.

Sokajy 3 : Ny amin'ny vaomiera

Art.100 – Azon'ny Filankevitra atao ny manangana vaomiera, eo anivony, mba handinika ireo raharaha mahakasika ny Vondrombahoaka amin'ny endriny samihafa.

Mandritry ny fotoam-pivoriana, dia omanina eo anivon'ny vaomiera ny asa sy ny adi-hevitra ataon'ny Filankevitra.

Fanapahana raisin'ny Filankevitra no ananganana ireo vaomiera ireo.

Tsy maintsy mikambana ao amin'ny vaomiera iray farafaharatsiny ny mpanolotsaina tsirairay.

And.101 - Amin'ny fotoana hametrahana ny vaomiera no ifidianan'ireo mpikambana ao aminy, ny Filoha iray, filoha lefitra iray ary mpampakateny iray.

Ny filohan'ny vaomiera no miandraikitra ny fiantsoana ny mpikambana ao aminy.

And.102 – Ny vaomiera no mandinika mialoha ireo raharaha ary mandroso izany ao anivon'ny Filankevitra mba andraisana fanapahana ireo fanehoankevitra, ny tatitra, ary ny tolo-kevitra mahakasika izany.

And.103 – Ireo vaomiera ihany koa no mandinika, araka izay tandrifim-pahefana ananany, ny tolo- kevitra, ny tetik'asa ary ny fitakiana nalefan'ireo olom-pirenena any amin'ny Filankevitra izay mahakasika ny olana mifandraika amin'ny tombontsoan'ny besinimaro.

And.104 – Azo antsoina handray anjara amin'ny asa ataon'ny vaomiera ny olona rehetra, raha ilaina, ka ho fakan-kevitra fotsiny ihany.

And.105 – Ny fitsipika anatin'ny mifehy ny Filankevitra no mamaritra ny karazam-baomiera tsirairay, ny isan'ny mpikambana ao aminy, ny fomba fanendrena azy ireo ary koa ny fitsipika mikasika ny fomba fiasan'ny vaomiera.

Ny fitanana an-tsoratra ny vaomiera dia iantohana araka ny fepetra mitovy amin'ny an'ny fotoam-pivoriana ataon'ny filan-kevitra voalazan'ny andininy faha-82 etsy ambony.

And.106 – Ampahafantarina ny Filankevitra ny raharahan'ny vondrombahoaka ao aminy.

Sokajy faha-4 : Ny amin'ny fahabangan-toerana

And.107 – Ireto avy ny antony mahatonga ny fahabangantoeran'ny mpikambana ao amin'ny Filankevitra :

- ┐ ny fahafatesana ;
- ┐ ny tsy fahatongavana sy ny fandoazana toeram-piasana hita fototra ;
- ┐ ny fametram-pialana ;
- ┐ ny fionganana ;

Na koa ireo antony hafa rehetra hita fototra.

And.108 – Ny fametraham-pialan'ny mpikambana ao anatin'ny Filankevitra dia alefa any amin'ny Filohan'ny Filankevitra, ary andefasana dika mitovy ny Lehiben'ny mpanatanteraka sy ny fitsarana misahana ny ady ifanaovana amin'ny Fanjakana.

Ampitain'ny Lehiben'ny mpanatanteraka any amin'ny Solontenampanjakana mahefa any amin'ny faritra ny taratasy fametraham-pialan'ny mpikambana ao amin'ny Filankevitra.

And.109 – Ny antony mahatonga fionganana'ny mpikambana ao amin'ny Filankevitra dia voafaritra ao amin'ny andininy faha-257 sy ny manaraka amin'ity lalàna ity.

And.110 – Na inona na inona anton'ny fahabangan-toerana, ny Solontenam-panjakana no mampakatra avy hatrany ny raharaha eny amin'ny fitsarana mahefa any amin'ny faritra misahana ny ady ifanaovana amin'ny Fanjakana, ary izy indray avy eo no miroso amin'ny fanamarinana ny fahabangan-toerana ary manendry ny olona manaraka anaty lisitra mba hisolo ny toerany.

Ny fitsarana dia mampahafantatra ny fanapahana noraisiny mizaha fototra ny fahabangan-toerana amin'ny Minisitry miandraikitra ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana.

And.111 – Raha toa ka lany daholo ny olona ao anaty lisitra, dia miroso amin'ny fifidianana amin'ny ampahany izay tanterahina ao anatin'ny roapolo amby zato (120) andro manomboka ny vaninandro namoahana ny didim-pitsarana mikasika izany.

Na izany aza, ny fifidianana ampahany mba hanoloana ny mpikambana ao amin'ny Filankevitry ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana dia tsy afaka tanterahina raha tsy ny antsasa- manila farafahakeliny ny toerana eo anivon'izany filankevitra izany no banga.

Tsy misy fifidianana amin'ny ampahany azo atao intsony raha toa ka ao anatin'ny efatra amby roapolo (24) volana mialoha ny fahataperan'ny fotoam-piasana no misy fahabangan-toerana.

TOKO II : NY AMIN'NY RANTSANA MPANATANTERAKA

Sokajy voalohany : Ny amin'ny fandaminana sy ny fomba fiasa

And.112 – Ny rantsana mpanatanteraka no misahana ny fanatanterahana ny fanapahana ataon'ny Filankevitra.

Izany dia tarihin'ny Lehibeny voafidy amin'ny alalan'ny latsa-bato andraisan'ny daholobe anjara, araka ny fepetra faritan'ny lalàna, ary ahitana ireo tompon'andraikitra ny sampan-draharaham-panjakana natsangana sy vatsian'ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana vola izy tenany ihany, na natolotry ny Fanjakana ho azy.

And.113 – Ny rafi-pandaminana lasitra eo anivon'ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana isan'ambaratongany dia atovana amin'ity lalàna ity.

Anaovana fanapahana raisin'ny Filankevitra ny rafi-pandaminana raikitra ho an'ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana.

And.114 – Tendrena amin'ny alalan'ny didim-pitondrana ataon'ny lehiben'ny mpanatanteraka ny mpikambana ao anatin'ny rantsana

mpanatanteraka, ka ny isany dia ferana arakaraky ny fahafaha-manao arabolany vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana. Atsahatra amin'ny asany izy ireo araka izany fomba sy fepetra izany ihany koa.

Tsy azo ampirafesina amin'ny asan'ny mpanolo-tsainy ny andraikitra maha mpikambana ao amin'ny rantsana mpanatanteraky ny vondrom-bahoaka Itsinjaram-pahefana.

And.115 – Tsy misy olona afaka ho mpikambana ao anatin'ny rantsana mpanatanteraka mihoatra ny iray eny anivon'ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana.

And.116 – Tsy afaka misahana ny asa maha lefitry ny Lehiben'ny mpanatanteraka, nadiavonjimaika fotsinyaza, enyanivon'ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana izay nampandraiketin-draharaha azy, ny mpandray volan'ny fandraharahana ara-bola sy mpitan-kaonty voalohany ao amin'ny tahirimbolam-panjakana.

Ny rantsana mpanatanteraka dia ahitana ny Lehiben'ny mpanatanteraka sy ny na ireo lefity. Ny Lehiben'ny mpanatanteraka, lehiben'ny fitantanandraharahan'ny vondrombahoaka misy azy, dia manana mpiasa misahana ny fitantanandraharaha sy ara-teknika tendrena amin'ny alalan'ny didy amampitsipika.

Ny mpitan-kaontim-panjakana voalohany eo amin'ny Kaominina ambanivohitra tsy manana mpitan-kaontin'ny tahirimbolam-panjakana dia tendrena amin'ny alalan'ny didim-pitondrana raisin'ny Minisitry miandraikitra ny fitantanam-bola sy ny teti-bola araka ny tolo-kevitra nataon'ny Ben'ny tanàna aorian'ny fanehoan-kevitra araka ny tokony ho izy nataon'ny Lehiben'ny Distrika mahefa eo amin'ny faritra.

And.117 – Raha toa ka misy fifidianana vaovao Lehiben'ny mpanatanteraka na inona na inona antony dia irosoana ny fanendrena vaovao ny mpikambana ao amin'ny rantsana mpanatanteraka.

And.118 – Azon'ny Lehiben'ny mpanatanteraka atao ny mamindra fahefana amin'ny ampahany amin'ny asany amin'ny anjara andraikiny ho an'ny mpiara-miasa aminy iray na maromaro, eo ambany fanaraha-masony sy fiandraiketana ataony fiadidiany, amin'ny alalan'ny didim-pitondrana.

Mitoetra hatrany ireo famindrana fahefana ireo andraikitra ireo raha mbola tsy nofoanana.

And.119 – Raha misy fifanolanana ara-tombontsoa mampifanohitra ny Lehiben'ny mpanatanteraka sy vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana, dia ny Filohan'ny Filankevitry na ny solontenany notendrena avy amin'ny mpikambana ao amin'ny Filankevitry no misolo tena ny vondrombahoakam-paritra Itsinjaram-pahefana eny amin'ny fitsarana.

Raha misy fifanolanana ara-tombontsoa mampifanohitra ny Lehiben'ny mpanatanteraka sy ny Filohan'ny Filankevitry na ny mpikamban'ny Filankevitry voatendry sy ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana, dia ny antsasa-manilan'ny mpikambana ao amin'ny mpanolo-tsaina no manendry iray

hafa amin'ny mpikambana iray hafa ao aminy hisolo tena ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana any amin'ny fifanarahana.

And.120 – Raha toa ka mandà na manao tandrevaka amin'ny fanaovana ny iray amin'ireo raharaha nandidin'ny lalàna azy ny Lehiben'ny mpanatanteraka, indrindra fa ny mahakasika ny fahefana amin'ny fitandroana ny filaminana, dia azon'ny Solontenapanjakana mahefa eo amin'ny faritra atao ny miroso avy hatrany amin'ny fandraisana andraikitr'izy tenany, rehefa avy nandidy izany taminy fa tsy nahitam-bokatra.

And.121 – Ny rantsana mpanatanteraka dia mivory araka ny finiavan'ny Lehibeny isaky ny itakian'ny raharahan'ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana izany, sy amin'ny fotoana rehetra.

And.122 – Ny Lehiben'ny mpanatanteraka, na raha misy ny tsy fahafahany, dia ny lefiny voalohany, no mitarika ny fivoriana ataon'ny rantsana mpanatanteraka.

Ny fivoriana dia afaka tanterahina ampahibemaso na koa tsy azo atrehin'ny daholobe.

Azon'ny Lehiben'ny mpanatanteraka atao ny manasa olona hanatrika ny fivorian'ny rantsana rafitra mpanatanteraka ny olona rehetra izay, noho ny fahaiza-manao ananany, ka afaka mitondra fampahalalam-baovao ilaina mikasika ireo raharaha voasoratra ao amin'ny laha-dinika.

Sokajy faha-2 : Ny amin'ny fahabangan-toerana

And.123 —Ny antony mahatonga ny fahabangantoeran'ny Lehiben'ny mpanatanteraka indrindra indrindra dia:

- ▢ ny fahafatesana ;
- ▢ ny tsy fahatongavana sy ny fandaozana toeram-piasana hita fototra ara-dalàna ;
- ▢ ny fametraham-pialana ;
- ▢ ny fionganana ;

Na izay rehetra antony hafa mahatonga tsy fahafahana voamarina sy hita fototra ara-dalàna.

And.124 – Zary fametraham-pialan'ny Lehiben'ny mpanatanteraka avy hatrany ny tsy fahatongavana ao amin'ny toeram-piasana mitohitohy tsy misy fiatoana mandritry ny enim-bolana, ary hitan'ny Solotenam-panjakana mahefa eo an-toerana ara-dalàna.

And.125 – Ny fametraham-pialan'ny Lehiben'ny mpanatanteraka dia alefa any amin'ny Solotenam-panjakana mahefa eo an-toerana, ary andefasana dika mitovy any amin'ny Filankevitra sy ny fitsarana misahana ny ady ifanaovana

amin'ny Fanjakana.

And.126 – Ny anton-javatra mahatonga ny fionganana'ny Lehiben'ny mpanatanteraka dia voalaza voafaritry ny andininy faha-266 sy ny manaraka amin'ity lalàna ity.

And.127 – Raha misy fahadisoana bevava eo amin'ny fitantanana, ny Lehiben'ny rantsana mpanatanteraka, aorian'ny fihainoana na fampiantsoana hanomezany fanazavana an- tsoratra momba ny toe-draharaha nitranga iampangana azy, sy araka ny fanapahana ataon'ny Filankevitra, dia aato amin'ny asany izy amin'ny alalan'ny didim-pitondrana raisin'ny Minisitra miandraikitra ny Atitany, mandritra ny fotoana izay tsy mihoatra ny iray volana ary azon'ny Praiminisitra halavaina ho telo volana.

Amin'ny trangan-javatra rehetra, tsy afaka aongana izy afa tsy amin'ny alalan'ny didim-panjakana raisina eo amin'ny filan-kevity ny Minisitra, aorian'ny fanamelohana navoakan'ny fitsarana mahefa.

Ny didi-pitondrana fampiatoana sy ny didim-panjakana fanonganana dia tsy maintsy omban' antony. Ny fampakarana dia azon'izay voakasika atao eo anivon'ny Filankevi-panjakana folo andro aorian'ny fampahafantarana izany.

And.128 – Na inona na inona antony nahatonga ny fahabangan-toerana, ny Solotenam-panjakana no mampakatra avy hatrany eo anivon'ny fitsarana mahefa misahana ny ady amin'ny Fanjakana eo an-toerana, izay no hiroso amin'ny fizahana fototra ny fahabangan-toerana.

Ampahafantarin'ny fitsarana ny Minisitra miandraikitra ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana ny fanapahana nahitana fototra ny fahabangan-toerana.

And.129– Irosoana ny fifidianana amin'ny ampahany ao anatin'ny roapolo amby zato andro (120) manomboka amin'ny vaninandro namoahana ny didi-pitsarana mifandraika amin'izany.

Tsy misy fifidianana amin'ny ampahany intsony raha toa ka ao anatin'ny roa ambin'ny folo (12) volana mialoha ny fahataperan'ny fotoam-piasana no misy fahabangan-toerana.

And.130 –Mandra-pifidianana ny Lehiben'ny mpanatanteraka vaovao, dia hirosoana ny fametrahana ny delegasionina manokana.

Ny delegasionina manokana dia misahana ireo anjara raharahan'ny rantsana rafitra mpanatanteraka ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana.

Amin'ny tranga rehetra, ny delegasionina manokana dia tsy afaka misolo ny rantsana mpanapa-kevity ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana izay manohy hatrany ny fisahanany ny asany .

Ny delegasionina manokana dia ahitana Filoha iray sy filoha lefitra roa izay tendrena amin'ny alalan'ny didim-pitondrana raisin'ny Minisitra miandraikitra ny Atitany.

Amin'ny tranga rehetra, ny mpikambana ao amin'ny delegasionina

manokana dia tsy afaka mirotsaka ho fidina amin'ny fifidianana ho avy.

Faritan'ny didim-panjakana raisina eo amin'ny Filankevitry ny Governemanta araka ny tolo-kevitra ny Minisitra miandraikitra ny Atitany ireo fombafomba fiasan'ny delegasionina manokana.

LOHATENY IV : NY AMIN'NY ANDRAIKITRA SIVILIN'NY VONDROMBAHOAKAM-PARITRA ITSINJARAM-PAHEFANA

And.131 – Ny Fanjakana no tompon'andraikitra amin'ny fanonerana ny fahasimbana sy fahavoazana ateraky ny heloka bevava sy heloka tsotra natao tamin'ny fampiasan-kery ankarihary na tamin'ny alalan'ny herisetra, teo amin'ny faritra misy azy, noho ny fivorivoriana an-dalambe na famoriam-bahoaka mitampiadiana na tsia, na mihatra amin'ny olona na amin'ny fananam-panjakana na an'olon-tsotra. Ny fahefana dia miankina amin'ny fitsarana misahana ny ady amin'ny Fanjakana no mahefa amin'izany.

And.132 – Azon'ny Fanjakana atao ny mitory indray ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram- pahefana voakasika mivantana raha toa ka marim-pototra ny maha tompon'andraikitra azy amin'izany.

And.133 - Ny Fanjakana sy ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana nambara fa tompon'andraikitra dia afaka manao fitoriana amin'ireo tompon'antoka sy ny mpitsikombakomba amin'ny fandikan-dalàna.

Art.134– Ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana no tompon'andraikitra amin'ny fahavoazana nianjady tamin'ireo mpikambana ao amin'ny Filankevitra raha toa ka misy voina mianjady amin'izy ireo noho ny fotoam-pivoriana'ny Filankevitra, na mandritra ny fanatanterahana ny iraka manokana nampanaovin'ny Filankevitra.

And.135 - Ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana no tompon'andraikitra amin'ny fahavoazana nianjady tamin'ny Lehiben'ny mpanatanteraka na ny mpikambana ao aminy noho ny voina nahazo azy ireo teo am-panatontosana ny asany.

And.136 –Ny fomba fampiharana ity lohateny ity dia faritana, raha ilaina, amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika.

LOHATENY V : NY AMIN'NY TETIBOLA SY NY LOHARANOM-BOLAN'NY VONDROMBAHOAKAM-PARITRA ITSINJARAM-PAHEFANA

And. 137 –Ny teti-bola sy ny loharanom-bolan'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana dia fehezin'ity lohateny ity.

TOKO VOALOHANY : NY AMIN'NY TETIBOLA

Sokajy voalohany : Fepetra ankapobeny

And. 138 – Ny tetibolan'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana dia taratasin-draharaha amaritana sy anomezan-dàlana ny fampidiram-bola sy ny fandanium-bola efain'ny vondrombahoaka isan-taona.

And.139 – Ny tetibola dia atolotra amin'ny endrika tetibolam-pandaharanasa.

Tsy maintsy atao mifandanja ny sokajim-pampandehanan-draharaha sy ny fampiasam-bola hamokarana ao amin'ny tetibola.

Hisy rijan-tenin-dalàna amam-pitsipika amerana ireo fombafomba fampiharana ity andininy ity.

And.140 – Ny tetibolan'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana tsirairay dia arafitra isan-taona, ho an'ny taom-pikatrohana iray, ary mirakitra ireo tombatombana amin'ny fidiram-bola sy ny fandanianana ataon'izany vondrombahoaka izany.

Ny tombatombana izay voarakitra ao anaty tahirin-kevitra tokana, dia tsy maintsy atao amin'ny antsipiriany marina sy mifantoka amin'ny tena zava-misy.

And.141 – Manomboka ny voalohan'ny volana janoary ary mifarana ny iraka amby telopolo desambra ny taom-pikatrohana ny tetibola.

And.142 – Ireo Lehiben'ny rantsana mpanatanteraka ao amin'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana no mpanalalana voalohany any eo anivon'ny vondrombahoakan'izy ireo tsirairay avy.

Azony atao, amin'ny alalan'ny didim-pitondrana raisin'ny Faritany, Faritra, Kaominina, ny mamindra ny fahefana amin'io lafiny io amin'ny lefiny iray na maromaro. Ireto farany ihany koa dia afaka mamindra, amin'ny alalan'ny fanapahana, ny anjara raharahan'izy ireo amin'ny maha mpanalalana azy ireo amin'ny mpiasa nosafidiny amin'ireo tompon'andraikitra ny sampandraharaha eo ambany fahefany, sy izay mitondra ny anarana mpanalalana ambaratonga faharoa.

Ny mpanalalana ambaratonga faharoa dia tsy maintsy mpiasam-panjakana avy eny anivon'ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana, izay tsy misahana ny andraikitra ny mpitan-kaontim-panjakana ary manana ny fahaiza-manao takin'io asa io.

And.143 – Ny fitantanam-bolan'ireo vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana dia fehezin'ny fitondrana ny mpitan-kaontim-panjakana, ny fampiraharham-barotra amin'ny fanjakana ary koa ny lalàna sy ny didy aman-dalàna manan-kery mikasika ny fitanan-kaontin'ny fitaovana.

Ny fitondrana fitanan-kaontin'ny Kaominina ambanivohitra dia ferana amin'ny alalàn'ny didim-pitondrana raisin'ny Minisitra misahana ny fitantanam-bola sy tetibola.

And.144-Ny tetibolan'ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana dia tsy maintsy fidina amim-pandanjanjana.

Na manao ahoana na manao ahoana, ny tetibolan'ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram- pahefana dia tsy tokony haneho fatiantoka na amin'ny tahirimbola na amin'ny fiandraiketana fandanianana.

And.145 – Didim-pitondrana raisin'ny Minisitra misahana ny Fitatanam-bola sy ny tetibola no mamaritra ny fomba fanehoana sy fizaran-dohatenin'ny tetibolan'ireo vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana.

And.146 – Ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana dia tsy maintsy manana fandaharanasa momba ny fampiasam-bolam-panjakana hamokarana maharitra ao anatin'ny telo taona izay ny Filankevitry izy ireo no mandany azy, ary azo havaozina isan-taona mandritra ny fotoam-pivoriana voalohany.

Sokajy 2 : Ny amin'ny fanomanana sy fandanianana ny tetibola

Art.147 – Ny rantsana rafitra mpanatanteraka eny amin'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana no manomana ny tetibolan'ny vondrom-bahoaka isanisan'ny ary manolotra izany eo anivon'ny Filankevitry tsirairay avy.

Ny fanaovana ny fandaharanasa momba ny teti-bola dia tsy maintsy ampiarahina amin'ny fanadihadiana ireo lanjam-bidy izay maneho ny mahamari-pototra ny teti-bola sy ny fanatsarana araka ny tokony ho izy ny fisafidianana ireo lanjam-bidy izay maneho ny mamarim-pototra ny tetibola sy ny fanatsarana araka ny tokony ho izy ny fisafidianana ny fandaharanasa hampiharina sokajin'asa izay tsy maintsy atao tovana amin'ny tetibola.

And.148 – Ny fampidirana mpiasa vaovao ataon'ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram- pahefana dia tsy maintsy voalaza sy voasoratra mialoha ao anatin'ny teti-bola, ary manaja ny fombafomba arahina voafaritry ny lalàna sy didy amam-pitsipika.

Tsy azo atao ny mamorona sampan-draharaha na asa vaovao raha tsy efa voatsinjo mialoha ao amin'ny teti-bola ny sora-bola ho an'ny sokajy mifanandrify amin'izany.

And.149 – Ireo famindram-bola avy amin'ny fanolorana ataon'ny Fanjakana ho an'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana dia tsy

maintsy ampidirin'ny rantsana rafitra mpanatanteraka ho isan'ny fandanianana mikasika ny fampandehanan-draharaha sy fampiasam-bola hamokarana ao amin'ny tetibola tamboalohany

Ny famindram-bola avy amin'ny fanolorana ataon'ny antokon-draharaha iray ho an'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana dia mitazona ny fanokanana azy raha toa ka misy izany.

Na manao ahoana na manao ahoana, ny fanampiana ara-bola natokana amin'ny sokajy fampiasam-bola famokarana dia tsy afaka afindra na oviana na oviana any amin'ny sokajy fampandehanan-draharaha.

Toy izany koa, ny ambim-bola tsy lany amin'ny sokajy fampiasam-bola tamin'ny tetibolan'ny taona teo aloha dia tsy azo afindra any amin'ny sokajy fampandehanan-draharaha amin'ny tetibolan'ny taona iasana

Ny fanomezana vatsy dia miankina amin'ny fisian'ny fandaharanasa momba ny fampiasam-bolam- panjakana araka ny tokony ho izy mikendry ny tombontsoa eny ifotony. Izany dia tsy maintsy mihevitra ny fitsinjarana aradrany sy mifandanja ireo loharanom-bola.

And.150 – Izay rehetra tetik'asa misoratra ao anatin'ny fanatanterahana ny fandaharanasa ny fampiasam-bolam- panjakana eny anivon'ireo vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana dia tsy maintsy ampanantarina mialoha ny Minisitry misahana ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana, ny Minisitry misahana Fitatanam-bola sy ny Tetibola ary ireo Minisitry misahana ny sehatra voakasika arakaraka ny fandaharan'asan'ny fampiasam-bolam-panjakana.

Art.151 – Ny Lehiben'ny mpanatanteraka no :

- ▢ manomana sy manolotra ny volavolan'ny teti-bola eo amin'ny Filankevitry ny vondrombahoaka;
- ▢ manalalana ny fandanianana sy manome baiko ny fanatanterahana ireo fampidiram-bola na dia eo aza ireo fepetra manokana voalazan'ny Fehezan-dalàna ankapobeny momba ny hetra mikasika ny vola miditra avy amin'ny hetra ;
- ▢ mitandro ny fanatanterahana ireo fandaharanasa momba ny fampandrosoana izay vatsian'ny vondrombahoaka vola ara-bola na tanterahina miaraka amin'ny fandraisany anjara ;
- ▢ manendry ny mpiasa mifanaraka amin'ny rafi-pandaminan'ny asa maharitra eny amin'ny Vondrombahoaka sy ny isa mifanaraka amin'ny tetibola.

Art.152 - Ny Filankevitry ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana no manapaka mikasika ny teti-bola sy kaontim-pitantanan-draharaha izay atolotry ny Lehiben'ny mpanatanteraka isan-taona.

Mihaino ny tatitra ataon'ny Lehiben'ny mpanatanteraka izy, ary mandinika ny kaontim-pitantanana.

Ny Filankevitra dia mandray fanapahana mikasika ny kaontim-pitantanana narafitry ny Lehiben'ny mpanatanteraka farafahatarany telo volana aorian'ny taona nampiasana ny tetibola.

And.153 – Ny Filankevitra dia tsy afaka manova ireo tombatombana amin'ny fidiram-bola nataon'ny mpanalalana.

Ny tolo-kevitra rehetra sy fanitsiana naroson'ny mpanolotsaina dia tsy azo raisina raha toa ka mahatonga fihenana'ny loharanom-bola na fitomboan'ny fandania, na famoronana fandania vaovao, raha tsy ampiarahina amina tolo-kevitra fampitomboana loharanom-bola na fitsitsiana mifanaraka aminy.

And.154 – Raha toa ka amin'ny fiakaran'ny fotoam-pivoriana, tsy mbola nolian'ny Filankevitra ny teti-bola na mbola tsy mifandanja araka ny tokony ho izy ny vola miditra sy fandania, dia ny Solontenam-panjakana no mandrafitra izany vonjimaika amin'ny alalan'ny fandraisana didi-pitondrana, ka ny fototra iaingany amin'izany dia ny volavolan'ny tetibola naroso teo amin'ny Filankevitra, avy amin'ny fanapahana nataon'ny fitsarana mahefa amin'ny fitantanam-bola.

Amin'izany, ny Solontenam-panjakana dia afaka manome alalana ny fanalalanana ny fampidiram-bola sy fandania-bola ho an'ny karama ao anatin'ny fetran'ny ampaha-roa ambiny folo amin'ny sora-bola voarakitra ao anatin'ny tetibolan'ny taona teo aloha, mandritra ny telo volana farafahabetsany, raha toa ka maharaka ny tahirim-bola.

Aorian'izany dia antsoina hivory tsy ara-potoana mandritra ny dimy andro ny Filankevitra. Raha tsy mandany ny tetibola amin'ny fiakaran'io fotoam-pivoriana io izy dia ny mpanalalana no mandrafitra tanteraka izany tetibola izany.

And.155 – Mandritra ny taona diavina, azo atao ny manokatra sora-bola fanampiny ao amin'ny tetibola fa tsy tokony hihoatra ny tena fitomboan'ny vola niditra marina amin'izany taom- pitantanana izany.

And.156 - Ny Lehiben'ny mpanatanteraka no manomana ireo volavolana fanapahan-kevitra mikasika ireo sora-bola fanampiny izay haroso ho tapahin'ny Filankevitra, ary ampiarahina amin'ny fafana izay ahitana :

1. ny vinavinan'ny vola miditra isan-tsokajy ;
2. ny zo hita fototra avy amin'ny sokajy tsirairay ;
3. ny zava-misy mikasika ny tahirim-bola.

And.157 – Ny teti-bola voafidy sy ny kaontim-pitantanana nankatoavina dia tsy maintsy alefa any amin'ny Solontenam-panjakana hanaovana fanaraha-maso ny fanarahan-dalana, aorian'ny fakan-kevitra mialoha ny Fanaraha-maso ny fitatanam-bola ho an'ny Faritany, ny Faritra, ary ny kaominina ambonivohitra.

And.158 – Ny tetibola voafidy sy ireo fampiasana ny loharanom-bolan'ny vondrombahoakam- paritra itsinjaram-pahefana nandritra ny fotoana niasana dia tsy maintsy hampafantarina ny vahoaka amin'ny alalan'ny peta-drindrana na ny fomba hafa rehetra izay ataon'ny Lehiben'ny mpanatanteraka.

Art. 159 - Na eo aza ny mampanan-kery avy hatrany ny sora-draharahan'ny vondrombahoakam- paritra itsinjaram-pahefana, ny tetibolany sy ny sora-draharaha ary ny fanapahana izay manana fiatraikany ara-bola kosa dia tsy azo ampiharina raha tsy aorinan'ny nandefasana azy any amin'ny Solontenam-panjakana mahefa mba anaovana ny fanaraha-maso ny fanarahan-dalàna, rehefa avy nakan-kevitra mialoha tamin'ny Fanaraha-maso ny fitatanam-bola ho an'ny Faritany, ny Faritra ary ny Kaominina ambonivohitra.

And.160 – Ny olom-pirenena rehetra eo anivon'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana dia manan-jo hijery ny antsipiriana'ny tetibolan'ny vondrombahoaka voakasika.

Sokajy faha-3 : Ny amin'ny fanatanterahana ny tetibola

And.161 – Ireo sora-bola fanampiny sy fanomezan-dalana amin'ny fidiram-bola mifandanja amin'izany dia tsy maintsy mifanaraka amin'ireo fepetra voalazan'ny andininy faha-155 sy faha- 164 amin'ity lohateny ity.

And.162 – Mandritra ny taona, ireo fanokafana sy fanovana ny fampiasam-bola dia tsy azo atao raha tsy misy ny sora-bola mifanandrify amin'izany.

Ny fanokafana sy fanovana fampiasam-bola dia tsy tokony hisy, eny na dia amin'ny fampidirana mpiasa aza, raha mety mahatonga fihoaran'ny sora-bola efa nosokafana mialoha izany.

And.163 – Amin'ny alalan'ny didim-pitondrana, aorian'ny fanapahana raisin'ny Filankevitra, ny Lehiben'ny mpanatanteraka dia afaka :

1. manaiky ireo vola fanampiana avy eto an-toerana na ivelan'ny Firenena sy manokatra ny sora-bola mifanaraka amin'izany ao amin'ny tetibola eo andalam-panatanterahana.

2. miroso amin'ny famindrana ny sora-bola eo amin'ny samy fandaharanasa ka izany dia tsy mihoatra ny ampahafolon'ny sora-bola voasoratra ao amin'ny tetibola ho an'ilay fandaharanasa androtsahana izany.

3. Miroso amin'ny famindrana ireo sora-bolam-panefana efa nosokafana ho amin'ny asa fampiasana ho zary renivolan'izany.

Ireo fomba fampiharana ity andininy ity dia ho faritana amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika.

And. 164 - Amin'ny alalan'ny didim-pitondrana atao aorinan'ny fanapahana raisin'ny Filankevitra, ny Lehiben'ny mpanatanteraka, dia tsy maintsy :

1. manitsy ireo fanomezandalana ny fanadaharan'asa hotanterahina raha tahiny misy fandaniana mihotra ny sora-bola vokatry ny fanovana ara-teknika na fampiharana ny lasitra fanao amin'ny famerenana ny fandinihana ny vidin-javatra.

2. manova ao anatin'ny faritry ny fanomezan-dalana ny fandaharan'asa hotanterahina ny fitsinjarana ny sora-bolam-panefana nosokafana momba ny

fampiasam-bola hamokarana.

3. manafoana ireo sora-bola izay zary lasa tsy misy zava-kendrena aminy.

4. mandrafitra indray ho amin'ny fandanianana fanao momba ny karama, ny sora-bola mifanandrify amin'ny vola nomena horaisin'ireo mpiasan'ireo vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana tsy ara-drariny.

And.165 – Ny vola miditra dia raisina ho an'ny tetibola amin'ny taona izay nandritra izany no nampidiran'ny mpitan-kaontim-panjakana azy.

Ny vola nivoaka dia raisina ho an'ny tetibola amin'ny taona izay nandritra izany no nanamarinan'ny mpintan-kaonty mpanao sonia.

Art. 166 – Ireo fandanium-bola tsy maintsy atao dia tsy maintsy anaovana fanoratana ny sora-bola ampy tsara mba ho enti-miatrika, na ny fampandehanana ireo sampan-draharaha, na ny fanantotosana ireo adidy amam-bola izay ampiharana azy.

Araka ny fepetra voasoritra etsy ambony, dia fandanium-bola tsy maintsy atao ireto manaraka ireto :

1. Ny trosa azo takiana sy ny fanentsenana ny fantiantoka teo aloha ;

2. Ny karaman'ny mpiasa ;

3. Ny fandraisana anjara amin'ireo vola mivoaka amin'ny kitapom-bola sy amin'ny sata mifehy ny fisotron-dronono izay maha-mpikambana ilay mpiasa mandray karama avy amin'ireo tetibolan'ireo vondrom-bahoaka ;

4. Ny fandanianana mikasika ny fampiasana rano sy jiro ary ny paositra sy fifandraisandavitra;

5. Ny anjara biriky sy ny fandraisana anjara ara-bola voadidin'ny lalàna hoefaina na ny fandraiketana fandanianana momba ny fifanekena natao, indrindra avy amin'ny fifanarahana mikasika ny fanampiana ara-teknika sy ara-pitondrana na ara-bola ;

6. Izay fandanium-bola rehetra voatondro mazava tsara araka ny fepetra voalazan'ny lalàna na ny fitsipika manankery izay manan'endrika tsy maintsy atao.

Ny fanatanterahana ireo fandanianana dia tsy maintsy manaraka ireo fitsipika mikasika ny fitànankaontim-bolam-panjakana.

And.167 – Ny fisamboram-bola na ny vatsim-bola dia tapahin'ny filankevitra araka ny fara-fetra ambony indrindra mikasika ny sora-panekena momba ny fitantanam-bola izay hita ao amin'ireo vinavina tetibola amin'ny taona itsahana sy ny kaonti-mpitantananan' ny taona teo aloha.

Aorinan'ny fanapahana noraisin'ny Filankevitra, ny fisamboram-bola dia tsy maintsy amarinin'ny Solontenam-panjakana izay mangataka mialoha ny hevitra ny Minisitra miandraikitra ny fitantanam-bola na ny solontenany. Io hevitra io dia tsy maintsy omena ao anatin'ny fe-potoana telopolo (30) andro aorinan'ny nandraisana ny antontan-taratasy feno. Ny Minisitra miandraikitra ny fitantanam-bola dia tsy maintsy manolotra ny antontan-taratasy mba hodinihina

ao amin'ny Filankevitry ny Governemanta ho an'ny fisamboram-bola tsy niharan'ny fankatoavana.

Ny fafana momba ny fanavotam-bidin'ny fisamboram-bola sy ny vatsim-bola nifanekena dia atovana ireo volavola-na tetibola sy ny kaontim-pitantanana.

Ireo findramam-bola sy vatsim-bola izay nataon'ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ary koa ny fombafomba fanavotam-bidy sy fanonerana azy ireny dia tapahin'ny Filankevitra araka izay farany azo atao amin'ny fanefana ireo vola sisa avy amin'ny tetibolan'ny vondrombahoaka voakasika.

Ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana dia afaka mifampiraharaha amin'ireo tsenambola eto amin'ny firenena sy iraisam-pirenena, ny amin'ny filàna famatsiam-bola ireo tetikasa fampiasambolam-pamokarana.

Ny fifanarahana rehetra nanaovan'ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana tonom-boala amin'izany dia tsy maintsy tapahan'ny rantsana mpanapa-kevitra, hamarinin'ny amin'ny Solontenampanjakana Mahefa eo an-toerana, aorian'ny fanehoan-kevitra mialoha tamin'ny mpanaramaso ny fitantanam-bola ary ankatoavina amin'ny alalan'ny didim-panjakana raisina eo amin'ny Filankevitry ny Governemanta, avy amin'ny tatitra ataon'ny Minisitra miandraikitra ny fitatanam-bola sy ny tetibola ho amin'ny mari-bola mihoatra ny zato tapitrisa Ariary.

And.168 – Ny findramam-bola sy vatsim-bola dia tsy azo ekena na amin'ny fomba ahoana na amin'ny fomba ahoana, raha tsy ao aorian'ny fanoratana ao amin'ny tetibola ireo sora-bola mifanandrify amin'izany.

Ny fombafomba fanomezana sy fanonerana ny fampindramam-bola sy ny vatsim-bola dia faritan'ny fifanarahana izay nankatoavina amin'ny alalan'ny didim-pitondrana nataon'ny Minisitra miandraikitra ny fitatanam-bola rehefa notapahin'ny rantsana mpanapa-kevitra, nohamarinin'ny Solontenampanjakana mahefa eo an-toerana, aorian'ny fanehoan-kevitra mialoha ataon'ny mpanaramaso ny fitantanam-bola.

And.169 – Ny fisoloana vaika dia tsy azo ekena, na amin'ny fomba ahoana na amin'ny fomba ahoana, raha tsy ao aorian'ny fanoratana ao amin'ny tetibola ireo sora-bola mifanandrify amin'ny fanentsenana ireo fahavoazana mety hanjo.

Ny fombafomba fanomezana fisoloana vaika dia faritan'ny fifanarahana nankatoavina amin'ny alalan'ny didim-pitondrana nataon'ny Minisitra miandraikitra ny fitantanam-bola rehefa notapahan'ny rantsana mpanapa-kevitra, nohamarinin'ny Solontenampanjakana mahefa eo an-toerana, ao aorian'ny fanehoan-kevitra mialoha ataon'ny mpanaramaso ny fitantanam-bola.

And.170 - Ny kaontim-pitantanana no izahana fototra ireo vokatra avy amin'ny fanatanterahana ny tetibola sy ny kaontin'ny vola kirakirain'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ary ankatoavana ny elanelana eo amin'ny fanatanterahana andaniny sy ny vinavina nasiampanitsiana

amin'ny tetibola ampiasaina amin'ny taona ankilany.

Ny volavola-na kaontim-pitantanana dia aroso hankatoavin'ny Filankevitra amin'ny fiandohan'ny fotoam-pivoriana voalohany manaraka ny taona nanatanterahana ny tetibola.

Atao tovana amin'io volavola io :

1. ny fanambarana ankapobe mikasika ny fifanarahana'ireo fitànan-kaontin'isam-batan'olona sy ny fitanan-kaontin'ny mpanalalana ;

2. ny kaontin'ny fitaovana fananana tamin'ny taom-piasana ara-tetibola teo aloha.

And.171 – Ankatoavana amin'ny alalan'ny Fanapahana ataon'ny Filankevitry ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ny kaontim-pitantanana farafahantarany ao anatin'ny telo volana voalohany ny taona manaraka.

And.172 – Aorian'ny fanapahana, dia alefa any amin'ny solontenam-panjakana ny kaontimpitantanana sy ny volavolanà tetibola hanaovana fanaraha-maso raha mifanaraka amin'ny lalàna.

Rehefa vita izany fombafomba izany, ny dika mitovy amin'ireo tahirin-kevitra ireo dia tsy maintsy alefa any amin'ny Minisitra miandraikitra ny fitantanam-bola sy ny tetibola, sy ny Minisitra miandraikitra ny Atitany sy ny fitsinjaram-pahefana ao anatin'ny fe-potoana telopolo (30) andro ho fampafantarana.

And.173 – Ny olom-pirenena rehetra ao amin'ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana dia manana zo hangataka ny fampahafantarana ny kaontim-pitantanana ny vondrombahoaka voakasika, ka izy no miantoka ny lany amin'izany.

And.174 – Ny fombafomba fanokafana sy fiasan'ireo fitondran-draharaha momba ny vatsim-bola sy ny famoriam-bola eo anivon'ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana dia tsy maintsy manaraka ireo fepetra voalazan'ny rijan-teny manan-kery mikasika ny fitondran-draharaha momba ny vatsim-bola sy ny famoriam-bola ny antokon-draharaham-panjakana.

Sokajy 4 : Ny amin'ny fanaraha-maso

And.175 – Ny Fisafoana ankapobeny ny raharaham-panjakana dia manana fahefana hanao fisafoana sy fanaraha-maso amin'ireo mpanalalana sy ireo mpitàn-kaontim-panjakana eny anivon'ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana.

Ny fanatanterahana ireo fisafoana sy fanaraha-maso ireo dia tsy manakana ireo izay ataon'ny mpanalalana sy mpitàn-kaontim-panjakana ary ireo firaisan-draharaha hafa na antokon-draharaha misahana fisafoana atao amin'izy ireo.

And.176 – Ny kaontin'ireo mpitàn-kaontim-panjakana eny anivon'ny

vondrombahoakamparitra itsinjaram-pahefana dia tsarina eny amin'ny Fitsarana momba ny fitantanam-bola.

And.177 – Ny fitsarana momba ny fitantanam-bola dia afaka manome ny mpitàn-kaontim-panjakana ny fanajana arakaraka amin'ny fitatanana ataony.

And.178 – Andraikitra ireo rantsa-mangaikan'ny Fanaraha-maso ny fitantanam-bola no manao fanamarinana sy fanaraha-maso, eny anivon'ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana, ny fomba arahina amin'ny fanatanterahana sy ny fampivaingana ny fandanina, ka ny fombafomba anaovana izany dia faritan'ny didy amam-pitsipika.

And.179 – Anjaran'ny Manam-pahefana momba ny fandrindrana ny fifampiraharham-barotra amin'ny fanjakana no misahana ny fanaraha-maso mikasika ny fandraiketana ny fifampiraharham-barotra amin'ny fanjakana.

TOKO II : NY AMIN'NY LOHARANOM-BOLAN'NY VONDROMBAHOAKAM-PARITRA ITSINJARAM-PAHEFANA

Sokajy voalohany : Fepetra ankapobe

And. 180 – Araka ny fepetra voalazan'ny andininy faha-147 amin'ny Lalàmpanorenana, ny loharanom-bolan'ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana dia ahitana :

1. ny vola azo avy amin'ny hetra sy haba nolanian'ny Filankevitra ary takiana mivantana harotsaka amin'ny tetibolan'ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ; ny lalàna no mamaritra ny karazana sy ny sanda ambony indrindra amin'ireny hetra sy haba ireny izay hijerena indrindra ny andraikitra iantsorohan'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana sy ny loloha ara-ketra ankapobe mitambesatra amin'ny Firenena ;

2. ny anjara tokony ho azy avy hatrany amin'ny vola azo avy amin'ny hetra sy haba miditra ao amin'ny tetibolan'ny fanjakana ; izany anjara izany izay sintonina avy hatrany amin'ny fotoana hamoriana vola dia faritan'ny lalàna araka ny isan-jato izay ijerena ny andraikitra sahanin'ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana amin'ny ankapobeny sy isam-batan'olona, mba hiantohana ny fampandrosoana ara-toekarena sy ara-tsosialy mifandanja eo amin'ireo vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana rehetra manerana ny tanim-pirenena ;

3. ny vola vokatry ny fanampiana avy amin'ny fanjakana voatokana na tsia ho amin'ny asa, ary nomena avy amin'ny teti-bola-panjakana ho an'ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana rehetra na ny iray amin'izy ireo ka atao mifandanja amin'ny toe-javatra manokana misy eo aminy, na hamenoan'ireo vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana, araky ny fandaharan'asa na tetikasa notapahan'ny Fanjakana ary tanterahin'ireo vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ;

4. ny vola azo avy amin'ny fanampiana avy any ivelany ka tsy averina sy ny vola azo avy amin'ny fanomezana nomena ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ;

5. Ny vola miditra avy amin'ny fananany manokana;

6. ny fisamboram-bola izay ferana araka ny lalàna ny fepetra ny fahazoana izany.

And.181 - Ny loharanom-bola manokan'ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana dia :

1. ny loharanom-bola avy amin'ny hetra;

2. ny loharanom-bola tsy avy amin'ny hetra;

3. ny loharanom-bola avy amin'ireo tanim-panjakana tsy azo amidy na azo amidy.

And.182 - Ny loharanom-bola hafa ho an'ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana dia ahitana ny vola miditra tsy avy amin'ny hetra eo an-toerana, indrindra indrindra :

1. ny vola miditra avy amin'ny asa aman-draharaha ara-toekarena sahaniny ;

2. ny tolotra sy fanomezana ;

3. ny findramam-bola ;

4. ny vola miditra avy amin'ny fananany ;

5. ny vola azo avy amin'ny fampiasana ireo sampandraharaha eo an-toerana.

Sokajy 2 : Ny amin'ny loharanom-bola avy amin'ny hetra

Zana-tsokajy voalohany : Fepetra ankapobeny

And.183 - Ny loharanombolan'ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana azo avy amin'ny hetra dia ahitana ny hetra eo an-toerana voalazan'ny Fehezan-dalàna ankapobeny momba ny hetra.

Heverina ho toy ny loharanom-bola avy amin'ny hetra, ary tsy azo foronina noho izany, raha tsy amin'ny alalan'ny lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana, ireo fakam-bola tsy maintsy atao, ny sara ary haba izay tsy misy setriny mivantana amin'ny tsirairay.

And.184 – Ny vola miditra avy amin'ny hetra ho an'ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana dia ahitana ny vokatry ny hetra mivantana, ny sara ary ny haba toy izao manaraka izao :

1. ny hetra momba ny fahazoan-dàlana hivarotra zava-pisotro mahamamo sy misy alikaola ;

2. ny hetra momba ny fahazoan-dalana hanao varo-mandeha mikasika ny zava-pisotro mahamamo sy misy alikaola ;

3. ny hetra momba ny fahazoan-dàlana mikasika ny fipetrahana vonjimaika, araka ny tonontaona sy noho ny antony manokana ;

4. ny hetra momba ny fahazoan-dàlana amin'ny asa tsy maharitra, noho ny antony manokana sy/na araka ny tonontaona ;

5. ny hetra momba ny fahazoan-dalana mikasika ny amin'ny toeram-pilanonana amin'ny alina ;

6. ny hetra momba ny fahazoan-dàlana hikarakara tombola sy loteria ;

7. ny hetra momba ny fazahoan-dalana ny fampiasana « billards » sy mitovitovy aminy, ny fitaovana fandefasana horonan-tsary sy « baby-foot » itadiavam-bola ;

8. ny hetra tambatra ;

9. ny hetran-tany ;

10. ny hetran-trano ;

11. ny vola fandoa mikasika ny akoran'afo ;

12. ny sara amin'ny fitantanana ny harena an-kibon'ny tany ;

13. ny tamberim-bidy amin'ny harena an-kibon'ny tany ;

14. ny haba mikasika ny fiarovana ny olona ;

15. ny haba-ponenana ho an'ny fampandrosoana ;

16. ny haba momba ny fivahinianana ;

17. ny haba alaina amin'ny rano mineraly ;

18. ny haba alaina amin'ny fanaovana dokam-barotra ;

19. ny haba alaina amin'ny rano sy/na herinaratra ;

20. ny haba alaina amin'ny fety, lanonana ary fihetsiketsehana samihafa ;

21. ny haba momba ny fanangàna tsangam-by goavana, tariby mpandray na mpandefa onjam-peo sy onjan-tsary, mpanelanelana fitaovam-pifandraisana na taho ;

22. ny haba mikasika ny lalao atao amin'ny haino aman-jery.

And.185 – Ny lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana, fenoin'ireo rijan-tenin-dalàna amam-pitsipika, raha ilaina, no mamaritra ny karazana, ny fototra hamerana sy ny famoriana, ny taha ary ny fandaminana eo amin'ny lafiny fitantanana ireo hetra sy haba ireo.

Zana-tsokajy 2 : Ny amin'ny hetra

Paragrafy voalohany : Ny amin'ny hetra momba ny fahazoan-dalana

Zana-paragrafy voalohany : Ny amin'ny hetra momba ny fahazoan-dalana hivarotra zava-pisotro mahamamo sy misy alikaola

And.186 – Ny vokatry azo avy amin'ny hetra momba ny fahazoan-dalana hivarotra zava-pisotro mahamamo sy misy alikola, hetra voalaza ao amin'ny Fehezan-dalana ankapobeny momba ny hetra, dia raisina ho an'ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana.

Ny hetra momba ny fahazoan-dalana dia mitsinjara toy izao manaraka izao:

- ┌ 60% ho an'ny Kaominina ;
- ┌ 20% ho an'ny Faritra ;
- ┌ 20% ho an'ny Faritany.

And.187 – Ny lazam-bidy isan-taona amin'ny hetra momba ny fahazoan-dalana hivarotra zavapisotro mahamamo sy misy alikaola dia faritana amin'ny fanapahana ataon'ny Filankevitry monisipaly na kaominaly, arakaraky ny sokajinà fahazoan-dalana, ao anatin'ny fara-fetra faritan'ny fepetra voalazan'ny lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana.

Zana-paragrafy 2 : Ny amin'ny fahazoan-dalana hanao varo-mandeha mikasika ny zava-pisotro mahamamo sy misy alikaola

And.188 – Tokony ho voalazan'ny lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana ny lazam-bidin'ny hetra momba ny fahazoan-dalana hanao varo-mandeha, ka ny vola azo dia atokana manontolo ho an'ny tetibolan'ny Kaominina misy ny toerana iasany.

Zana-paragrafy 3 : Ny amin'ny fipetrahana tsy maharitra, araka ny tonontaona sy noho ny antony manokana

And.189 – Ny mpandray anjara amin'ny tsenabe, fampirantiana, varoboba ankalamanjana ary ireo lanonana maro samihafa ara-barotra na itadiavam-bola dia iharan'ny hetra momba ny fahazoan-dalana hipetraka tsy maharitra, araka ny tonontaona sy noho ny antony manokana, ka ny vokatry izany dia omena manontolo ho an'ny Kaominina misy ny toerana iasany.

Ny Filankevitry ny Kaominina no mamaritra isan-taona ny lazam-bidin'io

hetra io amin'ny alalan'ny fanapahana atao, araka ny fepetra voalazan'ny lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana.

Zana-paragrafy 4 : Ny amin'ny asa aman-draharaha tsy maharitra, araka ny tonontaona sy noho ny antony manokana

And.190 – Ny fikambanana na vatan-tenan'olona misahana fanangonam-bokatra eo an-toerana na varo-mandeha fanao mahazatra, vonjimaika, noho ny antony manokana na araka ny tonontaona dia iharan'ny hetra momba ny fahazoan-dalana mikasika ny asa aman-draharaha tsy maharitra, noho ny antony manokana sy/na araka ny tonontaona, ka ny vokatr'izany dia omena manontolo ny Faritra anaovany ny asany.

Ny lazam-bidy amin'io hetra io dia ferana isan-taona amin'ny alalan'ny fanapahana ataon'ny Filankevitry ny Faritra araka ny fepetra volaza ao amin'ny lalàna mifehy ny fitantanam-bolampanjakana.

Zana-paragrafy 5 : Ny amin'ny toeram-pilanonana amin'ny alina

And.191 – Ireo mpitrandraka tranon-danonana amin'ny alina, kabare fandihizana, karaoke ary ireo asa hafa mitovitovy amin'izany manana fahazoan-dàlana ara-dalàna dia terena handoa hetra momba ny fahazoan-dalana mikasika ny trano filanonana amin'ny alina, ka ny vokatr'izany dia omena ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana izany hoe :

- ┌ 50% ho an'ny Kaominina ;
- ┌ 30% ho an'ny Faritra ;
- ┌ 20% ho an'ny Faritany.

Ny lazam-bidy dia ferana isan-taona amin'ny alalan'ny fanapahana ataon'ny filankeviparitany araka ny fepetra voalazan'ny lalàna mifehy ny fitantanambolam-bolam-panjakana.

Zana-paragrafy 6 : Ny amin'ny fikarakarana tombola sy loteria

And.192 – Ny asa rehetra omena ny vahoaka ka miteraka fanantenana ahazoana tombon-tsoa ara-pitaovana na arabola izay azo amin'ny alalan'ny vintana dia iharan'ny hetra momba ny fahazoan-dàlana mikasika ny tombola sy loteria izay aloa ho an'ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana, ka ny lazam-bidy sy ny fanokanana ny vokatr'izany dia miovaova araka ny halehiben'ny lalao sy ny faharetan'ny raharaha.

Ny lazam-bidy dia ferana isan-taona amin'ny alalan'ny fanapahana ataon'ny Filankevitry ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana mahazo tombon-tsoa, araka ny fepetra voalazan'ny lalàna mifehy ny fitantanambolam-

bolam-panjakana.

Zana-paragrafy 7 : Ny amin'ny fitrandrahana « billards » sy ny mitovitovy aminy, ny fitaovana fandefasana horonan-tsary ary ny “baby-foot”

And.193 – Ny vatantenan'olona na ny fikambanana rehetra mitrandraka « billards » sy izay mitovitovy aminy, ny fitaovana fandefasana horonan-tsary ary « baby-foot » amin'ny toerana misokatra ho an'ny daholobe, na dia kely velarana aza, natao itadiavam-bola dia terena handoa hetra momba ny fahazoandalana mikasika ny «billards» sy izay mitovitovy aminy, ny fitaovana fandefasana horonan-tsary sy «baby-foot» alaina ho an'ny Kaominina ampiasana ny fitaovana.

Ny lazam-bidy dia ferana isan-taona amin'ny alalan'ny fanapahana ataon'ny Filankevitry ny Kaominina, araka ny fepetra voalazan'ny lalàna mifehy ny fitantanambolam-bolam-panjakana.

Paragrafy 2 : Ny amin'ny hetra tambatra

And.194 – Toy izao manaraka izao ny fitsinjarana ny vokatry azo avy amin'ny hetra tambatra izay voalazan'ny Fehezan-dalàna ankapobe momba ny Hetra tokony ho an'ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana :

- ✦ 50% ho an'ny tetibolan'ny Kaominina ;
- ✦ 30% ho an'ny tetibolan'ny Faritra ;
- ✦ 10% ho an'ny tetibolan'ny Faritany ;
- ✦ 10% ho an'ny Tahirim-pirenena fiaraha-mizaka.

Paragrafy 3 : Ny amin'ny hetra tsinjaraina eo amin'ny Fanjakana sy ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana

Zana-paragrafy voalohany : Ny amin'ny vola fandoa mikasika ny akoranafo

And.195 – Toy izao manaraka izao ny fitsinjarana ny vokatry ny vola fandoa mikasika ny akoranafo, tokony ho an'ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana araka ny voalazan'ny Fehezan-dalàna ankapobe momba ny Hetra ao amin'ny andininy 01.01.30 :

- ✦ 20% ho an'ny Tahirim-pirenena fiaraha-mizaka ;
- ✦ 40% ho an'ny tetibolan'ny Kaominina ;
- ✦ 30% ho an'ny tetibolan'ny Faritra ;

- 10% ho an'ny tetibolan'ny Faritany.

Zana-paragrafy 2 : Ny amin'ny sara amin'ny fitantanana ny harena an-kibon'ny tany

And.196 – Toy izao manaraka izao ny fitsinjarana ny vokatry amin'ny sara fitantanana ny harena ankibon'ny tany izay voalazan'ny Fehezan-dalàna ankapobe momba ny Hetra ho an'ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana :

- 50% ho an'ny tetibolan'ny Kaominina ;
- 30% ho an'ny tetibolan'ny Faritra ;
- 20% ho an'ny tetibolan'ny Faritany.

Zana-paragrafy 3 : Ny amin'ny vola fandoa amin'ny harena an-kibon'ny tany sy ny tamberim-bidy

And.197 – Toy izao manaraka izao ny fitsinjarana ny vokatry ny tamberim-bidy amin'ny taha 1,4% alaina, voalazan'ny Fehezan-dalàna momba ny harena an-kibon'ny tany :

- 10% ho an'ny Tahirim-pirenena fiaraha-mizaka ;
- ary ny ambiny kosa ho an'ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana, ka :
 - * 60% ho an'ny Kaominina ;
 - * 30% ho an'ny Faritra ;
 - * 10% ho an'ny Faritany.

Paragrafy 4 Haba halaina amin'ny fiarovana ny olona

And.198 - Ny fananana alika na biby hafa azo ompiana mety hampidoza, ary koa ny fitazonana fitaovam-piadiana tsotra dia hakana haba momba ny fiarovana ny olona ho an'ny Kaominina.

Ny lazam-bidin'io hetra io dia ferana isan-taona amin'ny alalan'ny fanapahana ataon'ny Filankevitry ny Kaominina, araka ny fepetra voalazan'ny lalàna mifehy ny fitantanambolam-bolam-panjakana.

Paragrafy 5 : Habam-ponenana ho an'ny fampandrosoana

And.199 – Ny vahiny rehetra monina ao amin'ny Kaominina dia terena

handoa habam-ponenana ho an'ny fampandrosoana izay omena ny kaominina, mba hamatsiam-bola ny asa fampandrosoana eny anivon'ny Fokontany.

Ny lazam-bidy dia miankina amin'ny taona, ny fahafaha-mandray anjara, ny toetoetra ara-pianakaviana ary ny toe-batana dia ferana isan-taona amin'ny alalan'ny fanapahana ataon'ny Filankevitry ny Kaominina, araka ny fepetra voalazan'ny lalàna mifehy ny fitantanambolam-bolampanjakana.

Paragrafy 6 : Haba momba ny fivahinianana

And. 200 - Ireo rehetra mitrandraka trano fandraisam-bahiny, efitrano ahofa ho an'ny vahiny, trano fivahinianam-pianakaviana sy toerana fampiantranoana sy fandraisan'olona hafa, ka andoavam-bola isan-kalina ny fipetrahana ao dia iharan'ny haba momba ny fivahinianana izay omena ny Kaominina, ny Faritra ary Faritany arakaraka ny sokajin'izany trano fivahinianana izany toy izao manaraka izao :

Sokajin'ny trano fivahinianana	Fitsinjarana	Mpahazo tombontsoa
Trano fandraisam-bahiny sy toerana fampiantranoana kintana telo sy izay rehetra ambanin'izany	100%	Kaominina
Trano fandraisam-bahiny sy toerana fampiantranoana kintana efatra no mihoatra	50% avy ho an'ny Faritany sy ny Faritra	Faritany sy Faritra

Ny lazam-bidin'ny haba dia feran'ny Filankevitry ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana voakasika isan-taona, araka ny fepetra voalazan'ny lalàna mifehy ny fitantanambolam-bolam-panjakana.

Paragrafy 7 : Haba alaina amin'ny rano mineraly

And. 201 – Ny Kaominina eo amin'ny toerana izay misy loharano mineraly dia mahazo haba amin'ny rano mineraly na misy entona amboarina avy amin'ny fitrandrahana ireny loharano ireny.

Ny lazam-bidin'ny haba dia feran'ny rantsana mpanapa-kevitry ny Kaominina isan-taona, araka ny fepetra voalazan'ny lalàna mifehy ny fitantanambolam-bolam-panjakana.

Paragrafy 8 : Haba alaina amin'ny dokam-barotra

Zana-paragrafy voalohany : Dokam-barotra amin'ny alalan'ny peta-drindrina, takelaka asiana dokam-barotra, soratra sy marika misy hazavana na amin'ny tohana mandehadeha

And. 202 - Ny endrika dokam-barotra rehetra miendrika ara-barotra natao na amin'ny alalan'ny peta-drindrina, na takelaka asiana dokam-barotra, na soratra sy marika misy hazavana, mipetaka amin'ny tohana raikitra na eny amin'ny fiarakodia, soratra ambony lamba, faneva, balônina, zavatra mitsingevana baikona ary tohana hafa tsy voalazan'ity zana-tsokajy ity ao anatin'ny farafetran'ny lafitany an'ny Kaominina dia iharan'ny haba mikasika ny dokam-barotra alaina ho an'ny tetibolan'ny Kaominina.

Ny lazam-bidin'ny haba dia feran'ny Filankevitry ny Kaominina isan-taona araka ny fepetra voalazan'ny lalana mifehy ny fitantanambolam-panjakana.

Zana-paragrafy 2 : Dokam-barotra amin'ny haino aman-jery

And.203 - Ny endrika dokam-barotra rehetra atao amin'ny alalan'ny haino aman-jery na gazety an-tsoratra mivoaka ao anatin'ny faritry ny tanim-pirenena dia iharan'ny haba mikasika ny dokam-barotra ka ny vokatr'izany dia hamatsiana ny Tahirim-pirenena fiaraha-mizaka, ary tsinjara ara-drariny amin'ireo vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana.

Ny famaritana ny mason-tsivana fitsinjarana io tahirim-bola io eo amin' ireo vondrombahokam-paritra itsinjaram-pahefana dia miankina amin'ny tandrifim-pahefan'ny Komity iraisan'ny Minisitara izay ahitana ny solontenan'ireo vondrombahokam-paritra itsinjaram-pahefana isan'ambaratongany, ny solontenan'ny Minisitara misahana ny fitantanam-bola sy ny tetibola ary ny solontenan'ny Minisitara misahana ny Atitany sy Fitsinjaram-pahefana.

Ny fombafomba fanaovana ny tomban-ketra, ny famoriana ary ny famerana ny lazam-bidin'io haba io dia miankina amin'ny sehatry ny lalana mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana.

Paragrafy 9 : Haba amin'ny rano sy/na herinaratra

And.204 – Ny vatantenan'olona sy fikambanana mpamandrika amin'ny sosaiety mpamatsy rano sy herinaratra eto amin'ny tanim-pirenena dia iharan'ny haba amin'ny rano sy/na herinaratra ho an'ny tetibolan'ny Kaominina.

Ny fombafomba fanaovana ny tomban-ketra, ny famoriana ary ny famerana ny lazam-bidin'io haba io dia miankina amin'ny sehatry ny lalana mifehy ny

fitantanam-bolam-panjakana.

Paragrafy 10 : Haba alaina amin'ny fety sy lanonana ary ny fihetsihetsehana samihafa

And.205 - Ny fidirana rehetra andoavam-bola amin'ny fety, lanonana sy fihetsiketsehana samihafa ka mampiasa tapakila na karatra fidirana dia iharan'ny haba amin'ny fety sy lanonana ary fihetsiketsehana samihafa ho an'ny Kaominina.

Ny fombafomba fanaovana ny tomban-ketra, ny famoriana ary ny famerana ny lazam-bidin'io haba io dia miankina amin'ny sehatry ny lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana.

Paragrafy 11 : Haba momba ny fanangàna tsangam-by goavana, baka mpandray na mpandefa onjam-peo sy onjan-tsary, mpanelanelana fitaovam-pifandraisana na taho

And.206 - Ny tsangam-by goavana, baka mpandray na mpandefa onjam-peo sy onjan-tsary na taho napetraky ny sosaiety misahana ny fifandraisan-davitra, eny na dia amin'ny tanin'olon-tsotra aza, natao handraisana sy handefasana onjam-pifandraisana, ireo fanelanelanana fitaovampifandraisana an'ny sosaiety misahana haino aman-jery, ny tsangam-by goavana mitondra taribin-kerinaratra dia iharan'ny haba isan-taona mikasika ny tsangam-by goavana, baka mpandray na mpandefa onjam-peo sy onjan-tsary, mpanelanelana fitaovam-pifandraisana na taho izay mitsinjara toy izao :

- ┐ 50% ho an'ny Kaominina ;
- ┐ 30% ho an'ny Faritra ;
- ┐ 20% ho an'ny Faritany.

Ny fombafomba fanaovana ny tomban-ketra, ny famoriana ary ny famerana ny lazam-bidin'io haba io dia miankina amin'ny sehatry ny lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana.

Paragrafy 12 : Haba mikasika ny lalao amin'ny haino aman-jery

And.207 – Ny antso an-tariby na hafatra alefa amin'ny alalan'ny finday mikasika ny fandraisana anjara amin'ny lalao amin'ny haino aman-jery, na fandaharan-dalao mivantana amin'ny fahitalavitra dia iharan'ny haba mikasika ny lalao amin'ny haino aman-jery, ka ny vokatr'izany dia amatsiana ny tahirim-pirenena fiaraha-mizaka, ho tsinjaraina ara-drariny amin'ireo vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana.

Ny lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana no mamaritra ny

fombafomba fanaovana ny tomban-ketra, ny famoriana ary ny famerana ny lazam-bidin'io haba io.

Paragrafy 13 : Haba mikasika ny fanomezana sy ny fanamarinana ny karapanondron'ny vahiny

And.208 - Ny fanomezana sy ny fanamarinana ny karapanondron'ny vahiny ahafahana mipetraka maharitra dia andoavana sara ho an'ny tetibolan'ny Faritra ka ny habetsahany dia feran'ny lalàna mifehy ny fitatanam-bolam-panjakana.

And.209 – Azon'ny Filankevitra atao ny manafaka amin'ny tsy fandoavana manontolo na amin'ny ampahany ny sara voalaza etsy ambony ny olona manana taratasy fanamarinana ny fahisahiranana.

Sokajy 3 : Ny amin'ny loharanom-bola tsy avy amin'ny hetra

Zana-tsokajy voalohany : Fepetra ankapobe

And.210 – Ny loharanom-bolan'ny vondrombahoaka-paritra itsinjaram-pahefana tsy avy amin'ny hetra dia ahitana :

- ▢ ny vokatry ny fanampiana voatokana na tsia avy amin'ny tetibolam-panjakana ho an'ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana manontolo na tsirairay ;
- ▢ ny vokatry ny fanampiana avy any ivelany tsy averina sy ny vokatry ny fanomezana ho an'ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ;
- ▢ ny vola miditra avy amin'ny fananany ;
- ▢ ireo findramam-bola ka ny lalàna no mamaritra ny fepetra ahafahana manao ny fanoratana izany.

And.211 – Ny famoronana io sokajin'ny loharanom-bola io dia tsy maintsy ahazoan-dalàna avy amin'ny lalàna mifehy ny fitatanam-bolam-panjakana, araka ny tolo-kevitra ny Minisitara misahana ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana, nefa ny fandanianana izany eo anivon'ny vondrombahoaka nomena, ny famerana ny taha na ny lazam-bidy dia miankina amin'ny tandrifim-pahefan'ny rantsana mpanapa-kevitra amin'izany vondrom-bahoaka izany.

And.212 – Miankina amin'ny tandrifim-pahefan'ny rantsana mpanapa-kevitra ao amin'ny ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana :

1. ny famerana ny tahan'ny fakam-bola tsy avy amin'ny hetra toy ny fanomezan-dàlana sy fahazoan-dàlana ary sara isan-karazany izay eken'ny

lalàna mifehy ny fitantanam-bolampanjakana ara-dalàna;

2. ny famerana ny tahan'ny vokatra sy ny vola miditra avy amin'ny asa aman-draharaha ara-toekarena syara-tsosialy, ny sara takiana noho ny fisahanan'asa notanterahina, ny zara tombo sy ny vola miditra avy amin'ny fananany.

And.213 – Ny fombafomba famoriana ny loharanom-bola tsy avy amin'ny hetra dia ferana amin'ny alàlan'ny Didim-panjakana raisina eo amin'ny Filankevitry ny Governementa, araka ny tolo-kevitra iarahan'ny Minisitra misahana ny fitantanam-bola sy ny tetibola sy ny Minisitra misahana ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana afa-tsy izay voalaza amin'ity sokajy ity.

Zana-tsokajy 2 : Haba amin'ny lanonana nentim-paharazana nahazoan-dàlana

And.214 – Ny lanonana nentim-paharazana indrindra indrindra ny lanonana, tsikafara, famadihana, fafikijana dia iharan'ny haba mikasika ny lanonana nentim-paharazana nahazoan-dalana ho an'ny Kaominina. Ny Ben'ny tanàna amin'ny toerana anaovana ny lanonana no manome ny fahazoan-dalana mifandraika amin'izany lanonana izany.

Na manao ahoana na manao ahoana dia tsy azo akana izany haba izany ny fampakaram-bady, ny fahaterahana, ny batemy.

Masi-mandidy ny Filankevitra monisipaly na kaominaly amin'ny famerana ny lazam-bidin'izany haba izany, araka ny zava-misy.

Amin'ny fotoana andraisana ny fahazoan-dàlana no andoavana ny haba, ary anomezana rosia misy sosony.

Zana-tsokajy faha-3 : Haba alaina amin'ny famonoam-biby

And.215 – Ny famonoam-biby rehetra ho an'ny fivarotan-kena na fanaovana angesongesonkena hamidy na hohanina na ho an'ny fety isan-karazany dia andoavana haba mikasika ny famonoam-biby ho an'ny Kaominina.

Ferana toy izao ny taha farany ambony isaky ny biby :

Biby hovonoina	Habetsahany amin'ny ariary
Soavaly	15.000
Omby	10.000
Kisoa	5.000
Ondry na osy	2.000

Ny haba mikasika ny biby novonoina eny amin'ny toerana famonoam-

biby an'ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana dia raisin'ny vondrombahoaka tompoan'ny famonoam-biby manontolo na aiza na aiza toerana voatondro andefasana azy.

Ny haba mikasika ny biby novonoina ivelan'ny toerana voatondro etsy ambonany dia raisin'ny Kaominina.

And.216 – Tsy andoavana haba mikasika ny famonoam-biby ny biby telo na latsak'izany vonoina amin'ny lanonana ara-pianakaviana, ara-panjakana na nentim-paharazana.

Ny famonoana biby rehetra mihoatra ny telo dia tsy maintsy ahazoana alalana any amin'ny Ben'ny tanànan'ny Kaominina tompoan'ny toerana famonoam-biby mialoha ny fandoavana haba.

And.217 – Aloa mialoha amin'ny mpiasa mpandray ny volan'ny vondrombahoaka mpisitraka ny haba mialoha ny famonoana ary anomezana rosia misy sosony izany.

Ny famonoam-biby rehetra tsy nandoavana haba mialoha ary koa ny fanafenana na fanambarana tsy marina dia mitarika ny fampiharana ny lamandry avo dimy heny amin'ny sara tsy naloa, nalaina araka ny fepetra mitovy amin'ny haba fototra.

And.218 – Ny tompoan'ny biby maty na tsy maintsy vonoina noho ny aretina na noho ny loza nahazo azy dia tsy mandoa haba, rehefa mampiseho ny taratasy fanamarinana nomen'ny solontenan'ny sampan-draharaha eo an-toerana misahana ny fiompiana izay nanao ny fizahana fototra izany, na raha tsy misy dia ny Ben'ny tanànan'ny kaominina voakasika.

Zana-tsokajy faha-4 : Haba mikasika ny fitsirihana sy fanaovana fitomboka ny hena

And.219 – Ankoatra ny haba mikasika ny famonoam-biby voalaza amin'ny andininy faha-215 sy ny manaraka amin'ity lalàna ity, ny Kaominina ambonivohitra sy ambanivohitra izay manana toerana famonoambiby na mitrandraka toerana famonoam-biby sy miantoka mivantana ny fanaraha-maso ny fahasalaman'ny biby ho an'ny fivarotan-kena sy ny fanaovana angesongeso-kena ary koa ny hena ohanina eo an-toerana dia afaka mandray ny haba mikasika ny fitsirihana sy ny fisafaoana ara-pahasalamana ny biby sy hena ary ny sara momba ny fanaovana fitomboka ny hena.

And.220 – Azon'ny Kaominina atao ny mandrara ny famonoana biby ho an'ny fivarotan-kena ivelan'ireo toerana ireo, raha tsy hoe nahazo alalana manokana avy amin'ny Ben'ny tanàna raha tahiny ka nisy fepetra mazava momba ny fandoavan'ny mpisitraka izany mialoha ny haba mikasika ny famonoam-biby ary manaraka ny fameperana mikasika ny fitsirihana ara-pahasalamana ny biby sy hena amin'ny fivarotan-kena.

Azony atao ihany koa ny mandrara ny fidiran'ny hena entina mandehandeha ao anatin'ny fari-piadiany.

And.221 - Ferana toy izao manaraka izao ny taha farany ambony amin'ny haba mikasika ny fitsirihana sy fanaovana fitomboka ny hena isaky ny biby :

Karazam-biby	Habetsahany amin'ny ariary
Soavaly	5.000
Omby	5.000
Kisoa	5.000
Ondry na osy	5.000

And.222 – Aloa mialoha ny haba mikasika ny famonoam-biby ary anomezana rosia misy sosony.

Ny tsy fandoavana ny haba dia hosaziana amin'ny lamandy avo dimy heny amin'ny sara tsy naloa, tsy tohinina ny fandoavana ny haba tokony ho naloa tamin'ilay vondrombahoaka, nalaina araka ny fepetra mitovy amin'ny haba fototra.

And.223 - Ny haba mikasika ny fitsirihana sy fanaovana fitomboka ny hena dia raisina ho an'ny Kaominina.

Zana-tsokajy 5 : Ny amin'ny sara mikasika ny fivezivezen'ny biby toy ny omby sy kisoa

And.224 - Ny saram-panomezana ireo singan-taratasy takian'ny didy aman-pitsipika manankery ho amin'ny fivezivezen'ny omby sy ny kisoa dia raisina ho an'ny Kaominina niaingana.

And.225 - Ny habetsahana farany ambony amin'ny sara fanomezana pasipaoron'ny biby miala avy amin'ny kaominina iray makany amin'ny iray hafa dia ferana ho 10.000 Ariary isaky ny pasipaoro no omena ary 1.000 Ariary isam-biby voasoratra ao amin'ny pasipaoro.

Ny pasipaoro omena ny tompon'ny omby miova kijàna dia tsy akàna sara isaky ny biby.

And.226 - Ny habetsahana farany ambony amin'ny sara fanomezana ny tapakila fiovan-tompo na ny solony dia ferana ho 1.000 Ariary.

And.227 – Ny haba dia aloa mialoha ny fahazoana ny antontan-taratasy ary anomezana rosia misy sosony.

Ny tsy fandoavana ny haba dia saiziana amin'ny lamandy avo dimy heny

amin'ny saran'ny haba tsy naloa, tsy tohinina ny fandoavana ny haba fototra.

Zana-tsokajy 6 : Ny amin'ny tamberim-bidy mikasika ny fakana ranon-tany, fasika ary vato

And.228 – Ny fitrandrahana rehetra ranon-tany, fasika na vato ao anaty farim-piadidiana Kaominina iray dia andoavana tamberim-bidy ho an'ny Kaominina sy ny Faritra misy ny toerana anaovana ny fangalana.

Ferana toy izao ny taha farany ambony amin'ny tamberim-bidy azo avy amin'ny fitrandrahana ranon-tany, fasika ary vato :

Karazany	Habetsahany
Tany	Ar 500/m3
Fasika	Ar 2.000/m3
Vato	Ar 3.000/m3

Ny lazam-bidin'ny tamberim-bidy mikasika ny fakana ranon-tany, fasika ary vato dia ferana amin'ny alalan'ny fanapahana avy amin'ny Filankevim-paritra.

.Tsinjaraina toy izao manaraka izao ny tamberim-bidy mikasika ny fakana ranon-tany, fasika ary vato :

- 60% ho an'ny Kaominina ;
- 40% ho an'ny Faritra.

Zana-tsokajy 7 : Ny amin'ireo tamberimbidy sy vola alaina amin'ny vokatry ny fambolena, ny ala, ny jono, ary ny fiompiana.

And.229 - Ny vokatry ny fambolena, ny ala, ny jono, ary ny fiompiana natao haondrana dia

iharan'ny tamberim-bidy ho an'ny Kaominina, ny Faritra ary ny Faritany.

Ny lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana no mametra isan-taona ny lazam-bidin'izany.

And.230 - Ny vokatry ny fambolena, ny ala, ny jono, ary ny fiompiana natao hamidy eto amin'ny tsena anatin'ny dia iharan'ny fakana vola ho an'ny Kaominina, ny Faritra ary ny Faritany.

Fanapahana raisin'ny Filankevim-paritany no mametra isan-taona ny lazam-bidin'izany.

And.231 – Tsinjaraina toy izao manaraka izao ny tamberimbidy sy ny vola alaina amin'ny vokatry ny fambolena, ny ala, ny jono, ary ny fiompiana :

- ▮ 50% ho an'ny teti-bolan'ny kaominina,

- 30% ho an'ny teti-bolan'ny Faritra,
- 20% ho an'ny teti-bolan'ny Faritany.

Zana-tsokajy 8 : Ny amin'ny tamberim-bidy mikasika ny famoriana sy ny fanodinana ny fako avy any an-tokantrano ary ny fanariana rano maloto

And.232 - Ny fanangonana sy ny fanodinana ireo fako avy any an-tokantrano ary ny fanariana rano maloto dia iharan'ny fandoavana vola.

Azon'ny Kaominina atao ny mandany isan-taona ny fampiharana ny vola fandoa amin'ny fanangonana sy ny fanodinana ireo fako avy any an-tokantrano ary ny fanariana rano maloto, kajiana miainga avy amin'ny fototra fandoavana ny hetran-trano.

And.233 – Tokony hitakiana izany vola fandoa izany amin'ny anaran'ny tompon-trano na ny mpisitraka, ary raha tsy misy izany dia ny olona mampiasa ny trano :

- Ireo fanana-mifaka andoavana hetran-trano ;
- Ireo fanana-mifaka misitraka ny fanafahana vonjimaika ary koa ireo misitraka ny fanafahana maharitra hetran-trano ary natao ho trano fonenana.

And.234 – Ny lazam-bidy isan-taona mikasika ny vola fandoa dia lanian'ny rantsana mpanapa-kevitra ao amin'ny Kaominina, nefa tsy mahazo mihoatra ny 5%.

And.235 – Ampandoavina tataon-ketra dimampolo isan-jato (50%) amin'ny habetsahan'ny vola fandoa ireo mpampiasa ny tambazotra fanadiovana ka miteraka fandotoana manokana ny faika ariany, ankoatra ny sazy ampiarina noho ny tsy fanarahana ireo fitsipika manan-kery mikasika ny fikarakarana mialoha ny faika mandoto.

Ampiharina ihany koa izany tataon-ketra dimampolo isan-jato (50%) izany amin'ireo indostria, orin'asa fanaovana asa Tanana, toeram-piasana izay mamoaka rano maloto misy vokatra mandoto na tsy mety levona toy ny akoranafo sy ny zavatra vita aminy, ireo loko sy akora simika hafa.

And.236 - Ampiharina amin'ny vola fandoa mikasika ny fanangonana sy ny fanodinana ireo fako avy any an-tokantrano ary ny fanariana rano maloto ireo fepe-dalàna rehetra na izany mikasika ny fanaovana tomban-ketra sy famoriana ny hetran-trano.

Sokajy 4 : Fepetra samihafa

And. 237 – Ireo fepe-dalàna na fitsipika ampiarina ankehitriny mahakasika ny loharanom-bolan'ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana, ary koa ny toromarika izay mameno azy dia mbola azo ampiarina mandrapamoahana

hanan-kery ity lalàna ity.

And.238 – Mandram-pametraka tanteraka ireo vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana rehetra araka ny voalazan'ity lalàna ity, ny loharanom-bola izay natokana ho an'ny vondrombahoakamparitra itsinjaram-pahefana mbola tsy amperin'asa dia atolotra ho an'ireo vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana mandrafitra izany izay efa tafapetraka.

LOHATENY VI : NY AMIN'NY FIFIDIANANA ISAM-PARITRA

TOKO VOALOHANY : FEPETRA ANKAPOBE

And.239 – Ny fifidianana any amin'ny kaominina, Faritra sy ny Faritany dia fehezin'ny fepetra voalaza amin'ity lohateny ity.

And.240 – Ny Lehiben'ny mpanatanteraka sy ny mpikambana ao amin'ny rantsana mpanapa-kevitra ao amin'ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana dia fidiana amin'ny alalan'ny latsabato ataon'ny daholobe, ho an'ny fotoam-piasana efa-taona (04).

Sokajy voalohany : Ny amin'ny lisi-pifidianana

And.241 – Araka ny fepetra voalazan'ny andinin'ny faha-34 andalana voalohany ao amin'ny lalàna fehizoro laharana faha 2012-005 tamin'ny 22 martsa 2012 anaovana ny fehezan-dalàna momba ny fifidianana, ny lisi-pifidianana ampiasaina amin'ny fifidianana any amin'ny kaominina dia izay natao noho ny fanavaozana isan-taona sy nofaranana tanteraka ny 15 aprily.

And.242 – Ny Filohan'ny fitsarana ambaratonga voalohany nampafantarina mivantana araka ny fepetra faritan'ny andininy faha-31 amin'io fehezan-dalàna io, dia afaka manapaka hatramin'ny faha-dimy amby folo andro mialoha ny latsa-bato mikasika ny fitarainan'ireo olona milaza fa tsy voasoratra anaty lisi-pifidianana.

Sokajy 2 : Ny amin'ny fanaikàna ny mpifidy handatsa-bato

And. 243 – Didim-panjakana raisina eo amin'ny Filan-kevitra ny Governemanta no anaikàna ny mpifidy handatsa-bato.

And. 244 – Ny didim-panjakana anaikàna ny mpifidy handatsa-bato dia ampahafantarina ny daholobe amin'ny fomba rehetra, indrindra amin'ny alàlan'ny haino aman-jery, ankoatra ny famoahana azy amin'ny Gazetim-panjakan'ny Repoblika.

Tokony ho faritana ny anton'ny fiantsoana ary koa ny andro, ny ora fanombohana sy fiasaran'ny latsa-bato.

Sokajy 3 : Ny amin'ny fepetra fahafahana hofidiana na tsia

And.245 – Ny olom-pirenena rehetra manana zo hifidy dia azo fidina ho mpikambana ao amin'ny Filan-kevitra na ho Lehiben'ny rantsana mpanatantanteraka amin'ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana araka ny fepetra manaraka etoana :

1. mizaka ny zom-pirenena malagasy ;
2. mizaka ny zo isam-batan'olona sy ny zo ara-politika ;
3. voasoratra amin'ny lisi-pifidianana amin'ny fari-pifidianana eto amin'ny tanim-pirenena ;
4. tsy mbola nisazy noho ny heloka bevava na noho ny fahadisoana afatsy ny fandikan-dalàna voalaza ao amin'ny andininy faha 319 sy 320 ao amin'ny fehezan-dalàna famaizana raha tsy hoe ireo fandikan-dalàna ireo dia mifampitohy na miara-miseho amin'ny fahadisoana natao teo am-pamiliana ao anatin'ny hamamoana na hadisoana miaro fandosirana;
5. ara-dalàna eo anatrehan'ny lalàna sy ny fitsipika momba ny hetra ary nahaloha, indrindra ny hetra sy haba rehetra azo takiana isan-karazany nandritra ny telo taona mialoha.

And.246 – Tsy azo fidina :

1. ireo olona miatrika filan-kevi-pitsaràna ;
2. ireo olona nodidian'ny fitsarana ho verezin-jo tsy azo fidina noho ny fampiharana ny lalàna manome fahefana hanaisotra izany zo izany ;
3. ireo olona voaheloka tanteraka raha toa ny fanamelohana ka misakana tanteraka ny fanoratana azy ireo amin'ny lisi-pifidianana.

And.247 – Ireo olona izay nahazo fanamelohana mandrara azy anaty ny fotoana tsy maharitra tsy hosoratana ao anatin'ny lisi-pifidianana dia tsy azo fidina mandritra ny fotoana avo roa hen'ny fepotoana tsy ahafahany misoratra ao anaty lisi-pifidianana.

And.248 – Ny olo-meloka dia tsy azo fidina mandritra ny dimy amby folo taona, manomboka amin'ny vanin'andro nahatonga ny fanamelohana ho raikitra, raha misy ny fanamelohana noho ny heloka bevava na fahadisoana natao tamin'ny zo iombonana na hosoka momba ny fisoratana anarana ao amin'ny lisi-pifidianana sy amin'ny fampiasana ny zo handatsa-bato, noho ny hosoka teo amin'ny fitsipika mifehy ny fampielezan-kevitra, na noho ny fanakatsakanana ny fahalalahana sy ny fahamarinan'ny latsa-bato, noho ny fanaovana kolikoly na ny herisetra momba ny fidianana.

Raha toa ka olom-boafidy tamin'ny fifidianam-panjakana nofoanana ilay voaheloka, ny fe-potoana dimy amby folo taona voalazan'ny andalana etsy ambony dia manomboka amin'ny vaninandron'ny fanafoanana.

And.249 – Ireo vahiny mizaka ny zom-pirenena dia tsy azo fidina raha

tsy aorian'ny fe-potoana folo taona manomboka amin'ny vaninandron'ny didim-panjakana nampizaka azy ny zom-pirenena.

Na izany aza anefa, izany fepetra izany dia tsy ampiharina:

- ▮ amin'ny vahiny mizaka ny zom-pirenena izay nahatontosana tanteraka tao amin'ny fanompoam-pirenena ny fotoanan'ny fanompoam-pirenena mifandray amin'ny sokajin-taonany;

- ▮ amin'ny vahiny mizaka ny zom-pirenena izay nahafeno ny fepetra voalazan'ny andininy faha 39 amin'ny fehezana-dalàna momba ny zom-pirenena Malagasy.

And.250 – Ireo vehivavy izay nahazo ny zom-mpirenena Malagasy noho ny fanambadiana dia tsy azo fidiana raha tsy aorian'ny fe-potoana folo taona manomboka amin'ny vaninandro izay nahazoany izany raha tsy azo anaovana fanoherana intsony izany.

And.251 – Tsy azo fidiana ihany koa ireo mpiantoka na mpandraharaha raha toa izy ireo ka voafatotra amin'ny alalan'ny fifanarahana izay mametraka azy ireo amin'ny fomba maharitra ao anatin'ny fiankinana sy tombontsoa amin'ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana.

Sokajy 4 : Ny amin'ny tsy fahazoana mampirafy asa sy ny amin'ny fionganana

Paragrafy voalohany : Ny amin'ny tsy fahazoana mampirafy asa

And.252 – Ny asa maha-olom-boafidy eny anivon'ny faritra dia tsy azo ampirafesina amin'ny fisahanana asa rehetra hafa maha olomboafidimbahoaka.

Tsy azo atao ny mampivady ny andraikitry ny mpikambana amin'ny Filankevitry ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana iray amin'ny asan'ny Lehiben'ny mpanatanateraka.

Tsy misy na iza na iza afaka milatsaka hofidina ho mpikambana amin'ny Filankevitry sady ho Lehiben'ny mpanatanateraka amin'ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana iray.

And.253 – Ny asa maha Mpanolotsaina sy ny asan'ny Lehiben'ny mpanatanateraka amin'ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana dia tsy azo ampirafesina amin'ny fisahanana ireto andraikitra ireto:

- ▮ Mpikambana amin'ny Andrim-panjakan'ny Repoblika ;
- ▮ Mpikambana ao amin'ny Fitsarana avo momba ny Lalàmpanorenana ;
- ▮ Mpanelanelana eo anivon'ny Repoblika ;
- ▮ Mpitsara ao amin'ny Fitsarana sy ny Tribonaly;

– Mpikambana ao amin'ny rafi-pirenena mahaleotena misahana ny fitantanana ny raharaha rehetra momba ny fifidianana na amin'ny rantsa-mangaikany;

– Mpikambana amin'ny rantsa-mangaikany na andrim-panjakana hafa voafaritry ny Lalàmpanorenana.

And.254 – Afa-tsy ny fampianarana, ny andraikitra maha Lehiben'ny mpanatanateraka amin'ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana dia tsy azo ampirafesina amin'ny fisahanana asam-panjakana rehetra.

And.255 – Ny Lehiben'ny rafitra mpanatanateraka voafidy ka voakasiky ny tsy fahazoana mampirafy asa voalaza amin'izao toko izao dia tokony hametra-pialana amin'ireo asa aman'andraikitra tsy azo ampirafesina amin'ny asa maha Lehiben'ny mpanatanateraka azy ao anatin'ny telopolo andro nandraisany ny asany, na raha misy fanoherana ny fifidianana manomboka ny vaninandron'ny fanapahan'ny fitsarana mahefa, raha toa ka misahana asampanjakana izy dia tokony hangataka ny hapetraka amin'ny toerana manokana voafaritry ny sata mifehy azy. Raha tsy misy izany dia heverina ho toy ny nametra-pialana izy.

Ny Lehiben'ny mpanatanateraka nanaiky nandritra ny fe-potoana iasany hisahana asa tsy azo ampirafesina, na nandika ny fepetra voalazan'izao toko izao, dia ambara ho toy ny mametra-pialana avy hatrany ihany koa, afa-tsy hoe nanao izany tamin'ny nahim-pony. Izany anefa tsy miteraka ny tsy fahazoan'ilay voakasika milatsaka ho fidina.

And.256 – Tsy azo atao ny mampirafy ny asa maha mpikambana amin'ny Filan-kevitra na maha Lehiben'ny mpanatanateraka amin'ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana amin'ny asa andraisan-karama avy amin'ny vondrombahoakam-paritra, afa-tsy ny hoe mpiasampanjakana na mpiasa tsy miankina tsy mandray afa-tsy tambin-karama avy amin'ilay vondrombahoakam-paritra noho ny asa nataony teo ampanatanterahana ny andraikiny.

Paragrafy 2 : Ny amin'ny fanonganana

And. 257 – Aongana avy hatrany tsy ho olom-boafidy eo an-toerana izay hita fa marina ny tsy fahazoany milatsaka ho fidina taorian'ny fanambarana ny voka-pifidianana sy taorian'ny fahataperan'ny fe-potoana ahazoana mitsipaka ny fifidianana, na izay nahitana, nandritra ny fe-potoana niasany, ny iray amin'ireo trangan-javatra tsy ahazoana milatsaka hofidina, na koa very ny iray amin'ireo fepetra ahazoana milatsaka hofidina voalazan'ity lohateny ity.

And.258 – Aongana amin'ny asany ihany koa ny olom-boafidy rehetra eo an-toerana izay tsy manaraka ny fepetra fampitana ny asa voalazan'ny andininy faha-69 etsy ambony na niharan'ny fanamelohana raikitra ahitana araka ny didy aman-dalàna manan-kery, ny fanesorana ny zo hofidina.

And.259 – Na ahoana na ahoana, ny fanonganana dia ambaran'ny na ny Solontenam-panjakana any amin'ny Faritra mahefa na izay mety mpifidy rehetra ao amin'ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana, voasoratra amin'ny

lisi-pifidianana ampiasaina amin'ny fifidianana isam-paritra sy nandray anjara feno tamin'ny latsa-bato, amin'ny alàlan'ny fanapahana ataon'ny fitsarana mahefa amin'ny alàlan'ny fitoriana.

And.260 – Ny mpiasam-panjakana manam-pahefana, sivily na miaramila, maniry hilatsaka hofidina, dia atsahatra amin'ny asany manomboka amin'ny vaninandro namoahana amin'ny fomba ofisialy ny lisitry ny mpilatsa-kofidina. Raha toa ka voafidy izy, dia heverina ho toy ny nafindra hanao asa hafa, telopolo andro raha tara indrindra aorian'ny fanambarana amin'ny fomba ofisialy ny voka-pifidianana.

Raha toa ka tsy voafidy izy, na aorian'ny fahataperan'ny fe-potoana iasany, dia averina avy hatrany amin'ny asany eo amin'ny departemanta nisy azy teo aloha.

And.261 – Ireo manam-pahefana ara-politika mpilatsa-kofidina amin'ny fifidianana isam-paritra dia ambara ho mametra-pialàna avy hatrany amin'ny asany manomboka ny vaninandro amoahana ny lisitra ofisialin'ny mpilatsa-kofidina, araka ny fepetra voalazan'ny Fehezandalàna mikasika ny fifidianana.

And.262 – Didim-panjakana raisina eo amin'ny Filankevitry ny Governemanta no mamaritra ny lisitr'ireo mpiasam-panjakana manam-pahefana sy manam-pahefana ara-politika voalazan'ny andininy faha-260 sy faha-261 etsy ambony.

Sokajy 5 : Ny amin'ny filatsahan-kofidina

Paragrafy voalohany : Ny amin'ny fanolorana ny filatsahan-kofidina

And. 263 – Azon'ny olom-pirenena rehetra mizaka ny zon'ny isambatan'olona sy politika atao ny milatsaka hofidina ho mpikambana amin'ny Filan-kevitra na ho Lehiben'ny rafitra mpanatanteraka amin'ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana iray, araka ny fepetra voalazan'ity lalàna ity.

And.264 – Ny antoko politika rehetra mitsangana ara-dalàna, ny vondron'antoko politika rehetra, ny vondron'olona mahaleo tena rehetra mitsangana ara-dalàna na tsia, mizaka ny zon'ny isambatan'olona sy politika, dia afaka manolotra filatsahan-kofidina ho mpikambana amin'ny Filankevitry na ho Lehiben'ny mpanatanteraka amin'ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana isaky ny fari-piadiidiam-pifidianana.

Tsy azo sintonina intsony ny antontan-taratasy filatsahan-kofidina raha vao voapetraka, ary tsy azo soloina afa-tsy hoe misy fanafoanana filatsahan-kofidina na fahafatesan'ny mpilatsa-kofidina araka ny voafaritry ny andininy faha-280 sy faha-281 amin'ity lalàna ity.

Tsy azon'izy ireo atao ny manolotra lisitra mpilatsa-kofidina mihoatra ny iray ao anatin'ny fari-piadiidiam-pifidianana iray.

And.265 – Tsy misy na iza na iza afaka milatsaka hofidina amin'ny anaran'ny antoko politika iray na ny vondron' antoko politika na vondron'olona mahaleo tena iray.

Tsy misy na iza na iza afaka milatsaka hofidina ao anatin'ny fari-pifidianana mihoatra ny iray.

Raha toa ka misy fametrahana lisitra mpilatsa-kofidina maromaro dia izay napetraka voalohany ihany no manan-kery.

And.266 – Tsy misy na iza na iza afaka misoratra ho mpilatsa-kofidina na ho mpisolo toerana amin'ny fanambarana filatsahan-ko fidina maromaro.

And.267 – Tsy azon'ny lisitra mpilatsa-kofidina atao ny mampiasa ny anarana, ny famantarana na ny lokon'ny antoko politika hafa na vondron'olona hafa.

And.268 – Didim-panjakana raisina eo amin'ny Filan-kevitra ny Governemanta no mamaritra ny fe-potoana fametrahana ny antontan-taratasy filatsahan-kofidina eny amin'ny solontena ifotony ao amin'ny rafi-pirenena mahaleotena miandraikitra ny fikarakarana sy ny fitantanana ny raharaham-pifidianana ary koa ny modelin'ireo singan-taratasy voalazan'ny andininy faha-272 amin'izao lalàna izao.

Paragrafy 2 : Ny amin'ny lisitry ny mpilatsa-kofidina

And.269 – Tokony hisy mpilatsa-kofidina mitovy isa amin'ny toerana hozaraina ampiana mpisolo toerana telo ny lisitry ny mpilatsa-kofidina, raha tsy izany dia tsy azo raisina.

And.270 – Ny lisitra misy ny sonia voamarina ara-dalàna an'ireo mpilatsa-kofidina tsirairay sy ny mpisolo toerana dia faranan'ny nomem-pahefana ao amin'ny lisitra. Ampiarahana amin'ny fanambarana itambaran'ireo mpilatsa-kofidina, ny fanambarana mitokana ataon'ny mpiilatsa-kofidina sy antontan-taratasy filatsahan-kofidina izany.

Ny sonia dia tsy maintsy voamarin'ny Lehiben'ny Distrika na ny Lefiny na ny tompon'andraikitra nomen'ny solontenam-panjakana fahefana, na ataon'ny Ben'ny Tanana na ny Lefiny.

Ny Sonia voamarina ara-dalàna dia manan-kery manerana ny tanin'ny Repoblika, ary atao maimaimpoana izany.

Paragrafy 3 :Ny amin'ny fanambarana sy ny antotan-taratasy momba ny filatsahan-kofidina

And.271 – Tokony hanana solontena nomem-pahefana ny lisitry ny mpilatsa-kofidina mba hanatanterahana ny raharaha rehetra mifandraika amin'ny ffidianana raha tsy izany dia tsy azo raisina.

And.272 – Atao misy sosony efatra ny antontan-taratasy filatsahan-kofidina raha tsy izany dia tsy azo raisina, ary misy :

▮ Ho an'ny lisitry ny mpilatsa-kofidina tsirairay :

- * fanambarana itambaran'ireo mpilatsa-kofidina ;
- * lasitra ao anaty akalana elektronika an'ny santionany ahitana ny famantarana mampiavaka izay apetaka eo amin'ny taratasin-datsabato tokana;

- * tapakila manamarina ny fandoavana ny fandraisana anjara amin'ny fanontana ny taratasin-datsabato avy any amin'ny fitehirizam-bolam-panjakana na teny amin'ny toerana fandraisan-ketram-panjakana;

▮ Ho an'ny mpilatsa-kofidina tsirairay misoratra ao amin'ny lisitra:

- * fanambarana ataon'ny isam-batan'olona mitokana ny filatsahan-kofidina;

- * taratasy fanamarinam-pahaterahana, na takelaka manambara ny fiankohonan'ny isambatan'olona, na dika mitovy aradalàna amin'ny kara-panondro ;

- * taratasy fanamarinana nomen'ny Fitondrahan-draharaha momba ny hetra manamarina fa ilay olona voakasik'izany dia aradalàna eo anatrehan'ny didy aman-dalàna sy fitsipika mikasika ny hetra ;

- * fanambarana tsy misy fitaka ataon'ny mpilatsa-kofidina fa efa voaloany avokoa ireo hetra sy haba rehetra notakiana taminy nandritra ny telo taona farany;

- * fanambarana tsy misy fitaka ny momba ireo fananamifaka sy fanana-manaraka rehetra an'ny mpilatsa-kofidiana ary koa ny taratasim-bolany azo amidy sy ny karazan'ny vola miditra aminy ;

- * taratasy fanamarinana ny fisoratana anarana nomen'ny rafitra miandraikitra ny fikarakarana ny fifidianana eo anivon'ny fari-pifidianana voakasika manamarina fa ny mpilatsa-kofidina dia mpifidy, ary misy ny laharana, ny datin'ny kara-pifidianany, ary koa ny toerana na ny laharan'ny birao fandatsaham-bato misy azy;

- * tsoa-tsoratra ny taratasy fitanisan-tsazy, laharana faha3.

And.273 – Ny mpilatsa-kofidina na ny solontena nomem-pahefana tsy monina ao amin'ny renivohitry ny fari-pifidianana misy ny rafi-pirenena mahaleotena misahana ny fandaminana sy ny fitantanana ny raharaham-pifidianana dia tsy maintsy manondro fonenana ao amin'io faritra farany io mba ahafahana mampahafantatra ny taratasy samihafa momba ny raharaham-pifidianana mahakasika izany.

And.274 – Ny antontan-taratasy filatsahan-kofidina dia apetraka ao

amin'ny rafitra miandraikitra ny fikarakarana ny fifidianana eo anivon'ny fari-pifidianana mahakasika ny mpilatsa-kofidina na ny solontenany nomem-pahefana.

Tsy maintsy hanomezana taratasy fanamarinana ny fametrahana izany.

Tsy azo atao ny fisintonana ny filatsahan-kofidiana aorian'ny fametrahana ofisialy ireo taratasy filatsahan-kofidiana, ary tsy azo asiam-panovana intsony ny lisitra.

Manomboka amin'ny vaninandro hamoahana amin'ny fomba ofisialy ny lisitry ny mpilatsa-kofidina voalazan'ny andininy faha-278 etsy ambany :

- ▮ dia ambara fa nametra-pialana avy hatrany ny Lehiben'ny mpanatanteraka am-perinasa izay voatàna ny filatsaha-kofidina;

- ▮ tsy afaka manao fotoam-pivoriana ny mpikambana ao amin'ny Filan-kevitra am-perinasa.

Paragrafy 4 : Ny amin'ny fandraketana an-tsoratra ny filatsahan-kofidina

And.275 – Ny taratasy filatsahan-kofidina dia tsy maintsy hamarinin'ny Rantsana antsoina hoe Rantsana miandraikitra ny Fanamarinana sy fandraketana an-tsoratra ny filatsahan-kofidina (OVEC) eo anivon'ny fari-pifidianana isan'isany.

Amin'izany, ny rafi-pirenena mahaleotena miandraikitra ny fikarakarana sy ny fitantanana ny raharaha-pifidianana dia afaka mangataka ny traikefa sy fahaiza-manaon' ireo olona manana fahalalana manokana mifanandrify amin'izany ao anatin'ny fari-piadidiana na ny fitsarana voakasika.

And.276 – Ny firafitry ny rantsana miandraikitra ny fanamarinana sy fandraketana an-tsoratra ny filatsahan-kofidina dia faritana amin'ny alalan'ny fanapahana raisin'ny Filohan'ny rafi-pirenena mahaleotena miandraikitra ny fikarakarana sy ny fitantanana ny raharaha-pifidianana.

Ny rantsana miandraikitra ny fanamarinana sy fandraketana an-tsoratra ny filatsahan-ko fidina dia mitsara ao amin'ny biraon'ny solontena ifotony ao amin'ny rafi-pirenena mahaleotena miandraikitra ny fikarakarana sy ny fitantanana ny raharaha-pifidianana, na amin'ny trano hafa miorina eo amin'ny renivohitry ny fari-piadidiampanjakana any amin'ny faritra, ka ny lisitra dia faritana amin'ny alalan'ny fanapahana raisin'ny Filohan'ny rafi-pirenena mahaleotena miandraikitra ny fikarakarana sy ny fitantanana ny raharaha-pifidianana.

Ny sora-bola ilaina ho fampandehanan-draharahan'io rantsana io dia zakain'ny tetibolan'ny filohan'ny rafi-pirenena mahaleotena miandraikitra ny fikarakarana sy ny fitantanana ny raharaha-pifidianana.

And.277 – Amin'ny alalan'ny fangatahan'ny rantsana miandraikitra ny fanamarinana sy fandraketana an-tsoratra ho amin'ny filatsahan-kofidina, ny fampanoavana eo anivon'ny Fitsarana manerana ny tanim-pirenena dia tsy

mainty manome maimaimpona ao anatin'ny valo amby efapolo ora ny taratasy fitanisantsazy laharana faha-2 amin'ny mpilatsa-kofidina.

And.278 – Ny rantsana miandraikitra ny fanamarinana sy fandraketana an-tsoratra ny filatsahan-kofidina dia tsy maintsy mamoka didy momba ireo filatsahan-kofidina nentina teo anatrehany, ao anatin'ny roa amby fitopolo ora manomboka ny vaninandro nandraisana ny antontan-taratasy tsirairay. Raha eken'ny rantsana miandraikitra ny fanamarinana sy fandraketana an-tsoratra ny filatsahan-kofidina, dia mamoka fanamarinana fandraketana an-tsoratra izy izay midika ho fanomezan-dalana hanao fampielezan-kevitra aorian'ny famoahana ny lisitra ofisialin'ny mpilatsa-kofidina ary na dia eo aza ny fepetra mikasika ny vanim-potoana fanaovana fampielezan-kevitra.

Raha toa ka hita fototra fa ny antontan-taratasy iray ka tsy mahafeno ny fepetra fahazoa-mandray didian'ny lalana sy ny fitsipika manan-kery, dia laviny amin'ny alalan'ny fanapahana omban'antonantony izay ampahafantariny tsy misy hatak'andro any amin'ny fonenana notondroin'ny mpilatsa-kofidina na ny olona nomem-pahefana izany.

Ny lisitr'ireo filatsaha-kofidina voarakitra an-tsoratra dia tsy maintsy ampahafantarina ny besinimaro amin'ny alalan'ny peta-drindrana eo ivelan'ny toeran'ny rantsana miandraikitra ny fanamarinana sy fandraketana an-tsoratra ny filatsahan-kofidina, ary tsy maintsy atao tsy ho maty paik'andro avy hatrany.

Ny dika mitovy amin'io lisitra io dia tsy maintsy ampitaina any amin'ny rafi-pirenena mahaleotena miandraikitra ny fikarakarana sy ny fitantanana ny raharaha-pifidianana amin'ny fomba haingana indrindra.

Ny rafi-pirenena mahaleotena miandraikitra ny fikarakarana sy ny fitantanana ny raharaha-pifidianana dia voasolo tena amin'ny fotoanan'ny fandinihana ny antontan-taratasy sy ny famoahana ny vokapifidianana.

And.279 – Ao anatin'ny fe-potoana valo amby efapolo ora manomboka ny nampahafantarana ny fanapahana nataon'ny rantsana miandraikitra ny fanamarinana sy ny fandraketana an-tsoratra ny filatsahan-kofidina, ny olona nomem-pahefana ao amin'ny lisitra izay nolavina ny filatsahan-kofidina, dia afaka mampahafantatra ny rafi-pirenena mahaleotena miandraikitra ny fikarakarana sy ny fitantanana ny raharaham-pifidianana amin'ny alalan'ny fanambarana an-tsoratra tsotra.

Ao anatin'ny fe-potoana valo amby efapolo ora manomboka ny vaninandro naharaisana ny fanambarana no hamaliany izany.

Ny fanapahana noraisin'ny rafi-pirenena mahaleotena miandraikitra ny fikarakarana sy ny fitantanana ny raharaham-pifidianana dia azo anaovana fitarainana eo anivon'ny Fitsarana misahana ny ady ifanaovana amin'ny Fanjakana ao anatin'ny fe-potoana valo amby efapolo ora manomboka ny vaninandro ampahafantarana ny fanapahana tamin'ny mpanao fitarainana.

Ny Fitsarana misahana ny ady ifanaovana amin'ny Fanjakana dia tsy maintsy mamoka didy ao anatin'ny valo amby efapolo ora manaraka ny naharaisana ny antontan-taratasy.

Raha toa ny fanapahana noraisin'ny rafi-pirenena mahaleotena miandraikitra ny fikarakarana sy ny fitantanana ny raharaham-pifidianana na ny didim-pitsarana navoakan'ny Fitsarana misahana ny ady ifanaovana amin'ny Fanjakana ka manaiky ny fandraketana an-tsoratra ny filatsahan-kofidina iray, dia hampahafantarina ny Filohan'ny rafi-pirenena mahaleotena miandraikitra ny fikarakarana sy ny fitantanana ny raharaham-pifidianana izay mampahalala avy hatrany ny nomem-pahefana eo amin'ny fonenana notondroina, ary raha toa ka misy, any amin'ny antoko na vondrona politika na firaisan'antoko politika voakasik'izany.

And.280 – Raha misy fanafoanana filatsahan-kofidina, ny antoko politika, ny vondron'antoko politika na ny vondron'olona mahaleo tena nanolotra izany dia manana fe-potoana valo amby efapolo ora manomboka amin'ny fampahafantarana amin'ny fomba haingana indrindra ny fanapahana, mba hanolorany ny filatsahan-kofidina vaovao sy farany hasolo ny teo aloha, araka ny fepetra voalazan'ny andininy faha-272 sy manaraka etsy ambony.

Amin'izany tranga izany, dia misy fe-potoana fanampiny telo andro omena ny Rantsana miandraikitra ny Fanamarinana sy Fandraketana ny filatsahan-kofidina.

And.281 – Raha misy fahafatesan'ny mpilatsa-kofidina iray ao amin'ny lisitry ny mpilatsa-kofidina, mialoha ny fahataperan'ny fe-potoana fametrahana ny antontan-taratasy filatsahan-kofidina, ny lisitra dia afaka manendry sy manolotra mpilatsa-kofidina vaovao hisolo ny mpilatsa-kofidina maty ao anatin'ny fe-potoana valo amby efapolo ora manomboka amin'ny andro nahafatesany.

Raha toa ka ilaina dia manana fe-potoana fanampiny ny Rantsana miandraikitra ny Fanamarinana sy fandraketana an-tsoratra ny Filatsahan-kofidina, araka ny voalazan'ny andininy faha-280 etsy ambony.

Raha toa ka mitranga ny fahafatesana aorian'ny ny fe-potoana aradalàna fametrahana ny antontan-taratasy filatsahan-ko fidina, dia mijanona ho manankery foana ny lisitra, ka ny mpilatsa-kofidina maty dia soloin'izay manaraka azy ao amin'ny lisitra.

And.282 – Raha vao tapitra ny raharaha, dia ampitain'ny Filohan'ny Rantsana miandraikitra ny Fanamarinana sy Fandraketana an-tsoratra ny Filatsahan-kofidina any amin'ny rafi-pirenena mahaleotena miandraikitra ny fikarakarana sy ny fitantanana ny raharaham-pifidianana izay mamarana isaky ny rafi-pifidianana ny lisitra raikitry ny mpilatsahan-kofidina, miaraka amin'ny fanondroana ny toetoetra mampiavaka azy ireo avy, ny sosony iray amin'ny antontan-taratasy filatsahan-kofidina tsirairay. Ireo lisitra ireo dia havoaka ao amin'ny Gazetim-panjakan'ny Repoblika ampahafantarina ny mpifidy amin'ny alalan'ny fampielezam-peo sy fahitalavitra.

Ny dika mitovy amin'ny lisitra raikitry ny mpilatsa-kofidina io dia alefa any amin'ny Fitsarana misahana ny ady ifanaovana amin'ny Fanjakana.

Sokajy 6 : Ny amin'ny taratasin-datsabato tokana sy ny birao fandatsaham-bato

Paragrafy voalohany : Ny amin'ny taratasin-datsabato tokana

And.283 – Ny fepetra fanontana ny taratasin-datsabato dia ireo izay voafaritry ny Fehezan-dalàna momba ny fifidianana ao amin'ny andininy faha-54 ka hatramin'ny faha-56.

And.284–Araka ny fepetra voalazan'ny andininy faha-55 amin'ny Fehezan-dalàna momba ny fifidianana, ny Fanjakana no manonitra ny fandraisana anjara amin'ny sara fanontana ny taratasin-datsabato tokana amin' ireo antoko politika, vondrona politika na firaisan' antoko politika, na vondron'olona mahaleotena nanolotra ny lisitry ny mpilatsa-kofidina sy nahazo 10% farafahakeliny tamin'ny vato manan-kery, araka ny fombafomba nofaritan'ny didim-panjakana noraisina teo amin' ny Filan-kevitry ny Governementa.

Paragrafy 2 : Ny amin'ny birao fandatsaham-bato

And.285 – Ny lisitra sy ny fametrahana ny birao fandatsaham-bato dia faritana amin'ny alalan'ny fanapahana ataon'ny rafi-pirenena mahaleotena miandraikitra ny fikarakarana sy ny fitantanana ny raharaham-pifidianana ka hijerena ny hamaroan'ny mpifidy sy ny toeram-ponenany, enimpolo andro farafahakeliny mialoha ny vaninandro anaovana ny latsabato. Ampahafantarina ny besinimaro amin'ny fomba rehetra izany lisitra sy fametrahana birao izany.

Izay fanovana rehetra atao amin'io lisitra io, noho ny antony tsy azo anoharana, dia tsy maintsy andraisana fanapahana fanitsiana izay tsy maintsy raisina valo amby efapolo ora farafahakeliny mialoha ny andro anaovana latsabato ary ampahafantarina ny besinimaro amin'ny fomba rehetra.

Sokajy 7 : Ny amin'ny raharaham-pifidianana

Paragrafy voalohany : Ny amin'ny fampielezan-kevitra

And.286 – Ny faharetan'ny fampielezan-kevitra dia :

- ▢ dimy amby-folo andro ho an'ny fifidianana any amin'ny Kaominina ;

- ▢ iraika amby roapolo andro kosa ho ny an'ny fifidianana any amin'ny Faritra sy ny Faritany.

Ny fampielezan-kevitra dia mifarana efatra ambi-roapolo ora mialohan'ny andro anaovana ny latsabato.

And.287 – Ny fepetra ankapobe momba ny fampielezan-kevitra, ny

peta-drindrina sy ny fanaovana fivoriana mikasika ny fifidianana dia faritan'ny Fehezan-dalàna momba ny fifidianana sy ireo rijan-teny noraisina ho fampiharana an'izany.

And.288 – Ny rafi-pirenena mahaleotena miandraikitra ny fikarakarana sy ny fitantanana ny raharaham-pifidianana no miantoka ny fitsinjarana aradriny ny fotoana itenenana maimaimpoana na andoavam-bola ary koa ny fandaharana momba ny fanaparahana ao amin'ny Radiom-pirenena Malagasy sy ny Televizionam-pirenena Malagasy na any amin' ireo masoivohom-paritra, araka ny voalazan'ny Fehezan-dalàna momba ny fifidianana, mba hahafahan'ny mpilatsa-kofidina tsirairay manazava ny fandaharanasany amin'ny mpifidy. Toy izany koa ny fampiasana ireo toerana sy tranom-panjakana nazahoan-dàlana.

Ny fitsinjarana sy ny fandaharana voalazan'ny andalana etsy aloha, eo ampiandohan'ny fampielezan-kevitra ary an-tsapaka, dia ataon'ny solontena ifotony ao amin'ny rafi-pirenena mahaleotena miandraikitra ny fikarakarana sy ny fitantanana ny raharaham-pifidianana eo anatrehan'ny mpilatsa-kofidina na ny solontenany. Na toy inona na toy inona, tsy zary sakana ny fanatanterahana ny an-tsapaka mihitsy ny tsy fanatrehan'ny mpilatsa-kofidina na ny solontenany.

Ankoatra ny fotoam-pandaharana maimaimpoana na andoavam-bola ao amin'ny Radiom-pirenena sy ny Televizionam-pirenena Malagasy na ireo masoivohony any amin'ny Faritra araka ny voalazan'ny andalana etsy ambony, ary eo anivon'ny masoivohon'ny Radio sy Televiziona tsy miankina amin'ny Fanjakana, dia malalaka ny fandefasana fandaharana manana endrika fampielezankevitra.

Na toy inona na toy inona, ny haino aman-jery tsy miankina dia tsy afaka mandà ny fangatahana fandaharana sy fandefasana fandaharana andoavam-bola eo amin'ny sehatry ny fampielezan-kevitra.

Ny fandefasana dokam-barotra tselatra sy vaovao mahakasika ny fampielezan-kevitra dia tokony hanaja, araka ny azo atao, ny foto-kevitra momba ny fitovian'ny herijika amin'ireo mpilatsaka ho fidina.

Paragrafy 2 : Ny amin'ny fanisam-bato

And.289 – Ny rafi-pirenena mahaleotena miandraikitra ny fikarakarana sy ny fitantanana ny raharaham-pifidianana no mamaritra amin'ny alalan'ny fanapahana ny toerana sy ny firafitry ny Sampana miandraikitra ny Fanisam-bato (SRMV).

And.290 – Ataon'ny filohan'ny birao fandatsaham-bato anaty valopy mihidy eo anatrehan'ireo nanao sonia ny fitanana an-tsoratra :

- ▢ ny fitanana an-tsoratra ny raharaham-pifidianan'ny birao fandatsaham-bato tsirairay ;
- ▢ ireo lisi-pifidianana voasonia ;
- ▢ ireo vato manan-kery ;

- ┐ ireo vato fotsy sy maty ;
- ┐ ireo vato notsipahina ;
- ┐ ireo taratasy fanisam-bato sy nanamarihana ;
- ┐ ary raha misy :
 - * ireo taratasy nanomezan-pahefana an'ireo solontena ;
 - * ireo taratasy fanamarinana ho an'ireo mpanara-maso ;
 - * ny baiko fanirahana ny mpiasam-panjakana ;
 - * ireo vato noesorina vita sonia fanamarinana ao anaty fonosana mihidy sy rangopohin'ireo mpiakambana ao amin'ny birao fandatsaham-bato.

Ny fonosana mihidy dia alefan'ny Filohan'ny birao fandatsaham-bato, ny solontenan'ny rafi-pirenena mahaleotena miandraikitra ny fikarakarana sy ny fitantanana ny raharaham-pifidianana sy ny Sefom-pokontany, amin'ny fomba haingana indrindra, any amin'ny filohan'ny Sampana miandraikitra ny fanisam-baton'ny solontena ifotony ao amin'ny rafi-pirenena mahaleotena miandraikitra ny fikarakarana sy ny fitantanana ny raharaham-pifidianana izay hany manana fahefana hanokatra izany fonosana izany eo anatrehan'ireo mpikambana eo anivon'izany sampana miandraikitra ny fanisam-bato izany.

And.291 – Arakaraka ny fahatongavan'ny fonosana mirakitra ireo taratasim-pifidianana, no hanatanterahan'ny Sampana miandraikitra ny fanisam-bato, avy hatrany sy ampahibemaso, ny fanisam-bato.

Ny andraikiny dia miompana indrindra amin'ny fanamarinana ireto :

- ┐ ny ao anatin'ny fonosana mihidy avy amin'ny birao fandatsaham-bato;
- ┐ ny fikajiana samihafa nataon'ireo biraom-pifidianana ;
- ┐ ireo taratasin-datsabato nolazain'ny biraom-pifidianana fa maty sy fotsy;
- ┐ ireo taratasin-datsabato notsipahina.

Tsy manam-pahefana hanitsy na hanova ny vokatra, izy dia manao fitàna an-tsoratra izay fizahana fototra nataony, ary indrindra ireo fahadisoana na tsy fanarahan-dalàna notsimponiny isaky ny biraom-pifidianana.

Marihiny ao anatin'io fitàna an-tsoratra io ny trangan-javatra, singa rehetra, ny tsy fetezana rehetra izay azony notsimponina tao amin'ireo antontan-taratasy, isaky ny biraom-pifidianana. Raha noho ny antony tsy azo anoharana, ka tsy tonga tany amin'ny Sampana misahana ny fanisam-bato ny vokatra avy amin'ny biraom-pifidianana iray na maromaro, dia manao fitàna an-tsoratra momba izany lesoka izany izy.

Manomboka amin'ny naharaisana ny fonosana farany avy any amin'ny biraom-pifidianana, izy dia tsy maintsy mandefa anaty fonosona mihidy, ao anatin'ny fe-potoana efatra ambiroapolo ora, any amin'ny rafi-pirenena

mahaleotena misahana ny fikarakarana sy ny fitantanana ny raharaham-pifidianana, miaraka amin'ny fitànana an-tsoratra ny asany.

Ny dika mitovy amin'ny fitànana an-tsoratra ny asa vitan'ny Sampana misahana ny fanisam-bato sy izay mety ho fitànana an-tsoratra mikasika ny lesoka izay nosoratany, dia alefa any amin'ny Fitsarana misahana ny ady ifanaovana amin'ny Fanjakana.

And.292 – Ny fandania mifandraika amin'ny fampandehanana ireo Sampana misahana ny fanisam-bato dia zakain'ny toko momba ny fandania amin'ny fifidianana amin'ny tetibolan'ny rafi-pirenena mahaleotena misahana ny fikarakarana sy ny fitantanana ny raharaham-pifidianana.

Ireo mpikambana ao amin'ny sampana misahana ny fanisam-bato dia misitraka tambin-karama raikitra ka ny tetiny dia feran'ny rafi-pirenena mahaleotena misahana ny fikarakarana sy ny fitantanana ny raharaham-pifidianana.

Paragrafy 3 : Ny amin'ny fikirakirana ny vokatry ny famoahana ny voka-pifidianana vonjimaika

And.293 – Ny Rafi-pirenena mahaleotena misahana ny fikarakarana sy ny fitantanana ny raharaham-pifidianana no miandraikitra ny fikirakirana ny antontan-taratasim-pifidianana sy ny famoahana ny voka-pifidianana vonjimaika amin'ny fifidianana any amin'ny faritra.

And.294 – Raha vantany vao voaray ny tahirin-kevitra momba ny fifidianana avy any amin'ny Sampana miandraikitra ny fanisam-bato, araka ny fepetra voalazan'ny andininy etsy ambony, ny rafi-pirenena mahaleotena misahana ny fikarakarana sy ny fitantanana ny raharaham-pifidianana dia manamarina:

- ▢ ny firafitra sy ny fanarahana ireo tahirin-kevitra momba ny fifidianana voarain'ny lalàna ;
- ▢ ny fifanarahana'ny zavatra voalaza ao, ary raha misy ny tsy fifanarahana, dia manao ny
- ▢ fanitsiana ilaina izy;
- ▢ ny fahamarinan'ny kajikajy nataon'ny mpikambana ao amin'ny Biraom-pifidianana sy ny Sampana miandraikitra ny fanisam-bato.

And.295 – Ny rafi-pirenena mahaleotena misahana ny fikarakarana sy ny fitantanana ny raharaham-pifidianana dia afaka manao ny fampitahana ny fitanana an-tsoratra avy amin'ny fangatahan'ny na ireo mpilatsaka ho fidina voakasika, na ny solon-tenan'izy ireo nomem-pahefana amin'izany. Ny fombafomba fampiharana ity fepetra ity dia faritana amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika.

And.296 – Ny rafi-pirenena mahaleotena misahana ny fikarakarana sy

ny fitantanana ny raharaham-pifidianana no mamarana sy mampahafantatra ny besinimaro, isaky ny fari-pifidianana, biraom-pifidianana isaky ny biraom-pifidianana, ny vokatra vonjimaika farafahatarany ao anatin'ny folo andro manaraka ny naharaisana ny fonosana farany avy tamin'ny Sampana misahana ny fanisam-bato.

And.297 – Mandritry ny famoahana ny vokatra vojimaika, ny rafi-pirenena mahaleotena misahana ny fikarakarana sy ny fitantanana ny raharaham-pifidianana no mamoaka :

- ┐ ny isa manontolo ny mpifidy voasoratra;
- ┐ ny isa manontolo ny mpifidy nandatsa-bato;
- ┐ ny isan'ny taratazin-datsabato fotsy sy maty ;
- ┐ ny isan'ny vato manan-kery ;
- ┐ ny tahan'ny fandraisana anjara;
- ┐ ny isa manontolon'ny vato azon'ny mpilatsaka ho fidina tsirairay.

Ny vokatra vonjimaika, ampiarahana amin'ny tovana maneho ny vokatra isaky ny biraom-pifidianana, sy ny tahirin-kevitra nampiasaina tamin'ny raharaham-pifidianana anton'ny fitsipahana sy/na fitoriana dia alefa ao anatin'ny fotoana fohy any amin'ny Fitsarana misahana ny ady ifanaovana amin'ny fanjakana mahefa any amin'ny faritra.

Izany fampitana izany dia atao eo ambany fiandraiketan'ny rafi-pirenena mahaleotena misahana ny fikarakarana sy ny fitantanana ny raharaham-pifidianana.

Paragrafy 4 : Ny amin'ny fanambarana ny vokatra raikitra

And.298 – Ny Fitsarana misahana ny ady ifanaovana amin'ny fanjakana no mamoaka ny vokatra raikitra, amin'ny alalan'ny didim-pitsarana, farafahatarany ao anatin'ny fe-potoana telopolo andro manomboka amin'ny vaninandro namoahana ny vokatra vonjimaika nataon'ny rafi-pirenena mahaleotena misahana ny fikarakarana sy ny fitantanana ny raharaham-pifidianana.

And.299 – Izy no manao ny fanambarana ampahibemaso, ny fanambarana amin'ny fomba ofisialy ny vokatra amin'ny fanoritsoritana manokana, isaky ny fari-pifidianana:

- ┐ ny isa manontolon'ny mpifidy voasoratra anarana ;
- ┐ ny isa manontolon'ny mpifidy nandatsa-bato;
- ┐ ny isan'ny taratazin-datsabato fotsy sy/na maty ;
- ┐ ny isa manontolon'ny vato manan-kery ;
- ┐ ny isan'ny vato manan-kery azon'ny lisitry ny mpilatsa-kofidina tsirairay ;

- ┐ ny isan'ny toerana azon'ny lisitry ny mpilatsa-kofidina tsirairay ;
- ┐ ireo mpilatsa-kofidina ambara fa voafidy ho Lehiben'ny mpanatanteraka sy ho Mpanolo-tsaina.

Tsy maintsy avoakany amin'ny Gazetim-panjakan'ny Repoblika izany didim-pitsarana izany, ary ampahafantariny, ao anatin'ny valo andro manomboka amin'ny namoahany ho an'ny rafi-pirenena mahaleotena misahana ny fikarakarana sy ny fitantanana ny raharaham-pifidianana sy ho an'ny solontena nomem-pahefan'ireo lisitry ny mpilatsa-kofidina voakasik'izany.

Sokajy 8 : Ny amin'ny fifanolanana mikasika ny fifidianana

Paragrafy voalohany : Ny amin'ny fahefana mikasika ny fifanolanana

And.300 – Ny Fitsarana misahana ny ady ifanaovana amin'ny Fanjakana no manam-pahefana mandray izay rehetra fangatahana na fanoherana izay mety hitranga na izany eo amin'ny asa izay mandrafitra ny fanomanana ny raharaham-pifidianana na amin' izay rehetra mifandraika amin'ny fizotry ny latsa-bato.

Izy irery ihany no manam-pahefana afaka mankato ny fanafoanana manontolo na amin'ny ampahany, izay mety ho vokatry ny fanadinoana ireo fombafomba fototra.

Mandritry ny fanaraha-maso ny fitanana an-tsoatr'ireo biraom-pifidianana sy ireo Sampana misahana ny fanisam-bato, ny Fitsarana misahana ny ady ifanaovana amin'ny Fanjakana, na dia tsy misy fitoriana aza, dia afaka maka avy hatrany raha heveriny fa nisy fandikana ireo fepetra voalazan'ny lalàna na didy amam-pitsipika, na noho ny antony hafa mahakasika ny filaminam-bahoaka.

Amin'ny fanapahana fanafoanana, raha voaporofa fa ireo toe-javatra mahatonga ny tsy fanarahan-dalàna na ireo raharaha nolavina izay nanimba ny fahamarinan'ny fifidianana sy nanova ny hevitrin'ny latsa-bato nataon'ireo mpifidy, ny Fitsarana dia mandidy ny hanaovana fifidianana vaovao.

And.301 – Ny Fitsarana misahana ny ady ifanaovana amin'ny Fanjakana no manapaka amboalohany sy tompon-teny farany amin'izay rehetra fifanolanana mikasika ny fifidianana any amin'ny faritra.

Ny didim-pitsarana avoakany dia ampahafantarina ny andaniny voakasika ao anatin'ny valo andro manaraka ny namoahana azy.

And.302 – Azo atao ny mitory mba handravana ny didim-pitsarana navoakan'ny Fitsarana misahana ny ady ifanaovana amin'ny Fanjakana manoloana ny Filankevi-panjakana ao amin'ny Fitsarana Tampony. Tsy mampihantona ny fampiharana ny didim-pitsarana anefa izany.

Paragrafy 2 : Ny amin'ny paikady arahina

And.303 – Ny paika arahina manoloana ny Fitsarana misahana ny ady ifanaovana amin'ny Fanjakana mikasika ny fanoherana rehetra momba ny fifidianana any amin'ny faritra dia tsy maintsy atao manaraka ny fepetra sy ny fomba voalazan'ny Fehezan-dalàna mikasika ny fifidianana ary raha ilaina, ny lalàna nasiam-panovàna laharana 2001-025 tamin'ny 21 desambra 2001 mikasika ny Fitsarana misahana ny ady ifanaovana amin'ny Fanjakana sy ny Fitsarana momba ny fitantanam--bola.

And.304 – Ny paika arahana manoloana ny mpitsara mpandrava didy dia izay voalazan'ny fehezan-dalàna mikasika ny fifidianana sy ny lalàna fehizoro laharana faha-2004-036 tamin'ny 01 oktobra 2004 mikasika ny Fitsarana Tampony.

And.305 – Na ahoana na ahoana, ny fifanolanana rehetra mikasika ny fifidianana dia tsy maintsy karakaraina ao anatin'ny telo volana manomboka amin'ny fanambarana ofisialy ny voka-pifidianana raikitra.

TOKO II : FEPETRA MANOKANA

Sokajy voalohany : Ny amin'ny fifidianana any amin'ny kaominina

Paragrafy voalohany : Ny amin'ny fomba fifidianana

And.306 – Ny Ben'ny tanàna sy ny mpikambana amin'ny Filankevitra dia fidiana amin'ny alàlan'ny latsa-bato andraisan'ny rehetra anjara mivantana ho amin'ny fotoam-piasana efa-taona azo havaozina, amin'ny fifidianana ny lisitra amin'ny alàlan'ny fitsinjaran-toerana amin'ny fihodinana indray mandeha, tsy misy fampifangaroana, na latsabato ahazoana tombon-jo, na lisitra tsy feno.

Ny toerana dia omena ny mpilatsa-kofidina araka ny filaharana ireo anatin'ny lisitra tsirairay ary araka ny fitsipiky ny salan'isa betsaka.

Voafidy ho Ben'ny tanàna ny mpilatsa-kofidina hita eo amin'ny loha-lisitra izay nahazo isam-bato betsaka indrindra amin'ny vato manan-kery.

Ny mpilatsa-kofidina loha-lisitra nefa tsy voafidy ho Ben'ny tanàna dia miataka amin'ny fitsinjarana ny toerana eo anivon'ny Filan-kevitra monisipaly na kaominaly, araka ny voalazan'ny andininy faha-278 amin'ity lalàna ity.

Raha toa ka misy lisitra maromaro mahazo salan'isa mitovy amin'ny fanomezana ny toerana farany, izany dia omena ny lisitra izay nahazo vato betsaka indrindra. Raha toa ka mitovy ny isambato, dia omena izay mpilatsa-kofidina zokiny indrindra amin'ireo tokony ho voafidy.

Paragrafy 2 : Ny amin'ny firafitry ny Filan-kevitra monisipaly na kaominaly

And.307 – Ny Filan-kevitra dia ahitana :

1. Ho an'ny Kaominina ambonivohitra :

└ Mpanolo-tsaina monisipaly 9 ho an'ny Kaominina ambonivohitra misy mponina latsaky ny 50 000 ;

└ Mpanolo-tsaina monisipaly 11 ho an'ny Kaominina ambonivohitra misy mponina 50 001 hatramin'ny 80 000 ;

└ Mpanolo-tsaina monisipaly 13 ho an'ny Kaominina ambonivohitra misy mponina 80 001 hatramin'ny 120 000 ;

└ Mpanolo-tsaina monisipaly 15 ho an'ny Kaominina ambonivohitra misy mponina 120 001 hatramin'ny 250 000 ;

└ Mpanolo-tsaina monisipaly 19 ho an'ny Kaominina ambonivohitra misy mponina mihoatra ny 250 000

2. Ho an'ny Kaominina ambanivohitra :

└ Mpanolo-tsaina kaominaly 5 ho an'ny Kaominina ambanivohitra misy mponina latsaky ny 10 000;

└ Mpanolo-tsaina kaominaly 7 ho an'ny Kaominina ambanivohitra misy mponina mihoatra ny 10 000.

Ny Kaominina iray dia mirafitra ho fari-piadidiam-pifidianana iray.

Paragrafy 3 : Ny amin'ny fepetra manokana ahafahana hofidina

And.308 – Ny olom-pirenena rehetra manana zo hifidy dia azo fidina ho Mpanolotsaina monisipaly na kaominaly na ho Ben'ny tanàna araka ny fepetra ary na dia eo aza ny voalaza manaraka etoana:

1. feno iraika amby roampolo taona katroka amin'ny vaninandron'ny latsabato ;

2. mponina raikitra ao amin'ilay Kaominina, toerana hilatsahany ho fidina sy/na manana tombon-tsoa manokana ho an'izany Kaominina izany.

Paragrafy 4 : Ny amin'ny fepetra fandraisana anjara amin'ny fifidianana

And.309 – Ny mpikambana ao amin'ny Filan-kevitra monisipaly na kaominaly sy ireo Ben'ny tanàna ary ny lefiny izay milatsaka ho fidina amin'ny

fifidianana kaominaly dia ambara fa mametra-pialana avy hatrany raha vantany vao neken'ny Rantsana misahana ny Fanamarinana sy ny Fandraiketana an-tsoratra ny filatsahan-kofodina. Ny fisoloan-toerana vonjimaika ny Ben'ny tanàna nambara fa nametra-pialana avy hatrany dia iantohan'ny Lefitry ny Ben'ny tanàna fisoloan-toerana azy, arakaraky ny filaharan'ny fanendrena azy.

And.310 – Ny Pefe no mametra amin'ny alàlan'ny didim-pitondrana ny isan'ny mpikambana amin'ny Filankevitra hofidina arakaraka ny isan'ny mponina avy amin'ny fanisana nataon'ny Lehiben'ny Distrika.

Sokajy 2 : Ny amin'ny fifidianana any amin'ny Faritra

Paragrafy voalohany : Fomba fifidianana

And.311 – Ny Lehiben'ny Faritra sy ny mpikambana ao amin'ny Filankevitra dia fidiana amin'ny fifidianana andraisan'ny rehetra anjara mivantana ho amin'ny fotoam-piasana efa-taona azo havaozina, amin'ny fifidianana ny lisitra amin'ny alàlan'ny fitsinjaran-toerana amin'ny fihodinana indray mandeha, tsy misy fampifangaroana, na latsa-bato ahazoana tombon-jo, na lisitra tsy feno.

Voafidy ho Lehiben'ny Faritra izay mpilatsa-kofidina loha-lisitra ao amin'ny lisitra nahazo vato betsaka indrindra.

Ny toerana dia omena ny mpilatsa-kofidina arakaraky ny filaharany ao anatin'ny lisitra tsirairay, ary araka ny fitsipiky ny salan'isa betsaka.

Ny mpilatsa-kofidina loha-lisitra nefa tsy voafidy ho Lehiben'ny Faritra dia miataka amin'ny fitsinjarana ny toerana ao anatin'ny Filan-kevi-paritra.

Raha toa ka misy lisitra maromaro mahazo salan'isa mitovy amin'ny fanomezana ny toerana farany, izany dia omena izay lisitra nahazo vato betsaka indrindra. Raha toa ka mitovy ny isambato, ny toerana dia omena izay mpilatsa-kofidina zokiny indrindra amin'ireo tokony ho voafidy.

Paragrafy 2 : Ny amin'ny lisi-pifidianana

And.312 – Ny lisi-pifidianana dia arafitry ny Rafi-pirenena mahaleotena misahana fikarakarana sy ny fitantanana raharaham-pifidianana.

And.313 – Ny vondron'ny mpifidy dia ahitana ny Ben'ny tanàna sy ny Mpanolotsaina monisipaly sy kaominaly any amin'ireo Kaominina mandrafitra ny Faritra.

Paragrafy 3 : Ny amin'ny firafitry ny Filankevi-paritra

And.314 – Ferana ho roa isaky ny Distrika mandrafitra ny Faritra ny

isan'ny mpikambana ao amin'ny Filankevi-paritra.

Ny Faritra iray dia mirafitra ho fari-piadidiam-pifidianana iray.

Paragrafy 4 : Ny amin'ireo fepetra manokana ahafahana hofidina

And.315 – Na dia eo aza ny fepetra voalazan'ny andininy faha-245 etsy ambony, ny olompirenena rehetra manan-jo hifidy dia azo fidina Mpanolotsaina na ho Lehiben'ny Faritra araka ireto fepetra voalaza manokana ireto :

1. feno telopolo taona katroka amin'ny vaninandron'ny latsa-bato ;
2. manana tombontsoa manokana ho an'izany Faritra izany.

Paragrafy 5 : Ny amin'ny fepetra ahazoana mandray anjara amin'ny fifidianana

And. 316 – Ny mpikambana ao amin'ny Filankevi-paritra sy ny Lehiben'ny Faritra, izay milatsa-kofidina amin'ny fifidianana eny anivon'ny Faritra dia ambara fa mametra-pialana avy hatrany raha vantany vao neken'ny Rantsana misahana ny Fanamarinana sy ny Fandraiketana an-tsoratra ny filatsahan-kofodina. Ny fisoloan-toerana vonjimaikan'ny Lehiben'ny Faritra nambara fa nametra-pialana avy hatrany dia hiantohan'ireo Lefiny arakaraky ny filaharan'ny fanendrena azy ireo.

Sokajy 3 : Ny amin'ny fifidianana eny anivon'ny Faritany

Paragrafy voalohany : Fomba fifidianana

And.317 – Ny Lehiben'ny Faritany sy ny mpikambana ao amin'ny Filankevi-paritany dia fidiana amin'ny alalan'ny latsabato andraisan'ny rehetra anjara mivantana ho amin'ny fotoam-piasana efa taona azo avaozina, amin'ny fifidianana lisitra amin'ny alalan'ny fitsinjaran-toerana amin'ny fihodinana indray mandeha, tsy misy fampifangaroana, na latsa-bato ahazoana tombon-jo, na lisitra tsy feno.

Voafidy ho Lehiben'ny Faritany izay mpilatsa-kofidina loha-lisitra amin'izay nahazo vato betsaka indrindra amin'ny vato manan-kery.

Ny toerana dia omena ny mpilatsa-kofidina arakaraky ny filaharan'izy ireo anatin'ny lisitra tsirairay, ary araka ny fitsipiky ny salan'isa betsaka.

Ny mpilatsa-kofidina loha-lisitra nefa tsy voafidy ho Lehiben'ny Faritany dia miataka amin'ny fitsinjarana ny toerana ao anatin'ny Filan-kevi-paritany.

Raha toa ka misy lisitra maromaro mahazo salan'isa mitovy amin'ny fanomezana ny toerana farany, izany dia omena izay lisitra nahazo vato betsaka

indrindra. Raha toa ka mitovy ny isambato, ny toerana dia omena izay mpilatsa-kofidina zokiny indrindra amin'ireo tokony ho voafidy.

Paragrafy 2 : Ny amin'ny lisi-pifidianana

And.318 – Ny rafi-pirenena mahaleotena misahana ny fikarakarana sy ny fitantanana raharaham-pifidianana no mandrafitra ny lisi-pifidianana.

And.319 – Ny vondrona momba ny fifidianana dia ahitana ny Lehiben'ny Faritra sy ny Mpanolotsaim-paritra any amin'ny Faritra mandrafitra ny Faritany.

Paragrafy 3 : Ny amin'ny firafitry ny Filankevi-paritany

And.320 – Ferana ho roa isaky ny Distrika mandrafitra ny Faritany ny isan'ny mpikambana ao amin'ny Filankevi-paritany.

Ny Faritra iray dia mirafitra ho fari-pifidianana iray.

Paragrafy 4 : Ny amin'ireo fepetra manokana ahafahana hofidina

And.321 – Na dia eo aza ny fepetra voalazan'ny andininy faha-245 etsy ambony, ny olom-pirenena rehetra manan-jo hifidy dia azo fidina ho Lehiben'ny Faritany na ho Mpanolo-tsaimparitany araka ny fepetra manokana lazaina manaraka etoana :

1. feno dimy amby telopolo taona katroka amin'ny vaninandron'ny latsabato ;
2. manana tombon-tsoa manokana ao amin'ny Faritany.

Paragrafy 5 : Ny amin'ny fepetra ahazoana mandray anjara amin'ny fifidianana

And.322 – Ny mpikambana ao amin'ny Filankevi-paritany sy ny Lehiben'ny Faritany izay milatsa-kofidina amin'ny fifidianana eny anivon'ny Faritra dia ambara fa mametra-pialana avy hatrany raha vantany vao neken'ny Rantsana misahana ny Fanamarinana sy ny Fandraiketana an-tsoratra ny filatsahan-kofidin'izy ireo. Ny fisoloan-toerana vonjimaika ireo Lehiben'ny Faritany nambara fa nametra-pialana avy hatrany dia hiantohan'ireo Lafiny araka ny filaharan'ny fanendrena azy ireo.

TOKO III : FEPETRA SAMIHAFANA

And.323 – Ampiharina amin'ireo toe-javatra rehetra tsy voafehin'ity lohateny ity ny fehezan-dalàna mikasika ny fifidianana sy ireo rijan-teny fampiharana azy.

LOHATENY VII : FEPETRA SAMIHAFANA SY FARANY

And.324 – Amin'ny alalàn'ny didy aman-pitsipika no hamaritana ny fombafomba fampiharana ity lalàna ity.

And.325 – Ny ratsa-mangaikan'ireo Vondrombahoakam-paritra Itsinjaram-pahefana misy amin'izao fotoana izao dia manohy ny asany mandra-pametrahana amin'ny toerany ny rafitra vaovao voalazan'ity lalàna ity.

And.326 – Foanana ary dia foana ireo fepetra rehetra teo aloha mifanohitra amin'ity lalàna ity, indrindra izay voalazan'ny :

▢ ny lalàna laharana faha 94-001 tamin'ny 26 Aprily 1995 amerana ny isa, ny famaritana, ny fiantsoana ary ny renivohitr'ireo Vondrombahoakam-paritra Itsinjaram-pahefana ;

▢ ny lalàna laharana faha 94-006 tamin'ny 26 Aprily 1995 mikasika ny fifidianana any amin'ny faritra ;

▢ ny lalàna laharana faha 94-007 tamin'ny 26 Aprily 1995 mikasika ny fahefana sy tandrifim-pahefana ary loharanom-bolan'ny Vondrombahoakam-paritra Itsinjaram-pahefana ;

▢ ny lalàna laharana faha 94-008 tamin'ny 26 Aprily 1995 amaritana ny fitsipika mikasika ny fandaminana sy ny fampandehanan-draharaha ary ny anjara andraikitra ny Vondrombahoakam-paritra Itsinjaram-pahefana ;

▢ ny lalàna laharana faha 95-005 tamin'ny 21 jona 1995 mikasika ny tetibolan'ireo Vondrombahoakam-paritra Itsinjaram-pahefana ;

▢ ny lalàna laharana faha-2004-001 tamin'ny 17 jona 2004 mikasika ny Faritra sy ny rijan-teny fampiharana azy.

And.327 – Ity lalàna ity dia havoaka amin'ny Gazetim-panjakan'ny Repoblika.

Hotanterahina izany fa Lalàm-panjakana.

12 septambra 2014

LALANA LAHARANA FAHA 2014 - 021

tamin'ny 12 septambra 2014

mikasika ny fisoloantenam-panjakana

Gazetim-panjakan'ny Repoblikan'i Madagasikara laharana faha 03578
Laharana manokana tamin'ny 03 Oktobra 2014



FIZAHAN-TAKELAKA

TOKO VOALOHANY : FEPETRA ANKAPOBENY	103
TOKO FAHAROA : NY AMIN'NY FANDAMINANA SY NY FOMBA FIASAN'NY FISOLOANTENAM-PANJAKANA	104
SOKAJY VOALOHANY NY AMIN'NY FANDAMINANA.....	104
SOKAJY FAHAROA : NY AMIN'NY FOMBA FIASA	105
TOKO FAHATELO : NY AMIN'NY ANJARA ANDRAIKITRY NY SOLONTENAM- PANJAKANA	105
TOKO FAHEFATRA : NY AMIN'NY FANARAHANA-MASO NY FANARAHAN-DALÀNA.....	107
TOKO FAHADIMY : FEPETRA FARANY	108

FILAZANA NY ANTONANTONY

Ity lalàna ity dia noraisina ho fampiharana ny fepetra voalazan'ny andininy faha-145 ao amin'ny Lalàmpanorenana, ary mametraka ny andinin-dalàna momba ny fisoloantenam-panjakana eny anivon'ireo vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana.

Ity lalàna ity dia maneho fa ilaina tokoa nyiantohana ny fandairana sy ny fahombiazan'ny asan'ny fitantanandraharaham-panjakana eny amin'ny lafitany amin'ny alalan'ny fanamafisana ny andraikitra fandrindrana sy fanampian-tosika ataon'ny Solontenam-panjakana amin'ireo sampandraharaham-panjakana anapariaham-pitondrana.

Ity lalàna ity dia mampisongadina ny fitohizan'ny fitantanandraharaham-panjakana foibe any anivon'ny lafitany.

Ankoatra izany, ny fanatanterahana ny fitsinjaram-pahefana tena izy dia mila fomba fijery vaovao amin'ny famaritana ny andraikitra mpitan-tsoroka sy mpanoro hevitra ataon'ny Solontenam-panjakana amin'ireo manam-pahefana eny amin'ny vondrombahoakam-paritra, nefa tsy mihataka amin'ny andraikiny amin'ny fanaraha-maso ny fanarahan-dalàna.

Araka ny fotokevi-dehibe milaza fa isaky ny ambaratonga-na vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana dia misy rafitra anapariaham-pitondrana mifanandrify aminy, ny Kaomisera Jeneraly no misahana ny fisoloantenam-panjakana eny anivon'ny Faritany, izay vondrombahoakam-paritra vaovao voalazan'ny Lalàmpanorenana.

Eny anivon'ny Faritra, mba iantohana ny fizakan-tena ara-pitantanan'ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana dia tsy azo lalàna ny fanasarahana ny andraikity ny lehiben'ny mpanatanteraka sy ny Solontenam-panjakana, ka izay indrindra no ametrahana ny Prefe ho Solontenam-panjakana eny anivon'ny Faritra.

Ny Lehiben'ny Distrika no misahana ny asan'ny Solontenam-panjakana eny anivon'ny Kaominina.

Ity lalàna ity dia manamafy sy manazava bebe kokoa ny anjara andraikity ny Solontenampanjakana.

Ity lalàna ity dia misy andininy roa amby telopolo, ary mizara ho toko dimy:

- ┐ Toko voalohany : Fepetra ankapobeny
- ┐ Toko faharoa : Ny amin'ny fandaminana sy ny fomba fiasan'ny fisoloantenam-panjakana
- ┐ Toko fahatelo : Ny amin'ny anjaraandraikity ny Solontenam-panjakana
- ┐ Toko fahefatra : Ny amin'ny fanaraha-maso ny fanarahan-dalàna
- ┐ Toko fahadimy : Fepetra farany

LALANA laharana faha 2014 -021
mikasika ny fisoloantenam-panjakana

12 septambra 2014

Ny Antenimieram-pirenena no nandany tamin'ny fivoriana nataony ny 22 aogositra 2014 ;

NY FILOHAN'NY REPOBLIKA,

Araka ny Lalàmpanorenana,

Araka ny fanapahana laharana faha 25-HCC/D3 tamin'ny 10 septambra 2014 nataon'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana,

DIA MAMOAKA HAMPANAN-KERY NY LALANA IZAY TOY IZAO NY ANDININDININY:

TOKO VOALOHANY : FEPETRA ANKAPOBENY

Andininy voalohany - Ho fampiharana ny andininy faha-145 ao amin'ny Lalàmpanorenana, ity lalàna ity dia mifehy ny fisoloantenam-panjakana eny anivon'ireo vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana.

Izy no mametra ny foto-kevi-dehibe mikasika ny fandaminana, ny fomba fiasa ary ny anjara andraikitry ny fisoloantenam-panjakana.

And. 2 - Mpiasam-panjakana manana ny fahalalana sy ny traikefa takian'izany andraikitra izany no misahana ny asan'ny Solontenam-panjakana.

Didim-panjakana raisina eo amin'ny Filankevitry ny Minisitra, araka ny tolo-kevitry ny Minisitra misahana ny Atitany, no anendrena azy.

And. 3 - Ny faripiadidiam-panjakana no sehatra anatanterahana ny asa maha Solontenam- panjakana.

Ny faripiadidiam-panjakana dia fizarazarana ara-pitantanan-draharaham-panjakana eo anivon'ny lafin-tany ary ao anatin'izany no ametrhana ireo sampan-draharaham-panjakana anapariaham- pahefana. Ao anatin'izany fari-piadidiana izany no anatanterahana sy anatontosana ny torolàlana avy amin'ny fitondrana foibe.

**TOKO FAHAROA : NY AMIN'NY FANDAMINANA SY NY FOMBA
FIASAN'NY FISOLOANTENAM-PANJAKANA**

SOKAJY VOALOHANY NY AMIN'NY FANDAMINANA

And.4 - Ireto avy ireo fari-piadiidiam-panjakana :

- ┌ Ny Faritany ;
- ┌ Ny Prefektiora ;
- ┌ Ny Distrika ary;
- ┌ Ny Boriboritanim-panjakana.

Ny Boriboritanim-panjakana dia ahitana ireo fizarazarana ara-pitantanan-draharaham-panjakana fototra antsoina hoe Fokontany.

And.5 - Ny Solontenam-panjakana isaky ny ambaratonganà fariadiidiam-panjakana dia mitondra ireto anarana ireto :

- ┌ « Kaomisera jeneraly» ;
- ┌ « Prefe» ;
- ┌ « Lehiben'ny Distrika».

Ny Lehiben'ny Boriboritanim-panjakana dia mpanampy ny Lehiben'ny Distrika.

And. 6 - Ny Kaomisera Jeneraly no misolotena ny Fanjakana eo anivon'ny Faritany.

And. 7 - Ny Prefe no misolotena ny Fanjakana eo anivon'ny Faritra.

And. 8 - Ny Lehiben'ny Distrika no misolotena ny Fanjakana eo anivon'ny Kaominina.

And. 9 - Ny Kaomisera Jeneraly sy ny Prefe dia samy manana sekretaria jeneraly tsirairay avy.

Didim-panjakana raisina eo amin'ny Filankevitry ny Minisitra araka ny tolokevity ny Minisitra misahana ny Atitany no manendry ny Sekretera jeneraly.

Ny Lehiben'ny Distrika dia manana lefitra roa ka ny iray dia misahana ny fitantanan-draharaham-panjakana ankapobeny sy ny lafitany ary ny iray kosa misahana ny fanohanana ny Kaominina sy ny fampandrosoana eny ifotony. Didim-pitondrana raisin'ny Minisitra misahana ny Atitany no manendry azy ireo.

SOKAJY FAHAROA : NY AMIN'NY FOMBA FIASA

And. 10 - Ny Solontenam-panjakana dia manatanteraka fivoriana fanao ara-potoana miaraka amin'ireo sampam-draharaham-panjakana anapariaham-pahefana ao anatin'ny fari-piadidiany.

Tsy maintsy iantohany ny asa fanohanana ireo tompon'andraikitry ny Vondrombahoakam-paritra Itsinjaram-pahefana.

And. 11 - Eo am-panatanterahana ny asany, ny Solontenam-panjakana dia tsy maintsy manao fanamiana, voatokana ho amin'izany, indrindra mandritra ireo lanonam-panjakana ofisialy.

And. 12 - Ny Kaomisaria jeneraly, ny Prefektiora ary ny Distrika dia manana teti-bola fampandehanan-draharaha isan-taona izay iantsorohan'ny teti-bola ankapoben'ny Fanjakana.

And. 13 - Ny Solontenam-panjakana dia tsy maintsy monina eo amin'ny renivohitry ny fari- piadidiany.

And. 14 - Ny Solontenam-panjakana dia afaka mamindra ny sasantsasany amin'ireo anjara andraikiny amin'ny Sekretera Jeneraly na amin'ireo lefiny arakaraky ny trangan-javatra.

TOKO FAHATELO : NY AMIN'NY ANJARA ANDRAIKITRY NY SOLONTENAM-PANJAKANA

And. 15 - Ny Solontenam-panjakana dia misolo tena ny Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta ary koa ny Minisitra tsirairay, mambra ao amin'ny Governemanta.

Amin'izany, izy no miantoka ny fitohizan'ny asan'ny fitantanan-draharaham-panjakana foibe eo anivon'ny fari-piadidiany.

And. 16 - Ny Solotenam-panjakana dia :

┐ miantoka ny fanatanterahana ny politika ankapoben'ny Fanjakana ao anatin'ny fari-piadidiany ;

┐ □ manana fahefana amin'ireo lehiben'ny sampandraharaham-panjakana anapariaham-pahefana misy ao anatin'ny fari-piadidiany.

And. 17 - Ny Solotenam-panjakana no manentana, mandrindra ary manara-maso ny asan'ireo sampandraharaham-panjakana anapariaham-pahefana samihafa misy ao anatin'ny fari- piadidiany.

Amin'izany :

┐ izy dia mahazo dika mitovy amin'ireo taratasy fifandraisana ara-panjakana rehetra alefan'ny Minisitra na ny Sekreteram-panjakana amin'ireo sampandraharahany anapariaham-pahefana, ary koa ny tatitra mikasika ny

asan'ireo sampandraharaha ireo alefa any amin'ny Minisitra voakasika ;

- ▮ izy dia tsy maintsy ampahafantarina ireo manam-pahefana izay nandidy izany, momba ny fitsidihanana sy iraka ataon'ny mpiasam-panjakana sy mandraharaha ao amin'ny sampandraharaharam-panjakana sy misy ifandraisana amin'ny Fanjakana ao anatin'ny fari-piadiany ;

- ▮ izy no miantso sy mitarika ny fivoriana fanao isam-banim-potoana iarahany amin'ireo tompon'andraikitra ny sampandraharaham-panjakana teknika anaparaham-pahefana, ary tsy maintsy anaovany tatitra momba izany ny lehibeny isan'ambaratonga ;

- ▮ izy dia tsy maintsy mahazo dika mitovy amin'ireo fanapahana mikasika ny famindran- toerana, fanomezana naoty ary ny fialan-tsasatra ho an'ny mpandraharaham-panjakana rehetra ao anatin'ny fari-piadiany.

And. 18 - Azon'ny Solotenam-panjakana atao ny mandray sora-draharaham-panjakana manana endrika fanapahana na didim-pitondrana.

Amin'izany :

- ▮ izy no misahana ny andraikitra manokana ankinin'ny lalàna sy didy amam-pitsipika aminy ;

- ▮ izy no mitandro ny fampiharana sy fanatanterahana ny lalàna sy didy amam-pitsipika ;

- ▮ izy no miandraikitra ny fanatanterahana sy ny fizohina ny fampiarana ny torolàlana avy amin'ny Governemanta ;

- ▮ izy no mampahafantatra ihany koa ny olom-boafidy sy ny mponina mikasika ny politika ankapoben'ny Fanjakana sy ny asan'ny Governemanta ;

- ▮ izy no manao tatitra amin'ny Governemanta mikasika ny toejavatra izay misy ao amin'ny fari- piadiany.

And. 19 - Ny Solotenam-panjakana dia mahazo dika mitovy amin'ireo fanapahana ara-pitsarana mikasika ny fanamelohana ka manohintohina ny zon'ny isambatan'olona sy zo maha-olompirenena ho an'ireo olona monina ao amin'ny fari-piadiany.

And. 20 - Ny Solotenam-panjakana dia tompon'andraikitra amin'ny fandriam-pahalemana sy ny filaminam-bahoaka.

Izy no mitarika ny rafitra misahana ny famaritana ny paikady sy ny fepetra mifanentana amin'izany ho fiarovana sy fitandroana ny fandriam-pahalemana sy ny filaminam-bahoaka ao anatin'ny fari-piadiany.

Amin'izany, afaka mampiasa ny hery fitandroana ny filaminana rehetra mijanona ao amin'ny fari- piadiany izy. Izy no mangataka, araka ny fombafomba voalazan'ny didy amam-pitsipika ny andian'ny Zandarimaria sy ny Tafika mijanona ao amin'ny fari-piadiany.

And. 21 - Ny rafitra voalazan'ny andininy etsy aloha dia ahitana ny Solontenam-panjakana mahefa eny amin'ny lafitany, ny lehiben'ny fampanoavana, ary ny kaomandin'ny andian'ny mpitandro ny filaminana misy ao amin'ny fari-piadidiany.

And. 22 - Ny Solontenam-panjakana dia manohana sy manoro hevitra ny ratsa-mangaika eo amin'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana amin'ny fanatanterahana ny anjara andraikitr'izy ireo.

And. 23 - Ny Solontenam-panjakana dia manana fahefana hanolotra mari-boninahitra ao anatin'ny fari-piadidiany, araka ny fepetra voalazan'ny rijan-teny manan-kery.

TOKO FAHEFATRA : NY AMIN'NY FANARAHAMA-MASO NY FANARAHAN-DALÀNA

And. 24 - Ny Solontenam-panjakana no miandraikitra ny fanaraha-maso ny fanarahan-dalàna amin'ireo sora-draharaha noraisin'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana.

Amin' izany :

- ▢ ny Kaomisera jeneraly no misahana ny fanaraha-maso ny fanarahan-dalàna amin'ny sora-draharaha noraisin'ny Faritany ;

- ▢ ny Prefe no misahana ny fanaraha-maso ny fanarahan-dalàna amin'ny sora-draharaha noraisin'ny Faritra ;

- ▢ ny Lehiben'ny Distrika no misahana ny fanaraha-maso ny fanarahan-dalàna amin'ny sora-draharaha noraisin'ny Kaominina.

Azon'ny Solontenam-panjakana atao ny mampakatra eny amin'ny antokom-pitsarana mahefa arakaraka ny trangan-javatra .

And. 25 - Ny sora-draharaha raisin'ny ratsa-mangaikan'ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana dia tsy maintsy alefa avy hatrany any amin'ny Solontenam-panjakana, izay manome tapakila manamarina ny naharaisany azy ireny.

And. 26 - Ny Solontenam-panjakana no mampakatra eny amin'ny antokom-pitsarana mahefa, ireo sora-draharaha rehetra izay heveriny fa misy tsy fanarahan-dalàna na tsy fanarahana fitsipika , ao anatin'ny telopolo andro manaraka ny naharaisana azy.

And. 27 - Ny Solontenam-panjakana any amin'ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana iray dia mampafantatra tsy misy atak'andro ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana voakasika raha toa ka izy no

mampiakatra ny sora-draharaha any amin'ny antokom-pitsarana mahefa, ary ampahalalainy azy ny fanamarihana rehetra mikasika ny trangan-javatra tsy fanarahan-dalàna na ny toe-javatra tsy fanarahana fitsipika hita ao amin'ilay sora-draharaha voakasika.

And. 28 - Ny Solontenam-panjakana dia afaka mampiaraka amin'ny fampakaran-draharaha ataony, ny fangatahana fampihantonana ny fanatanterahana ny sora-draharaha voakasik'izany. Omena rariny avy hatrany izany fangatahana izany raha hita, eo am-panaovana famotorana, fa marim-pototra ny antony iray voalaza ao anatin'ny fitoriana.

TOKO FAHADIMY : FEPETRA FARANY

And. 29 - Rijan-tenin'ny didy amam-pitsipika no hamaritra ny fombafomba fampiharana ity lalàna ity.

And. 30 – Ny solon-tenam-panjakana dia misitraka ny zo sy tamby ary tombontsoa mifandraika amin'ny fanantotosana ny andraikiny, ka didy amam-pitsipika no mametra ny karazany sy ny habetsahany.

And. 31 - Foanana ary dia foana ireo fepetra rehetra teo aloha mifanohitra amin'ity lalàna ity,

Amin'izay mikasika ny fisoloantenam-panjakana, indrindra ireo voalazan'ny:

┌ ny lalàna laharana faha 94-008 tamin'ny 26 aprily 1995 mamaritra ny fitsipika mikasika ny fandaminana, ny fomba fiasa ary ny anjara andraikity ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ;

┌ ny lalàna laharana faha 2004-001 tamin'ny 17 jiona 2004 mikasika ny Faritra.

And. 32 - Ity lalàna ity dia havoaka amin'ny Gazetim-panjakan'ny Repoblika.

Hotanterahina izany fa Lalàm-panjakana.

12 septambra 2014